
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2012

# Liahona



## Ilay Fahasoavany Mahagaga pj. 10, 12

**Nahoana no Ilaina ny Manatrika Seminera? pj. 20, 46, 48**

**Ry Ray aman-dreny! Manokana Fotoana Iresahana amin'ny Zanakareo pj. 34**

**Rankizy! Miresaha amin'ny Ray aman-dreninareo pj. 58**




NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY FOIBEN'NY ZAVAKANTO AO MINNEAPOLIS (MINNESOTA, ÉTATS-UNIS), NY PUTNAM DANA MCMILLAN FUND, TSY AZO ADIKA

*Ilay Fandavan'ny Masindahy Petera,* nataon'i Gerrit van Honthorst

*"Ary ny ankizivavy anankiray, nony nahita an'i [Petera] nipetraka teo anilan'ny afo, . . .*
*dia . . . nanao hoe: Ity koa nomba an'i [Jesoa].*
*"Fa izy nanda ka nanao hoe: Ravehivavy, tsy fantatro Izy.*
*"Ary vetivety foana rehefa afaka izany, dia nisy olona hafa koa nahita azy ka nanao hoe: Hianao koa mba naman'ireny.*
*Fa Petera nanao hoe: Ralehilahy, tsy mba namany aho.*
*"Ary . . . dia nisy anankiray koa nitompo teny ka nanao hoe: Ilehio nomba azy marina tokoa. . . .*
*"Fa hoy i Petera: Ralehilahy, tsy fantatro izay lazainao. Ary niaraka tamin'izay . . . dia nisy akoho naneno. . . .*
*"Ary nivoaka Petera, dia nitomany mafy indrindra" (Lioka 22:56–60, 62).*

# Liahona, Aprily 2012



12

## HAFATRA


**4** **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Nitsangana tamin'ny maty Izy"—Fijoroana ho vavolombelon'ny Mpaminany iray**
Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

**7** **Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Manehoa Fitiavana, Fikarakarana ary Fampahatanjahana**


## LAHATSORATRA MANOKANA


**12** **Ny Sorompanavotana sy ilay Dia Eto An-tany**
Nataon'ny Loholona David A. Bednar
*Ny fomba hanatanjahan'ny Sorompanavotana antsika mba hanao ny tsara sy ho lasa tsara toetra ary hanompo mihoatra ny faniriantsika sy ny hery ananantsika.*

**20** **Ireo Fitahiana avy amin'ny Seminera**
Nataon'i Brittany Beattie
*Mizara ny fomba hanampian'ny seminera azy ireo mba hanatona an'i Kristy ny zatovo manerana an'izao tontolo izao.*

**26** **Antso Iray ho an'ny Mpikambana Vaovao Iray**
Nataon'i Helena Hannonen

**30** **Filankevitry ny Paroasy Manao ny Asany**
Nataon'i LaRene Gaunt


## DEPARTEMANTA


**8** **Bokikelin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana Volana Aprily: Mianatra Zavatra Bebe Kokoa avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Nataon'i Michael Barber sy i David Marsh

**10** **Miresaka an'i Kristy Isika: Fahasoavana Mahagaga**
Nataon'i Kristen Nicole Cardon

**34** **Ny Tokantranontsika, ny Fianakaviantsika: Manokana Fotoana Hiresahana sy Hihainoana**
Nataon'i Rosemary M. Wixom

**38** **Ny FEON'NY Olomasin'ny Andro Farany**

**74** **Vaovaom-piangonana**

**79** **Hevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy**

**80** **Mandrapihaonantsika Indray: Fanantenana ao amin'ny Sorompanavotana**
Nataon'ny Eveka Richard C. Edgley


**EO AMIN'NY FONONY**
Any ambadika: *Aza Manendry Ahy,* nataon'i Minerva Teichert, nahazoana lalana avy tamin'i Brigham Young University Museum of Art. Ao ambadika: Sombiny avy amin'ny *Indro ny tanako,* nataon'i Jeff Ward

## TANORA MPITOVO


42


**42 Mahafantatra an'i Bleck ny Olona Rehetra**
Nataon'i Adam C. Olson
*Ny fitiavan'i Bleck ny basketball dia sady fitsapana no fitahiana.*




*Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Torohevitra: Fidio ilay pejy izy.*


48

## HO AN'NY TANORA


**46 Fanontaniana sy Valiny**
*Maninona no mila mandeha manao seminera aho raha toa ka afaka mandalina irery ny soratra masina?*

**48 Nahoana no Ilaina ny Manatrika Seminera?**
*Miresaka momba ireo fitahiana avy amin'ny seminera ireo mpaminany fito.*

**50 Seminera any amin'ny Ala Mikitrok'i Équateur**
Nataon'i Joshua J. Perkey
*Ny fomba namenoan'ny seminera fijoroana ho vavolombelona sy fahalalana ary finoana an'ireo zatovo tao amin'ny sampana vaovao iray izay olona niova fo vao haingana ny ankamaroany.*

**52 Inona no aorian'ny Seminera?**
Nataon'i David A. Edwards
*Ity ny fanasana anao hanatrika institiota.*

**53 Andalana Anampy Andalana: 2 Timoty 3:16–17**

**54 Aza Mianjera**
Nataon'i Adam C. Olson
*Ny fikarakarana sy ny fiomanana kely dia afaka misoroka olana lehibe.*

**57 Sary: Halalino ny Soratra Masina**


## HO AN'NY ANKIZY


61


**58 Fotoana Hifampiresahana**
Nataon'i Hilary Watkins Lemon

**61 Nanapatapaka ny Famatoran'ny Fahafatesana Izy**
Nataon'ny Loholona Patrick Kearon
*Maty ny Mpamonjy ary nitsangana tamin'ny maty mba hahafahantsika hiaina indray miaraka amin'ny Ray any an-danitra sy ny fianakaviantsika.*

**62 Mitondra ny Kilonga Mody: Mampianatra Ahy Hisafidy ny Tsara i Jesoa Kristy**

**64 Hira: Hiezaka ho toa an' i Jesoa Aho**
Nataon'i Janice Kapp Perry

**66 Mpirahavavy amin'ny Anarana sy amin'ny Finoana**
Nataon'i Heather Wrigley

**68 Vavolombelona Manokana: Inona no Azoko Atao mba Hanarahana ny Drafitry ny Ray any an-danitra ho Ahy?**
Nataon'ny Loholona Richard G. Scott

**69 Ireo Fitsipiky ny Filazantsarako**

**70 Ho an'ny Ankizy Madinika**

**81 Olona voalaza ao amin'ny Soratra Masina Bokin'i Môrmôna**

**APRILY 2012 BOKY. 12 LAH. 1**
**LIAHONA 10484 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Paul B. Pieper
**Mpanorohevitra:** Keith R.Edwards, Christoffel Golden Jr., Per G. Malm

**Tale mpitantana:** David L. Frischknecht
**Talen'ny Fandrindrana sy ny Fanontana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Fandrafetana Sary:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Jenifer L. Greenwood, Adam C. Olson
**Mpiara-miasa akaiky ao amin'ny Famoahana:** Susan Barrett, Ryan Carr
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanontana:** Brittany Beattie, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, LaRene Porter Gaunt, Carrie Kasten, Jennifer Maddy, Lia McClanahan, Melissa Merrill, Michael R. Morris, Sally J. Odekirk, Joshua J. Perkey, Chad E. Phares, Jan Pinborough, Paul VanDenBerghe, Marissa A. Widdison, Melissa Zenteno

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Scott Van Kampen
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Tompon'andraikitra ambonin'ny Hai-tao:** C. Kimball Bott, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Mooy
**Mpiara-miasa amin'ny Fandrafetana Sary sy ny Famokarana Sary:** Collette Nebeker Aune, Connie Bowthorpe Bridge, Howard G. Brown, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Evan Larsen

**Tompon' andraikitry ny fandikan-teny:** Ifano Rasolondraibe
**Mpandika teny:** Rakotondrasoa Ziva Lalarivelo, Rabemalanto Lucia, Raoelimananiaina Barège

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org ireo zavatra nosoratana sy fanontaniana; na alefaso an-taratasy amin'izao adiresy izao *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA; na alefaso e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.**

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Islandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2012 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.


Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina amy am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
April 2012 Vol. 12 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.

# Zavatra maro kokoa mahaliana ao amin'ny internet Liahona.lds.org




## ZAVATRA AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny **www.languages.lds.org.**

## HO AN'NY OLON-DEHIBE

Lahatsoratra maro ao amin'ity laharana ity no mampianatra sy mijoro ho vavolombelon'ny Mpamonjy. Mandalina bebe kokoa ny Aminy ao amin'ny **JesusChrist.lds.org.**

## HO AN'NY TANORA

Lahatsoratra maro ao amin'ity laharana ity no miresaka mahakasika ny fitahiana azo avy amin'ny seminera (jereo ny pejy 20–25 sy ny 46–53). Raha te-handalina bebe kokoa dia mitsidiha ny **seminary.lds.org.**

## HO AN'NY ANKIZY

Raha hihaino ny hira manao hoe: "Hiezaka ho toa an'i Jesoa Aho" (jereo ny pejy 64–65), dia mitsidiha ny **liahona.lds.org.**

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Antso ao amin'ny Fiangonana,*** *26, 30*
***Asa Fitoriana,*** *42*
***Bokin'i Môrmôna,*** *38*
***Fahasoavana,*** *10, 12*
***Fanantenana,*** *80*
***Fandalinana ny soratra masina,*** *53, 57, 68*
***Fanentanam-panahy,*** *39, 40*
***Fankatoavana,*** *54*
***Fianakaviana,*** *34, 42, 58, 66*
***Fifandraisana,*** *34, 58*
***Fihaonamben'ny Fiangonana,*** *8*
***Filankevitra,*** *30*
***Fiomanana,*** *54*
***Fitsanganana amin'ny maty,*** *4, 61, 62, 70*
***Fitsipika,*** *69*
***Hira,*** *26, 64*
***Institiota,*** *52*
***Jesoa Kristy,*** *4, 10, 12, 61, 64, 70*
***Seminera,*** *20, 46, 48, 50*
***Sorompanavotana,*** *4, 12, 61, 62, 80*
***Vavaka,*** *41*



Nataon'ny Filoha
Thomas S. Monson

# "Nitsangana Tamin'ny Maty Izy"

## FIJOROANA HO VAVOLOMBELON'NY MPAMINANY IRAY

*"Ny antso lehibe an'ny Kristiana," izay nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson dia ny hoe, nitsangana tamin'ny maty i Jesoa avy any Nazareta. "Ny fisian'ny Fitsanganana amin'ny maty dia mitondra fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra" (jereo ny Filipiana 4:7).*[1]

*Ao anatin'ireto andinin-tsoratra manaraka ireto, ny Filoha Monson dia mizara ny fijoroany ho vavolombelona sy ny fankasitrahany ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny Maty ary manambara fa noho ny fandresen'ilay Zanakalahy ny fahafatesana dia ho velona indray ireo zanak'Andriamanitra rehetra tonga eto an-tany.*

### Fiainana ankoatry ny Fiainana eto an-tany

"Mino aho fa tsy misy amintsika afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy ho antsika tao Getsemane, saingy feno fankasitrahana isan'andro aho eo amin'ny fiainako noho ny sorompanavotana nataony ho antsika.

"Afaka nihemotra Izy tamin'ny fotoana farany. Saingy tsy nanao izany Izy. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy mba hahafahany mamonjy ny zavatra rehetra. Rehefa nanao izany Izy dia nanome antsika fiainana any ankoatr'ity fiainana eto an-tany ity. Novonjeny tamin'ny Fahalavoan'i Adama isika.

"Mankasitraka lalina Azy ny foko. Nampianatra antsika ny fomba tokony hiainana Izy. Nampianatra antsika ny fomba hahafatesana Izy. Nanao izay hampilamina ny famonjena antsika Izy."[2]

### Manaisotra ny Haizin'ny Fahafatesana

"Ao anatin'ny toe-javatra sasantsasany, toy ny rehefa ao anatin'ny fijaliana sy aretina lehibe dia tonga toy ny anjely mitondra famindram-po ny fahafatesana. Saingy amin'ny ankapobeny dia eritreretintsika ho toy ny fahavalon'ny fahasambaran'ny olombelona izany.

"Azo esorina foana amin'ny alalan'ny hazavan'ilay fahamarinanana nambara ny haizin'ny fahafatesana. 'Izaho no fananganana ny maty sy fiainana,' hoy ilay Mpampianatra. 'Izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray: Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay.'

"Izany fanamafisana ny toky nomena izany—eny, fanamafisana masina mihitsy—mikasika ny fiainana any ankoatry ny fasana dia afaka manome tsara ilay fiadanana nampanantenain'ny Mpamonjy tamin'Izy nanome toky ny mpianany nanao hoe: 'Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo: tsy tahaka ny fanomezan'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.'"[3]

### Tsy Ato Izy

"Velona indray ilay Mpamonjy antsika. Niseho ilay zavatra tena faran'izay lehibe sy mitondra fankaherezana ary fanamafisan-toky indrindra tao anatin'ny zava-niseho rehetra teo amin'ny tantaran'ny olombelona—dia ny fandresena ny fahafatesana izany. Voaesotra ilay fijaliana sy fahoriana tao Getsemane sy Kalvary. Voalamina ny famonjena ny olombelona. Niseho ny famonjena tamin'ny Fahalavoan'i Adama.


"Ilay fasana foana tamin'izany maraina voalohan'ny Paska izany dia namaly ny fanontanian'i Joba: 'Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?' Ho an'ny olona rehetra izay maheno ny feoko dia ambarako hoe, raha maty ny olona dia ho velona indray izy. Fantatsika izany satria manana ny hazavan'ny fahamarinana isika. . . .

"Ry rahalahy sy anabavy malala, ao anatin'ny fotoampahoriantsika lalina dia afaka mahazo fiadanana lehibe avy amin'ny tenin'ilay anjely tamin'izany andro maraina izany isika: 'Tsy ato Izy, fa efa nitsangana.'"[4]

### Ho Velona Indray ny Olona Rehetra

"Isika dia mihomehy, mitomany, miasa, milalao ary mitia sy miaina. Ary avy eo isika dia maty. . . .

*I TOMASY BE AHIAHY*, NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH



"Ary dia nitoetra tao anatin'ny fahafatesana foana isika raha toa ka tsy nisy ilay Lehilahy iray sy ny asa nanirahana Azy, dia tsy iza fa i Jesoa avy any Nazareta izany. . . .

"Hasandratro miaraka amin'ny foko iray manontolo sy ny fientanentanan'ny fanahiko ny feoko mba hijoro ho vavolombelona amin'ny maha-vavolombelona manokana ahy ary hanambara fa velona Andriamanitra. I Jesoa dia Zanakalahiny, ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo. Mpanavotra antsika Izy ary Mpanelanelana antsika amin'ny Ray. Izy ilay maty teo amin'ny hazo fijaliana mba hanonitra ny fahotantsika. Lasa santatry ny Fitsanganana amin'ny maty Izy. Satria maty Izy dia ho velona indray isika."[5]

## Fijoroana ho Vavolombelona Manokana

"Manambara ny fijoroako ho vavolombelona manokana aho fa resy ny fahafatesana sy ny fasana. Enga anie ka ho lasa tena fahalalana marina ho an'ny rehetra ireo teny izay nataony lasa masina noho Izy nahatanteraka azy ireo. Tsarovy izy ireo. Tiavo izy ireo. Hajao izy ireo. *Nitsangana Tamin'ny Maty Izy.*"[6] ■

**FANAMARIHANA**

1. "He Is Risen," *Liahona,* Apr. 2003, 7.
2. "At Parting," *Liahona,* Mey 2011, 114.
3. "Now Is the Time," *Liahona,* Jan. 2002, 68; jereo koa ny Jaona 11:25–26; 14:27.
4. "He Is Risen," *Liahona,* Mey 2010, 89, 90; jereo koa ny Joba 14:14; Matio 28:6.
5. "Fantatro fa Velona ny Mpanavotra Ahy!" *Liahona,* Mey 2007, 24, 25.
6. *Liahona,* Apr. 2003, 7.

## FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Aorian'ny fizarana ny teny avy tao amin'ny hafatry ny Filoha Monson, dia diniho ny fijoroana ho vavolombelona nozarainy mikasika ny tena dikan'ny Paska. Afaka mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ireo olona ao amin'ny fianakaviana ianao: "Midika inona aminao izany hoe nijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana ireo ankehitriny ny mpaminany velona iray? Ahoana no ahafahanao mampihatra azy ireo eo amin'ny fiainanao?" Zarao koa ny fijoroanao ho vavolombelona.

# HO AN'NY TANORA

## Mbola Hahita Azy Indray Aho

Nataon'i Morgan Webecke

Nanao izay hahatsapanay zanaka tsirairay hoe, miavaka, i Dada. Tia anay Izy ary mora mamela ny fahadisoanay. Nanao izay tsara indrindra vitany izy mba hahazoana antoka fa faly izahay tsirairay ary nataony nazava fa maniry ny tsara indrindra hiseho eo aminay izy. Tena tiako be izy.

Fony aho tany amin'ny kilasy fahaenina dia maty tao anatin'ny lozam-piarakodia ny raiko. Nalahelo fatratra ny fianakaviako. Nisy banga be teo amin'ny fianakavianay. I Dada no olona nianteherako sy nanatonako rehefa nanana olana aho. Raha tokony nitady fanampiana aho taorian'ny fahafatesany dia navelako nitoetra tao amiko ny hatezerena sy ny alahelo. Nanapa-kevitra aho tamin'ny farany fa hadisoan'Andriamanitra izany. Nijanona tsy namaky ny soratra masina aho ary tsy nivavaka intsony. Nandeha niangona aho satria te-handeha i Neny. Niezaka ny nanalavitra ny Raiko any an-danitra aho.

Dia mba nandeha vao voalohany tany amin'ny lasin'ny Zatovovavy aho. Tiako ny nahita namana vaovao, saingy mbola tsy namaky ny soratra masina aho. Ny alina farany dia nanao fivoriana fijoroana ho vavolombelona izahay. Nahatsapa zavatra iray izay tsy nananako nandritra ny fotoana ela aho: ny Fanahy. Nahafinaritra ahy ireo zatovovavy izay nitsangana sy nizara ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona, saingy tsy nihetsika aho fa nipetraka satria nieritreritra fa tsy manana izany. Tampoka teo dia nahatsapa toy ny hoe tsy maintsy mitsangana aho. Nosokafako ny vavako ary nanontany tena aho hoe inona no tokony holazaina. Dia nilaza aho fa nahafaly ahy ny lasin'ny Zatovovavy. Dia avy eo aho nilaza fa fantatro fa maty ho ahy i Jesoa ary ny Raiko any an-danitra dia tia ahy ary marina ny Fiangonana.

Nahatsapa fiadanana miavaka aho. Noho izany zavatra niainako izany dia afaka milaza aho fa fantatro fa mbola hahita ny raiko indray aho noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ary ny Fitsanganana amin'ny maty.

# HO AN'NY ANKIZY

## Velona Izy!

Ny Filoha Monson dia mampianatra hoe, satria maty sy nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy dia mbola ho velona indray isika. Jereo ireo sary etsy ambany. Manorata tarehimarika ao anatin'ilay efamira tsirairay mba hampisehoana ny filaharan'ny fitrangan'ireo zava-niseho ireo.

Satria velona i Jesoa Kristy dia afaka ny hiaraka mandrakizay ny fianakaviana. Manaova sary iray izay ahitana ny fianakaviana ao anatin'io efamira eo ambany eo io.



SARY NATAON'I STEVE KROPP

*Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny rahavavy izay vangianao. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin'ny fiainanao.*

# Manehoa Fitiavana, Fikarakarana ary Fampahatanjahana

Ireo mpamangy isan-tokantrano dia manompo tsirairay toy ny Mpamonjy (jereo ny 3 Nefia 11:15). Fantatsika fa mahomby isika ao anatin'ilay asa fanompoana ataontsika amin'ny maha-mpamangy isan-tokantrano antsika rehefa afaka miteny ny rahavavintsika hoe: (1) Manampy ahy hivoatra ara-panahy ny mpamangy isan-tokantranoko; (2) Fantatro fa miahy lalina ahy sy ny fianakaviako ny mpamangy isan-tokantranoko; ary (3) rehefa manana olana aho dia fantatro fa ny mpamangy isan-tokantranoko dia handray andraikitra fa tsy miandry angatahana.[1]

Ahoana no ahafahantsika mpamangy isan-tokantrano mitia sy mikarakara ary mampatanjaka rahavavy iray? Ireto manaraka ireto dia torohevitra hita ao amin'ny toko faha-7 ao amin'ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (Ireo Zanakavavin'ny Fanjakako: Tantara sy Asan'ny Fikambanana Ifanampiana) mba hanampiana ireo mpamangy isan-tokantrano hanompo ireo rahavaviny:

- Mivavaka isan'andro ho azy sy ny fianakaviany.
- Mikatsaka fitaomam-panahy mba hahafantatra azy sy ny fianakaviany.
- Mamangy tsy tapaka azy mba hahafantarana hoe manao ahoana izy ary mba hampaherezana sy hanomezana hery azy.
- Manana fifandraisana matetika aminy amin'ny alalan'ny famangiana, fiantsoana amin'ny telefaonina, fandefasana taratasy sy e-mail ary hafatra amin'ny telefaonina, ary amin'ny alalan'ny fanaovan-javatra maneho hatsaram-panahy.
- Miarahaba azy rehefa any amin'ny fivoriam-piangonana.
- Manampy azy rehefa tratran'ny voina tampoka na marary, na mila fanampiana hafa haingana.
- Mampianatra azy ny filazantsara avy amin'ny soratra masina ary avy amin' ireo Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano.



- Manentana ny fanahiny amin'ny alalan'ny fanehoana ohatra tsara.
- Manao tatitra any amin'ny mpitarika iray ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana mikasika ny asa nataon'izy ireo sy mikasika ny toe-piainan'ilay rahavavy ara-panahy sy ara-nofo.

### *Avy amin'ny Soratra Masina*

Lioka 10:38–39; 3 Nefia 11:23–26; 27:21

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Julie B. Beck, "Ireo Zavatra Antenaiko mba ho Takatr'ireo Zafikeliko Vavy (sy Lahy) momba ny Fikambanana Ifanampiana," *Liahona,* Nôv. 2011, 113.
2. *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 112.
3. *Daughters in My Kingdom,* 119–20.
4. Brigham Young, "Remarks," *Deseret News,* 15 Ôkt. 1856, 252.
5. Jereo ny *Daughters in My Kingdom,* 36–37.

### *Inona no Azoko Atao?*

**1.** Ahoana no ahafantarako ny zavatra ilain'ireo rahavaviko?

**2.** Ahoana no hahafantaran'ireo rahavaviko fa tena maneho fiahiana lalina azy ireo aho?

Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny www.reliefsociety.lds.org.

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

### *Avy amin'ny Tantarantsika*

"Ny famangiana isan-tokantrano dia lasa fitaovana ho an'ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany mba hanehoana fitiavana sy hikarakarana ary hanompoana—mba 'hanaovana asa mifanaraka amin' ilay fangorahana izay nambolen' Andriamanitra ao anatin[tsika],' araka ny nampianarin'i Joseph Smith."[2]

Nisy rahavavy iray izay maty vady vao haingana nilaza zavatra momba ireo mpamangy isan-tokantranony hoe: "Nihaino ahy izy ireo. Nampahery ahy izy ireo. Niara-nitomany tamiko izy ireo. Ary namihina ahy izy ireo. . . . Nampian'[izy ireo] aho mba ho tafavoaka tamin'ilay hakiviana sy harerahan-tsaina amam-panahy tao anatin'ireo volana vitsivitsy voalohany naha-irery ahy."[3]

Ny fanampiana eo amin'ny lafiny ara-nofo koa dia endrika irain'ny asa fanompoana. Tamin'ny fihaonamben'ny fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1856, dia nanambara ny Filoha Brigham Young fa nisy sarety tarihin-tanana izay an'ireo mpisava lalana tafahitsoka tao anaty ranomandry lalina any amin'ny 435–595 km lavitra any. Niantso ireo Olomasin'ny Andro Farany tao Salt Lake City izy mba hanampy azy ireo sy "hifantoka amin'ny fomba hentitra amin' ireo zavatra izay antsointsika hoe ara-nofo."[4]

I Lucy Meserve Smith dia nirakitra an-tsoratra fa nesorin' ireo vehivavy teo noho eo ihany tao amin'ny tabernakely ireo atin'akanjo sy ny ba mafana teny amin'izy ireo ary navangongo tao anatin'ireo sarety mba halefa any amin'ireo mpisava lalana matin'ny hatsiaka. Dia nanangona lamba firakotra sy akanjo izy ireo ho an'ireo izay ho avy miaraka amin'ireo fananana kely amin'ny farany. Rehefa tonga ireo vondron'olona nandeha tamin'ny sarety tarihin-tanana dia nisy tranobe iray teo an-tanàna izay "feno sakafo sy kojakoja noteherizina ho azy ireo."[5]

TSIRAIRAY, NATAON'I WALTER RANE, NAHAZOANA LALANA TAMIN'NY TRANOM-BAKOKY NY TANTARAN'NY FIANGONANA.

# Bokikelin'ny **Fihaonamben'ny Fiangonana Volana Aprily**

*"Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko, . . . na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany" (F&F 1:38).*

## Mianatra Zavatra Bebe Kokoa avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

**Nataon'i Michael Barber sy i David Marsh**
Departemanta misahana ny Fandaharam-pampianarana

Na dia miteny hoe "amena" aza isika any amin'ny fiafaran'ny fivoriana faran'ny fihaonambe dia tsy voatery hifarana eo ny fivokisana ara-panahy. Afaka mitohy izany rehefa mandalina sy mampihatra ireo fampianarana avy ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana isika. Nandritra ny taona maro dia namporisika antsika mba tsy hanao afatsy izany fotsiny ireo mpaminany. Ohatra, tamin'ny 1946, ny Filoha Harold B. Lee (1899–1973) dia namporisika ny mpikambana mba hamela an'ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ho toy ny "mpitarika ny zavatra ataony sy teneniny mandritra ny enim-bolana ho avy." Nanazava izy hoe: "Ireo no zavatra manan-danja izay hitan'ny Tompo fa tokony ho ambara amin'ny olona ao amin'izao andro izao."[1]

Tamin'ny 1988, ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) dia namerina nilaza izany torohevitra izany rehefa nampianatra izy hoe: "Mandritra ny enim-bolana ho avy, ny laharan'ny gazetiboky *Ensign* misy ny fihaonamben'ny Fiangonana dia tokony hapetraka miaraka amin'ireo soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana ary tokony ho jerena matetika."[2]

Rehefa namarana ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny volana Ôktôbra 2008 ny Filoha Thomas S. Monson dia nanamafy ny lanjan'ny fandalinana ireo lahatenin'ny fihaonambe. Nilaza izy hoe: "Enga anie isika hahatsiaro mandritra ny fotoana ela ny zavatra henontsika nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana. Ireo hafatra nomena dia hivoaka amin'ny volana ambony ao amin'ny gazetiboky *Ensign* sy *Liahona*. Mamporisika anareo aho mba handalina azy ireo sy hisaintsaina ny fampianarana ao anatiny."[3]

Rehefa mandalina sy misaintsaina ireo hafatra avy ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ianao dia inona no azonao atao mba hahatonga azy ireo hanan-danja kokoa eo amin'ny fiainanao? Ireto misy torohevitra vitsivitsy mba hanampiana anao hiomana sy handray izany teny manentana ny fanahy izany ary



hanao asa mifanaraka amin'izany.

**Miomana mba handray fanentanam-panahy.** Na mijery ianao na mihaino na mamaky ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia tsy maintsy manokatra ny fonao sy ny sainao mba hahazo fanentanam-panahy avy amin'Andriamanitra. Ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa na dia tsara toy ny inona aza ny fampianaran'ilay mpandahateny, "ny votoatin'ilay hafatra sy ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy Masina dia tsy ho tafiditra ao am-po raha tsy rehefa avelan'ilay mpandray hiditra izany." Nanazava izy fa ny fahazoana fanentanam-panahy dia "mitaky ezaka ara-panahy sy ara-tsaina ary ara-batana fa tsy fandraisana tsotra fotsiny."[4]


Ireto manaraka ireto dia afaka manampy amin'ny fanomanana anao ho ampianarina amin'ny alalan'ny Fanahy:

1. Manokana fotoana dia mamorona fialamboly azo atao malalaka tsara eo amin'ny tontolo manodidina izay ahafahanao mahazo bitsika ara-panahy.
2. Katsaho ny fitarihan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka.
3. Ataovy lisitra ireo fanontaniana na olan'ny tena manokana izay itadiavanao valiny.

**Ataovy izay ahatakarana ireo hafatra.** Ireo mpaminany velona dia mampianatra, manazava sy mampitandrina ary mijoro ho vavolombelona. Ny fijerena akaiky ny lahatenin'izy ireo dia hanampy anao hahatakatra feno kokoa ireo hafatra nozarainy. Ireto misy fomba fandalinana mahomby vitsivitsy:



- *Mametraha fanontaniana.* Ohatra: Inona no tian'ny Tompo hianarako avy amin'ity hafatra ity? Ahoana no fomba ampivelaran'ity lahateny ity ny fahatakarako ny fitsipiky ny filazantsara iray na ny andinin-tsoratra masina iray? Inona avy ireo tantara ampiasaina mba hanehoana ireo fitsipiky ny filazantsara ary inona no zavatra ianarako avy amin'izy ireo?
- *Soraty ireo hevi-dehibe.* Diniho tsara hoe inona avy ireo hevi-dehiben'ilay mpandahateny. Zarazarao ilay lahateny ary manorata famintinana izay manazava ny hevi-dehibe hita ao amin'ny fizarana tsirairay.
- *Mitadiava karazan-javatra samihafa ao anatin'ilay lahateny.* Raiso an-tsoratra ny karazan-javatra toy ny fotopampianarana, soratra masina, tantara, fampitandremana, fitanisan-javatra, fijoroana ho vavolombelona, fanasana hanao asa, ary fitahiana ampanantenaina raha mankatò ilay torohevitra.
- *Halalino mihoatra ny indray mandeha ny lahateny.* Ilaina ny fandalinana ny fahamarinan'ny filazantsara mihoatra ny indray mandeha mba hahatakarana ny dikany sy ny lanjany feno. Isaky ny mandalina ianao dia raiso an-tsoratra ireo fahalalana vaovao izay voarainao.




## SORATY IZANY ARY ERITRERETO


"Ao anatin'ireo zavatra rehetra henontsika dia mety misy fehezanteny na andinin-tsoratra izay hiavaka sy hisarika ny saintsika. Raha miseho izany dia manantena aho fa hanoratra izany isika ary handinika izany mandrapahatakarantsika ny tena halalin'ny dikany ary mandrapampidintsika izany ao anatin'ny fiainantsika manokana."

**Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008), "An Humble and a Contrite Heart," *Liahona*, Jan. 2001, 103.**

**Ampiharo ny zavatra nianaranao.** Raha toa ka mandalina ombam-bavaka an'ireo lahateny ireo ianao, dia hahita ny fomba iantefan'ireo hafatra ireo eo amin'ny fiainanao. Afaka mahafantatra ny fomba fanaovana fanovana manan-danja ianao amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana toy ny hoe: Inona no tian'ny Tompo hataoko amin'izay zavatra nianarako? ary Inona no zavatra nianarako izay hanampy ahy ao amin'ny fianakaviako na ny asako na ny antsoko ao am-piangonana? Soraty ireo zavatra tsapanao mba tsy hanadinoanao azy ireo. Raha manao izany ianao dia ho entanim-panahy hiaina araka ny fampianarana ary hahazo ireo fitahiana nampanantenaina.

Ny fihaonamben'ny Fiangonana dia fotoana iray hanambaran'ny Tompo aminao ny sitrapony amin'ny alalan'ireo mpanompony. Ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) raha ny mikasika ireo lahateny amin'ny Fihaonambe, dia nampianatra hoe: "Ankoatra ireo boky soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana dia tsy misy lahatsoratra na boky tokony hanana toerana miavaka kokoa noho [ireo lahatenin'ny fihaonambe] eo amin'ny talantanan'ny fitoeram-bokinao manokana—tsy hoe noho ny hakanton'ny fomba nanoratana azy na ny fahaiza-mandaha-teny hita ao anatiny, fa noho ireo hevitra izay manoro ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay."[5] ■





Raha te-hijery na hihaino ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia tsidiho ny conference.lds .org.


### FANAMARIHANA

1. Harold B. Lee, tao amin'ny Conference Report, Apr. 1946, 68.
2. Ezra Taft Benson, "Come unto Christ, and Be Perfected in Him," *Ensign,* Mey 1988, 84.
3. Thomas S. Monson, "Until We Meet Again," *Liahona,* Nôv. 2008, 106.
4. David A. Bednar, "Seek Learning by Faith," *Liahona,* Sept. 2007, 17, 20.
5. Spencer W. Kimball, *In the World but Not of It,* Brigham Young University Speeches of the Year (14 Mey 1968), 3.



ANKAVIA: SARY NALAIN'I ROBERT CASEY; ANKAVANANA: SARY NATAON'I MATTHEW REIER

# FAHASOAVANA Mahagaga

Nataon'i Kristen Nicole Cardon

SARY NATAON'I ASH RAM

*Miantehitra amin'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy aho isan'andro.*



**AO ANATIN'NY HERIN'NY TOMPO**

"Miaraka amin'ilay finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ny fankatoavana ny filazantsara, ny fanaovana dingam-pivoarana iray isaky ny mandeha, ny fitalahoana mba hahazo hery, ary ny fampivoarana ny toetrantsika sy ny tanjontsika, dia hahita ny tenantsika amim-pahombiazana ao anatin'ny valan'ilay Mpiandry Tsara isika. Izany dia hitaky fitsipi-pifehezan-tena sy fiofanana ary asa sy hery. Saingy hoy ny Apôstôly Paoly hoe: 'Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mampahery ahy.' (Filipiana 4:13)."

**Filoha Howard W. Hunter (1907–95), "Developing Spirituality," *Ensign*, Mey 1979, 26.**

"Tsy dia miresaka matetika momba ny fahasoavana isika mandritra ireo fivoriam-piangonantsika," hoy ilay mpampianatra finoana ahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, "saingy amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia *tena* mino ny fahasoavana isika."

Tena tsy dia mahatadidy loatra lesona mikasika ny fahasoavana natao tao amin'ny Zatovovavy na Sekoly Alahady aho, saingy niverina tato an-tsaiko ilay amboarampeo tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa nianarako izay nihira ilay hoe: "Amazing Grace" (Fahasoavana Mahagaga).


*Fahasoavana mahagaga! (tena mamy ny maheno izany!)*
*No nanavotra olona ratsy toetra toa ahy!*
*Efa very nefa hita indray;*
*Jamba nefa mahita aho izao.*[1]

"Ny fahasoavana dia herin'Andriamanitra avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," araka ny fanazavan'ilay mpampianatra ahy. "Zaraiko ho hery efatra ny fahasoavana: fitsanganana amin'ny maty, fanavotana, fanasitranana ary fampaherezana." Notohizany tamin'ny fanazavana ny hery tsirairay izany, saingy niverina tany amin'ireo fahatsiarovako indray ny saiko.

Izany amboarampeo tao amin'ilay sekoly ambaratonga faharoa izany koa dia nandeha nanao dia tany Californie, Etats-Unis indray mandeha mba hifaninana tao anatin'ny fifaninanana mozika iray. Narary aho fotoana fohy talohan'ny nandehanana ary ilay tendako narary dia nidika hoe tsy afaka ny hihira aho mandritra ilay fifaninanana—na raha hihira aho dia zara raha hihira miaraka amin'ilay fanaintainako. Nangataka tsodranon'ny fisoronana tamin'ny raiko aho ary nanokana ny andro manaraka mba hivavahana hahazoana fahasitranana.

Angamba tsy dia takatro tanteraka tamin'izay fa rehefa nihira ny "Amazing Grace" (Fahasoavana Mahagaga) niaraka tamin'ilay tenda sitrana aho nandritra ilay fifaninanana, dia nihira mikasika ilay tena hery nanasitrana ahy iray andro talohan' izany. Nitahy ahy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy tamin'izay andro izay. Loharanon'ny fahasitranako ny fahasoavany.

*"Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny Olony Izy" (Almà 7:11).*



Taorian'ny sekoly ambaratonga faharoa, toy ireo mpianatra ao amin'ny taona voalohany rehetra dia sahirana tamin'ny fianarako tany amin'ny oniversite aho sy ireo olana amin'ny fipetrahana lavitra ny trano fonenana no sady mipetraka koa miaraka amin'ny mpiray efitrano miisa dimy.

Izany dia tamin'ny fotoana nianarako nahatakatra ilay herin'ny fahasoavan'i Kristy izay mitondra tanjaka sy fanampiana. Nandany ny fotoanako tamin'ny fiasana sy ny fandalinana aho saingy niantehitra tamin'ny vavaka atao isan'andro, ka tao anatin'izany no nitalahoako tamin'ny Ray any an-danitra ny mba hanomezany ahy fahaiza-manao hanatanterahana ireo andraikitra ilaina. Rehefa nandeha ny taom-pianarana dia nahita tamim-pifaliana aho fa rehefa niaraka tamin'ilay herin'ny fahasoavan'i Kristy izay mitondra tanjaka sy fanampiana, dia afaka nanao izay tokony hatao aho, tsy hoe araka ny tokony ho izy fotsiny fa tsy nisy olana mihitsy koa.

*"Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mpampahery ahy" (Filipiana 4:13).*

Na dia tsy maintsy mbola hiaina ireo lafin-javatra roa hafa ao amin'ny fahasoavany aza aho—ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fahafenoan'ny fanavotana—dia mbola miankina amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isan'andro. Ny fahasoavana, izay herin'Andriamanitra avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia nanasitrana sy nampahery ahy. Rehefa miezaka mankatò ny didin'Andriamanitra aho ary manaraka ny sitrapony, dia mahazo hery avy any an-danitra izay mihoatra lavitra an'ilay fahaiza-manao manokana ananako.

*"Noho ny fahasoavany no hamonjeny antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao" (2 Nefia 25:23).* ■

**FANAMARIHANA**

1. John Newton, "Amazing Grace," *Olney Hymns* (1779), no. 41.

**AHOANA NO FOMBA FIANTRAIKAN'NY FAHASOAVAN'NY TOMPO EO AMIN'NY FIAINANTSIKA?**

Ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia mitondra fanampiana amin'ny famaliana izany fanontaniana izany ao amin'ny "Ny Sorompanavotana sy ilay Dia Eto An-tany" ao amin'ity laharana ity ao amin'ny pejy 12:

- "Ny Tompo dia maniry, amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina mba *hiaina* ao anatintsika—tsy hoe hitarika antsika fotsiny fa koa mba hanome hery antsika."
- "Ny fahasahian'ny tena manokana, ny fahavononan'ny tena manokana, ny fahavitrihana sy ny fametrahana lamina mahomby ary ny fametrahana tanjona dia ilaina nefa tena tsy ampy mba hanatanterahantsika amim-pahombiazana ity dia eto an-tany ity. Isika dia tena tsy maintsy miantehitra amin'ny 'fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina' (2 Nefia 2:8)."
- "Ilay hery manampin'ny Sorompanavotana dia manome tanjaka antsika mba hanao ny tsara sy ho olona tsara ary mba hanompo mihoatra noho ny fanirian'ny tenantsika manokana sy ny hery araboajanahary ananantsika."

***Manorata ao amin'ny diarinao ary zarao amin'ny fianakavianao ireo fotoana izay nahatsapanao ny fahasoavan'ny Tompo izay nanasitrana na nanampy na nampahery anao.***



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Sorompanavotana

## SY ILAY DIA ETO AN-TANY

*Ilay hery manampin'ny Sorompanavotana dia manome tanjaka antsika mba hanao ny tsara sy ho olona tsara ary mba hanompo mihoatra noho ny fanirian'ny tenantsika manokana sy ny hery ara-boajanahary ananantsika.*

Ny tanjona lehiben'ny filazantsaran'ny Mpamonjy dia voafintina amin'ny teny fohy nolazain'ny Filoha David O. McKay (1873–1970) hoe: "Ny tanjon'ny filazantsara dia . . . hanova ireo olona ratsy ho tsara ary ireo olona tsara ho lasa tsara kokoa ary hanova ny toetra amin'ny maha-olombelona."[1] Noho izany ny dia atao eto an-tany dia mba hivoarana miainga eo amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara ary mba hiainana ilay fiovam-po lehibe—manova ilay toetrantsika mifono fahalavoana (jereo ny Môsià 5:2).

Ny Bokin'i Môrmôna dia boky torolalana ho antsika rehefa mandeha eo amin'ilay lalana miainga any amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara ary mitondra amin'ny tsara kokoa isika sy rehefa miezaka ny hanova ny fontsika. Ny Mpanjaka Benjamina dia mampianatra momba izany dia eto an-tany izany sy ny anjara asan'ny Sorompanavotana ao anatin'ny fanatanterahana amim-pahombiazana izany dia izany: "Fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon'Andriamanitra ary efa toy izany hatramin'ny fahalavoan'i Adama ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy *ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina* amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo" (Môsià 3:19; nampiana fanamafisana).

Sarihiko amin'ny alalan'ny andian-teny roa miavaka ny sainareo. Voalohany—"manaisotra ny maha olona araka ny nofo." Ny dia miainga eo amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara dia dingana iray hanesorana ny maha-lehilahy na maha-vehivavy araka ny nofo ao anatintsika. Eto amin'ity fiainana ity dia azon'ny fakam-panahy amin'ny alalan'ny fanirian'ny nofo isika. Ireo singa tena namoronana ny vatantsika dia mifono fahalavoana ara-boajanahary ary mety mora iharan'ny fahotana sy ny fahalovana ary ny fahafatesana foana. Saingy afaka mampitombo ny herintsika mba handresena ny fanirian'ny nofo sy ny fakam-panahy isika "amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy." Rehefa manao fahadisoana isika sy rehefa mandika lalàna sy manota dia afaka mibebaka

Ó RY RAY, NATAON'I SIMON DEWEY



sy lasa madio amin'ny alalan'ilay hery manavotry ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Faharoa—"tonga olomasina." Io andian-teny io dia mamaritra ny tohin'ilay dia eto an-tany sy ilay dingana faharoa dia ny hanao izay hahatonga "ny olona tsara ho lasa tsara kokoa" na amin'ny teny hafa dia hoe, ho lasa olomasina bebe kokoa. Ity ampahany faharoa ao anatin'ilay dia ity, dia ilay dingana miainga eo amin'ny tsara mankany amin'ny tsara kokoa izany, dia lohahevitra izay tsy dia halalinintsika na ampianarintsika matetika loatra na tsy dia takatsika araka ny tokony ho izy.

Miahiahy aho fa maro ireo mpikamban'ny Fiangonana no mahafantatra bebe kokoa ny toetoetrin'ilay hery manavotra sy manadion'ny Sorompanavotana fa tsy dia mahafantatra ilay hery mampahatanjaka sy manampy. Zavatra iray tsara ho fantatra ny hoe i Jesoa Kristy dia tonga teto an-tany mba ho *faty* ho antsika—izany dia zava-dehibe ao anatin'ny fotopampianaran'i Kristy sy ny fototra iorenany. Saingy isika koa dia mila mankasitraka ilay hoe, ny Tompo dia maniry, amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina mba *hiaina* ao anatintsika—tsy hoe hitarika antsika fotsiny fa koa mba hanome hery antsika.

Maro amintsika no mahafantatra fa rehefa manao zavatra ratsy isika dia mila fanampiana mba handresena ny vokatry ny fahotana eo amin'ny fiainantsika. Efa nanonitra ilay sarany ny Mpamonjy ary nanao izay hahatonga antsika ho madio amin'ny alalan'ilay heriny manavotra. Ny ankamaroantsika dia mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao ho an'ny mpanota. Tsy tena matoky aho anefa fa isika dia mahafantatra sy mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao koa ho an'ireo olomasina—ho an'ireo lehilahy sy vehivavy tsara izay mankatò, mendrika sy miezaka ny ho lasa tsara kokoa ary hanompo amim-pahatokiana kokoa. Isika dia mety hanana fihevitra diso hoe tsy maintsy manao ilay dia miainga eo amin'ny tsara mankany amin'ny tsara kokoa isika ary lasa olomasina amin'ny alalan'ny tenantsika manokana, amin'ny alalan'ny herin-tsaina sy herim-po ary fahasahiana sy fitsipi-pifehezan-tena sy miaraka amin'ilay fahaiza-manaontsika izay mazava ho azy fa voafetra.

Ny filazantsaran'ny Mpamonjy dia tsy hoe misoroka ny ratsy eo amin'ny fiainantsika fotsiny fa resaka fanaovana ny tsara sy fahatongavana ho tsara koa izany indrindra indrindra. Ary ny Sorompanavotana dia manome fanampiana antsika mba handresena sy hisorohana ny ratsy ary hanaovana ny tsara sy hahatongavana ho tsara. Ny fanampiana avy amin'ny Mpamonjy dia misy foana mandritra ny dia eto an-tany iray manontolo—miainga eo amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara ary tonga any amin'ny tsara kokoa, dia manova ilay tena toetrantsika.

Tsy milaza aho akory fa ilay hery mpanavotra sy mpanampin'ny Sorompanavotana dia misaraka ary samy hafa. Ireo lafin-javatra roa ao amin'ny Sorompanavotana ireo aza dia mifandray sy mifameno. Samy ilaina mba ho azo enti-miasa daholo izy ireo mandritra ireo dingana rehetra ao anatin'ilay dia eto an-tany. Ary zava-dehibe ho antsika rehetra mandrakizay ny mahafantatra fa ireo lafin-javatra manan-danja *roa* ao amin'ilay dia eto an-tany ireo—izay samy manaisotra ny maha-olona araka ny nofo dia tonga olomasina, ary samy mandresy ny ratsy dia lasa tsara—dia tanteraka amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotana. Ny fahasahian'ny tena manokana, ny fahavononan'ny tena manokana, ny fahavitrihana sy ny fametrahana lamina mahomby ary ny fametrahana tanjona dia ilaina nefa tena tsy ampy mba hanatanterahantsika amim-pahombiazana ity dia eto an-tany ity. Isika dia tena tsy maintsy miantehitra amin'ny "fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina" (2 Nefia 2:8).

### Ny Fahasoavana sy ilay Hery Manampin'ny Sorompanavotana

Ao anatin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina dia mianatra isika fa ny teny hoe *fahasoavana* dia matetika ampiasaina ao amin'ny soratra masina amin'ilay dikany hoe hery manampy:

"Ny [*Fahasoavana* dia] teny iray izay matetika hita ao amin'ny Testamenta Vaovao, indrindra fa ao amin'ny taratasy nosoratan'i Paoly. Ny hevidehiben'ilay teny dia hoe: *fomba masina entina hanampiana na hanomezana hery,* omena amin'ny alalan'ny famindram-po sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy izay miavosa.

"Amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Jesoa Tompo izay tanteraka tamin'ny alalan'ny sorompanavotany no hananganana ny olombelona amin'ny tsy fahafatesana ka handray ny vatany avy ao am-pasana ny olona rehetra ao anatin'ny toetry ny fiainana mandrakizay. *Amin'ny alalan'ny fahasoavan'ny Tompo toy izany koa no handraisan'ny olona tsirairay,* amin'ny alalan'ny finoana ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana amin'ny otany, *hery sy fanampiana mba hanao asa tsara fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hanohy hanao izany izy ireo raha avela irery*

SARY NATAON'I JEFF WARD

*miaraka amin'izay hery ananany eo. Io fahasoavana io dia hery manampy* izay manome fahafahana ny lehilahy sy ny vehivavy mba hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana rehefa nanao ezaka tsara indrindra avy aminy izy ireo."[2]

Ny fahasoavana dia fanampiana masina na fanampiana avy any an-danitra izay ilaintsika tsirairay mafy mba ho mendrika ny hiditra any amin'ny fanjakana selestialy. Noho izany ilay hery manampin'ny Sorompanavotana dia manome hery antsika mba hanao zavatra sy hanao ny tsara ary hanompo mihoatra noho ny fanirian'ny tenantsika manokana sy ny hery ananantsika manokana ara-boajanahary.



*I Nefia dia tsy nivavaka mba hanovana ny toe-javatra niainany. Fa kosa nivavaka izy mba hangataka hery hanovana ny toe-javatra niainany.*

Mandritra ny fandalinako manokana ny soratra masina, dia matetika aho mampiditra ny teny hoe: "hery manampy" isaky ny mahita ny teny hoe: *fahasoavana*. Diniho ohatra ity andinin-tsoratra masina ity izay fantatsika rehetra: "Fantatsika fa noho ny fahasoavany no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao" (2 Nefia 25:23). Mino aho fa afaka mianatra zavatra betsaka momba ity lafiny iray manan-danjan'ny Sorompanavotana ity isika raha toa ka mampiditra ny hoe: "hery manampy sy manome tanjaka" isaky ny mahita ny teny hoe: *fahasoavana* ao anatin'ny soratra masina.

**Ohatra sy Hevitra Fonosiny**

Ilay dia eto an-tany dia mandeha miainga avy eo amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara, dia tonga any amin'ny tsara kokoa sy manova ilay tena toetrantsika. Ny Bokin'i Môrmôna dia feno ohatra mikasika ireo mpianatra sy mpaminany izay nahafantatra sy nahatakatra ny hery manampin'ny Sorompanavotana ary novain'izany rehefa nanao ilay dia. Rehefa mihamahatakatra tsara kokoa izany hery masina izany isika dia hivelatra sy hiroborobo be tokoa ny fijerintsika ny filazantsara. Izany fomba fijery izany dia hanova antsika amin'ny fomba miavaka.

I Nefia dia ohatra iray izay nahafantatra sy nahatakatra ary niantehitra tamin'ilay hery manampin'ny Mpamonjy. Tsarovy fa ireo zanakalahin'i Lehia dia niverina tany Jerosalema mba hitondra an'i Isimaela sy ny fianakaviany hiaraka amin'izy ireo hanao ilay asa. I Lamana sy ireo hafa tao anatin'ilay vondrona nanao ny dia niaraka tamin'i Nefia niala tao Jerosalema niverina tany an-tany foana dia nikomy ary nampitandrina ireo rahalahiny i Nefia mba hanana finoana ny Tompo. Tamin'izay fotoana tao anatin'ny dian'izy ireo izay mihitsy no namatoran'ireo rahalahin'i Nefia azy tamin'ny tady ary nikononkonina ny hamotehana azy izy ireo. Mba diniho ity vavaka nataon'i Nefia ity: "Tompo ô, araka ny finoako izay ao Aminao dia Ianao anie hanafaka ahy eo an-tanan'ny rahalahiko; eny, *omeo hery aho hahazoako manapatapaka ireto tady* izay ifatorako ireto" (1 Nefia 7:17; nampiana fanamafisana).

Moa ve fantatrao hoe inona no mety ho nangatahiko tao anatin'ny vavaka raha nofatoran'ireo rahalahiko aho? "Mba hafaho ao anatin'ity toe-javatra mahasosotra ity aho IZAO!" Tena mahavariana ahy manokana ny tsy nivavahan'i Nefia mba hanovana ny toe-javatra nihatra taminy. Fa kosa nivavaka izy mba hahazo hery hanovana ilay toe-javatra

nihatra taminy. Ary mino aho fa izany indrindra no karazam-bavaka nataony satria fantany sy takany ilay hery manampin'ny Sorompanavotana ary niainany izany.

Izaho dia tsy mihevitra hoe ilay tady namatorana an'i Nefia dia tonga dia nivaha tamimpahagagana teny amin'ny tanany sy ny hatotanany fotsiny. Fa mieritreritra kosa aho hoe nomena faharetana sy hery manokana izay mihoatra ny heriny ara-boajanahary izy, ka dia "tamin'ny herin'ny Tompo" (Môsià 9:17) no niasany sy nanodinkodinany sy nisintosintonany an'ilay tady ka tamin'ny farany dia afaka namaha tanteraka ilay fatotra izy.

Ny hevitra fonosin'izany toe-javatra izany ho antsika tsirairay avy dia mazava. Rehefa mahatakatra sy mampiasa ilay hery manampin'ny Sorompanavotana izaho sy ianao eo amin'ny fiainantsika dia hivavaka ary hangataka hery hanovana ireo toe-javatra iainantsika isika toy izay hivavaka mba hovaina ny toe-javatra iainantsika. Ho lasa olona izay mihetsika isika fa tsy zavatra izay hetsehina (jereo ny 2 Nefia 2:14).

Diniho ilay ohatra iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa nenjehin'i Amiolôna i Almà sy ny olony. Ny feon'ny Tompo dia tonga teo amin'ireo olona tsara ireo tao anatin'ny fahoriany ary nilaza hoe:

"Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo. . . .

"Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an'i Almà sy ny rahalahiny; eny, *nampahatanjaka azy ny Tompo* mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamimpaharetana ny sitrapon'ny Tompo rehetra" (Môsià 24:14–15; nampiana fanamafisana).

Inona no novaina tao anatin'izany toe-javatra izany? Tsy niova ilay enta-mavesatra ary tsy tonga dia nesorina teo amin'ny olona ireo olana sy fahasarotana noho ny fanenjehana. Saingy nampahatanjahana i Almà sy ireo mpanara-dia azy ary ilay heriny sy tanjany izay nitombo dia nahatonga ilay enta-mavesany ho maivana kokoa. Ireo olona tsara ireo dia nampahatanjahana tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana mba *hanao asa* toy ny mpandraharaha ary hitondra *fiantraikany* eo amin'ny toe-javatra iainan'izy ireo. Ary "tamin'ny herin'ny Tompo" no nitarihana soa aman-tsara an'i Almà sy ny olony tany amin'ny tanin'i Zarahemla.

Mety hametra-panontaniana izay



ara-drariny ianao hoe: "Inona no mahatonga an'ity toe-javatra niseho tamin'i Almà sy ny olony ity ho ohatra iray maneho ny hery manampin'ny Sorompanavotana? Ny valiny dia hita ao amin'ny fampitahana iray ao amin'ny Môsià 3:19 sy Môsià 24:15.

"Ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo, *ary tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin'ny zava-drehetra izay* hitan'ny Tompo fa mety ampitondraina azy, dia tahaka ny zaza manoa an-drainy" (Môsià 3:19; nampiana fanamafisana).

Rehefa mandroso ao amin'ilay dia eto

*Tonga tamin'i Almà sy ny olony tao anatin'ny fahorian'izy ireo ny tenin'ny Tompo ary nilaza hoe: "Hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo."*

an-tany miainga amin'ny ratsy mankany amin'ny tsara dia mitondra amin'ny tsara kokoa isika ary rehefa manaisotra ny maha lehilahy na vehivavy araka ny nofo ao anatintsika tsirairay isika sy rehefa miezaka ny ho lasa olomasina ary manao izay hanovana ilay tena toetrantsika, dia ireo toetra voalaza amin'ny antsipiriany ao amin'io andinin-tsoratra masina io no tokony hamaritra ilay hoe mihamitovy amin'ny karazan'olona toy inona isika. Isika dia ho lasa hitovy kokoa amin'ny ankizy, lasa mankatò kokoa sy miaritra kokoa ary vonona ny hanoa.

Izao dia ampitahao amin'ireo toetra hita ao amin'ny Môsià 3:19 ireo toetra namaritana an'i Almà sy ireo olony: "Ary izy dia *nanaiky* tamim-pifaliana sy *tamim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo"* (Môsià 24:15; nampiana fanamafisana).

Izaho dia mahita fa ilay fampitahana an'ireo toetra voafaritra ao anatin'ireo andinin-tsoratra masina ireo dia tena miavaka ary fampahalalana fa ireo olon'i Almà izay tsara dia lasa tsara kokoa tamin'ny alalan'ny hery manampin'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo.

Tsarovy ilay tantaran'i Almà sy Amioleka izay hita ao amin'ny Almà 14. Tao anatin'ity zava-niseho ity dia Olomasina maro no novonoina tamin'ny alalan'ny afo, ary ireto mpanompon'ny Tompo anankiroa ireto dia nogadraina sy nokapohina. Diniho ity fangatahana nataon'i Almà ity rehefa nivavaka tany am-ponja izy: "Tompo ô, *omeo anay ny hery* araka ny finoanay izay ao amin'i Kristy ho fanafahana" (Almà 14:26; nampiana fanamafisana).

Eto indray dia hitantsika ny fahatakaran'i Almà sy ny fahatokiany an'ilay hery manampin'ny Sorompanavotana izay hita taratra tao anatin'ny fangatahany. Ary jereo ny vokatry ny vavaka nataony:

"Ary notapahin'i [Almà sy Amioleka] ny tady izay nifatorany; ary rehefa nahita izany ny olona dia nanomboka nitsoaka, satria tonga taminy ny fahatahorana ny famongorana. . . .

"Ary nandeha nivoaka ny fonja i Almà sy Amioleka, ary tsy naratra izy ireo; satria *efa nomen'ny Tompo fahefana izy ireo,* araka ny finoany izay tao amin'i Kristy" (Almà 14:26, 28; nampiana fanamafisana).

Hita eto indray fa miharihary ilay hery manampy rehefa miady amin'ny ratsy ny olona ary miezaka ny ho lasa tsara kokoa mihitsy ary manompo amim-pomba mandaitra kokoa "amin'ny herin'ny Tompo."

Ity ohatra iray hafa avy ao amin'ny Bokin'i Mômôna ity dia manita-tsaina. Ao amin'ny Almà 31, i Almà dia nitarika iraka hamerina ireo Zôramita nihemotra, izay taorian'ny nanorenany an'i Rameomtôma izay nanolotra vavaka piliavava ary feno fieboeboana.

Diniho ilay fangatahana hery tao anatin'ny vavaka nataon'i Almà: "Tompo ô, hotovinao amiko anie *ny hahazoako hery,* mba hahazoako mitondra amim-paharetana ireo fahoriana izay hanjo ahy ireo noho ny helok'ity vahoaka ity" (Almà 31:31; nampiana fanamafisana).

I Almà koa dia nivavaka ho an'ireo misiônera mpiara-mitory aminy mba hahazoan'izy ireo izany fitahiana izany ihany koa: "Hotovinao aminy anie *ny hahazoany tanjaka,* mba hahazoany miaritra ny fahoriany izay hianjady aminy noho ny helok'ity vahoaka ity" (Almà 31:33; nampiana fanamafisana).

I Almà dia tsy nivavaka mba hanesorana ny fahoriany. Fantany fa mpandraharahan'ny Tompo izy ary nivavaka mba hahazo hery hiatrehana ilay toe-javatra niainany sy hampisy fiantraikany eo amin'izany.

Ny zavatra tena manan-danja ao anatin'izany ohatra izany dia hita ao amin'ilay andininy farany ao amin'ny Almà 31: "Ary nomen'ny [Tompo] azy ireo ny tanjaka mba tsy hiaretany izay mety ho karazam-pahoriana, *ka tsy ho voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy.* Ankehitriny izany dia araka ny fivavak'i Almà; ary izany dia noho izy nivavaka tamim-pinoana" (andininy 38; nampiana fanamafisana).

Tsy nesorina ilay fahoriana. Saingy i Almà sy ny mpiara-mitory taminy dia nampahatanjahana sy notahiana tamin'ny alalan'ilay hery manampin'ny Sorompanavotana mba tsy hiaretany izay mety ho karazam-pahoriana, ka tsy ho voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy. Tena fitahiana mahagaga izany. Ary tena lesona iray tokony hianarantsika tsirairay avy.

Tsy hoe ao anatin'ny soratra masina ihany no ahitana ohatra momba ilay hery manampy. I Daniel W. Jones dia teraka tamin'ny 1830 tany Missouri, ary lasa mpikamban'ny Fiangonana tany Californie tamin'ny 1851. Tamin'ny 1856 dia nandray anjara tamin'ny famonjena an'ireo vondron'olona nitondra sarety tarihin-tanana izay tafahitsoka tany Wyoming izy noho ny oram-panala mahery vaika. Rehefa nahita ireo Olomasina nijaly ilay vondron'olona tonga hamonjy, sy nanome izay fanampiana mivantana azon'izy ireo natao ary nandrindra ny hitondrana ireo marary sy tena trotraka ho any Salt Lake City, dia nilatsaka an-tsitrapo mba hijanona sy hiambina ny fananan'ireo olona tany

SARY NATAON'I JEFF WARD

i Daniel sy ireo lehilahy maro hafa. Tsy dia ampy loatra ny sakafo sy ny vatsy napetraka ho an'i Daniel sy ireo niara-niasa taminy ary vetivety dia lany. Ity zavatra lazaina manaraka avy tao amin'ny diary manokan'i Daniel Jones ity dia mamaritra ny zava-niseho taorian'izany.

"Vetivety dia zara raha nisy ireo biby fihaza ka tsy afaka namono na inona na inona intsony izahay. Nohaninay daholo ilay hena ratsy ary toa nahanoana aza ny fihinanana an'izany. Farany dia tapitra daholo izany ary tsy nisy afa-tsy ny hodiny sisa tavela. Nanandrana nihinana an'izany izahay. Betsaka tamin'izany no nandrahoina sy nohanina tsy nisy zavatra fanatsiroana azy ary nahatonga ny olona rehetra tao amin'ilay vondrona ho narary. . . .

"Toa maloka ny zava-drehetra, satria tsy nisy tavela afa-tsy ilay hodim-biby manta efa ratsy izay nesorina tamin'ny omby maty noana. Nangataka ny Tompo izahay mba hanoro izay tokony hataonay. Tsy nimenomenona ireo rahalahy, fa nahatsapa fa tokony hiantehitra amin'Andriamanitra izy ireo. . . . Farany dia nisy nanosika ahy hanamboatra izany ary nomeko torohevitra ilay vondron' olona. Nolazaiko azy ireo ny fomba fandrahoana izany sy ny fandorana ary ny fikikisana ny volon' izany hiala. Izany dia toa mamono sy manala ilay tsirony ratsy rehefa ampangotrahana amin'ny rano. Rehefa voakiky sy nampangotrahana tao anaty rano be izany, dia nariana ilay rano izay nanala ilay zavatra maditidity, dia nosasana sy nokikisana tanteraka ilay hodiny, dia nosasana tamin'ny rano mangatsiaka ary avy eo nampangotrahana ho lasa hatrotro ary nampangatsiahana dia nohanina miaraka amin'ny siramamy kely naparitaka teo amboniny. Azo atao hoe nanahirana anay ihany izany saingy tsy dia nisy zavatra firy nataonay ary naleo aza nanao izany toy izay maty noana.

"Nangataka ny Tompo izahay mba hitahy ny vavoninay ary *mba hahazaka ilay sakafo izany.* . . . Rehefa nihinana izany izahay tamin'izay dia toa nankafy ilay sakafo daholo ny rehetra. Tsy nihinana sakafo nandritra ny telo andro izahay talohan'ny nanaovana ity fanandramana faharoa ity. Nankafy izany sakafo nafilotra izany izahay nandritra ny enina herinandro teo ho eo.[3]

Raha tao anatin'ireo toe-javatra ireo aho dia mety ho nivavaka mba hangataka zavatra hafa hohanina: "Ry Ray any an-danitra! Mba andefaso kibobo na omby lehibe aho." Toa tsy ho tonga tato an-tsaiko ny hivavaka mba hatanjaka ny vavoniko ary hahazaka ilay sakafo nanananay. Inona no zavatra fantatr'i Daniel W. Jones? Nahafantatra momba ilay hery manampin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izy. Tsy nivavaka izy mba hangataka ny hanovana ny toe-javatra niainany. Nivavaka izy mba hahazo hery hiatrehana ny toe-javatra niainany. Toy ny nampahatanjahana an'i Almà sy ny olony, ary i Amioleka sy i Nefia dia nanana fampahalalana ara-panahy mba hahafantarana izay tokony ho angatahina tao anatin'izany vavaka izany i Daniel W. Jones.

Ny hery manampin'ny Sorompanavotana dia manome tanjaka antsika mba hanaovana zavatra izay tsy ho vitantsika irery velively. Indraindray aho dia manontany tena raha toa ao anatin'ity tontolontsika amin'ny andro farany ity izay miaina ao amin'ny fanamorana—ao anatin' ity tontolontsika amin'ny andro farany ity izay ahitana fatana micro-onde, finday, ny fiara misy rivotra mafana na mangatsiaka ary trano mampahazo aina—moa ve isika mba mianatra mahafantatra ny fianteherantsika isan'andro amin'ilay hery manampin'ny Sorompanavotana.

Rahavavy Bednar dia tena vehivavy mahatoky sy manana ny maha-izy azy. Ary izaho dia nianatra lesona manan-danja mikasika ilay hery mampatanjaka avy amin'ny ohatra mangina nasehony. Nijery azy naneho faharetana aho nandritra ny aretina mafy sy tsy misy fitsaharana izay matetika miseho isa-maraina noho ny fitondrana vohoka—tena narary izy nandritra ny andro iray manontolo isan'andro tao anatin'ny valo volana—ary niseho tao anatin'ireo fitondrany vohoka in-telo izany. Niara-nivavaka izahay mba hahazo fitahiana izy saingy tsy niala velively izany olana izany. Fa kosa afaka nanao ara-batana izay zavatra tsy vitany tamin'ny alalan'ny heriny manokana izy. Nandritra ny taona maro aho dia nijery koa ny fomba nahazoana hery hiatrehana ny fanarabiana sy ny fanesoesoana avy amin'ny olon'izao tontolo izao rehefa manaraka ny torohevitra ara-paminaniana ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany iray ary manao ho laharam-pahamehany ny fianakaviana sy ny fikarakarana ny zanaka. Misaotra sy midera an'i Susan aho noho ny fanampiany ahy hianatra lesona sarobidy toy izany.

## Mahafantatra sy Mahatakatra ny Mpamonjy

Ao amin'ny Almà toko faha-7 dia mianatra ny fomba sy ny antony ahafahan'ny Mpamonjy manome hery manampy isika:

"Ary handeha Izy, hiaritra *fanaintainana* sy *fahoriana* ary *fakam-panahy* isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny *fanaintainana* sy ny *aretin'ny* Olony Izy.



SOMBINY AVY TAMIN'NY IZAHAO NY TANAKO, NATAON'I JEFF WARD

"Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran'ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny *rofiny* ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny. (Almà 7:11–12; nampiana fanamafisana).

Ny Mpamonjy dia tsy nijaly fotsiny noho ny fahotantsika fa koa noho ny tsy fitoviana, ny tsy fahamarinana, ny fanaintainana, ny fahoriana, ary ny olana ara-pihetsehampo izay tonga eo amintsika. Tsy mbola nisy fanaintainana ara-batana, na fahorian'ny fanahy na fijalian'ny fanahy na aretina na fahalemena izay iainanao na iainako mandritra ity dia eto an-tany ity ka tsy efa niainan'ny Mpamonjy aloha. Izaho sy ianao rehefa ao anatin'ny fotoan'ny fahalemena dia afaka mihiaka hoe: "Tsy mba misy na iray aza mahatakatra izany. Tsy mba misy na iray aza mahafantatra izany." Angamba tsy mba misy olombelona mahafantatra izany. Saingy ny Zanakalahin'Andriamanitra dia mahafantatra sy mahatakatra, satria Izy dia nahatsapa sy nilanja ny enta-mavesantsika talohan'ny nahatsapantsika sy nilanjantsika izany. Ary satria nandoa ilay sarany faratampony Izy sy nilanja ilay enta-mavesatra dia tena mahatakatra tanteraka ny zavatra tsapantsika ary manolotra amintsika ny sandrin'ny famindram-pony eo amin'ny lafin-javatra maro ao anatin'ny fiainantsika. Afaka manome tanana sy manohina ny fo ary manampy Izy—mihazakazaka mankany amintsika ara-bakiteny—ary manome hery antsika mba hahatonga antsika amin'ny toerana ambony kokoa mihoatra noho izay afaka hisy antsika hatrizay ary hanampy antsika hanao zavatra izay tsy ho vitantsika velively raha miankina amin'ny herintsika manokana fotsiny isika.

"Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay mavesatra entana, fa omeko fitsaharana ianareo.

"Raiso ny ziogako ary mianara amiko; fa mora sy malemy fanahy aho ary dia hahita fiadanana ho an'ny fanahinareo ianareo.

"Fa mora ny ziogako ary maivana ny enta-mavesatro" (Matio 11:28–30).

Izaho dia mijoro ho vavolombelona sy maneho fankasitrahana momba ilay sorona tsy manampetra sy mandrakizain'i Jesoa Kristy Tompo. Fantatro fa velona ny Mpamonjy. Efa niaina ilay heriny manavotra sy ilay heriny manampy aho ary mijoro ho vavolombelona fa ireo hery ireo dia tena misy ary azontsika tsirairay ananana. Tena marina fa afaka manao sy mandresy ny zava-drehetra "amin'ny herin'ny Tompo" isika rehefa mibosesika mandroso ao anatin'ilay diantsika eto an-tany. ■

*Avy amin'ny lahateny iray tao anatin'ny Fivoriana fanentanana ny ara-panahy natao tao amin'ny Oniversite Brigham Young tamin'ny 23 Ôktôbra 2001. Mba hahitana ilay lahatsoratra feno amin'ny teny Anglisy, dia tsidiho ny speeches.byu.edu.*





*Tsy misy fanaintainana ara-batana, na tebitebin'ny fanahy na fahorian'ny fanahy, na aretina na fahalemena iainantsika mandritra ity diantsika eto an-tany ity izay tsy efa niainan'ny Mpamonjy aloha.*

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Franklin D. Richards, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1965, 136–37; jereo koa ny David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, Apr. 1954, 26.
2. Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fahasoavana"; nampiana fanamafisana.
3. Daniel W. Jones, *Forty Years among the Indians* (n.d.), 57–58.

*Manerana an'izao tontolo izao, ny seminera dia mitondra zatovo toa anao hanakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.*






# Ireo Fitahiana avy amin'ny SEMINERA

**Nataon'i Brittany Beattie**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Tsy irery ianao ao anatin'ny fanapahan-kevitrao hanatrika seminera. Manerana an'izao tontolo izao dia zatovo an'arivorivony no mandray ny seminera ho toy ny ampahan-javatra iray ao anatin'ny fiainany ka mamonjy ny toeram-pianarany amin'ny alalan'ny fiara fitateram-bahoaka, na lakana kely na bisikileta na amin'ny alalan'ny zavatra maro hafa. Misy ireo zatovo sasany izay mifoha maraina be ary manao dia lavitra mba hahatongavana ara-potoana. Ny hafa kosa manao izany dia izany isan-kariva ary mbola misy mianatra ao an-trano mandritra ny andro maro ao anatin'ny herinandro.

Mitaky fahafoizan-tena ny fanatrehana ny seminera, saingy ireo zatovo manerana an' izao tontolo izao dia mahita fa mendrika ny hanaovana ny ezaka rehetra ny fandraisana anjara amin'ny seminera. Ary ireo izay mandray anjara dia manana zavatra iraisana: ny zavatra iainan'izy ireo any amin'ny seminera dia mitondra azy ireo hanakaiky kokoa ny Mpamonjy sy ny Raintsika any an-danitra.

## Mahazo ireo Fitahiana Nampanantenaina

Nahoana no zava-dehibe ho anao ny seminera? Ny antony sasany dia ahitana ireto fampanantenana avy amin'ireo mpaminany sy apôstôlin'ny andro farany ireto:

- Ho "lasa fitahiana avy amin'Andriamanitra ho famonjena an'ilay Isiraely amin'izao fotoana izao izany ao anatin'ny fotoana tena manahirana."[1]
- "Hanomana anao hizara ny hafatry ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin' ireo olona izay mihaona aminao izany."[2]
- Hanampy anao "hahazo fahatakarana lehibe ny fahamarinana izany."[3]
- Ny seminera dia "manome fahafahana lehibe hianarana ireo fotopampianarana izay hahatonga anao ho faly. Manome fahafahana lehibe hifanerasera amin'ireo izay tahaka anao izany."[4]
- "Hitombo ny fahalalanao ny filazantsara. Hatanjaka ny finoanao. Hivelatra ny fifandraisanao sy ny finamananao amin'ny hafa izay hahafinaritra tokoa."[5]
- "Miteraka . . . firoboroboana ara-panahy izany sy tanjaka ara-toe-tsaina amampanahy mba hanoherana ny ratsy izay manodidina antsika, ary koa miteraka fitomboana goavana eo amin'ny fahatakarana ny filazantsara."[6]
- "Iray amin'ireo fiomanana tena tsara amin'ny fanaovana asa fitoriana izany."[7]

## Mitady Fomba Hanatrehana Izany

Ny fanatrehana ny seminera dia matetika midika hoe tsy maintsy manajanona zavatra izay tianao hatao ianao mba hananana fotoana hanatrehana izany. Saingy fahafoizan-tena mendrika ny hatao izany. I Elijah Bugayong avy any Philippines dia nisafidy ny handray izany fanapahan-kevitra izany nandritra ny taona farany nianarany tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Hatramin'izay nianarany tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa dia faharoa foana ny laharany tao amin'ny kilasy nisy azy. Nanapa-kevitra ny ho lasa voalohany izy mandritra ilay taona farany ianarany ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa ary nieritreritra ny tsy hisoratra anarana hanao seminera mihitsy aza.

Indray andro dia niova ny eritreriny. "[Nijery] ny latabatra fianarako aho," hoy izy. "Nahita boky nivangongo teo akaikin'izany aho

SARY NAHAZOANA LALANA TAMIN'NY DEPARTEMANTAN'NY FAMPIANARANA AN'NY FIANGONANA; SARY NATAON'I SCOTT GREER



## FITAHIANA IRAY MISY FIANTRAIKANY MANDRITRA NY FIAINANA

"Taona maro lasa izay dia nanana fahafahana nampianatra seminera vao maraina aho. Ny fampianarana dia nanomboka tamin'ny 6.30 maraina hatramin'ny 7.30 maraina isaky ny andro fianarana. Nandritra ny roa taona aho dia nahita mpianatra mbola rendremana izay nivilavila niditra tao am-pianarana ary nanome fanamby an'ilay mpampianatra mba hamoha azy ireo. Rehefa vita ny vavaka sy ny fizarana vatsim-panahy tena tsara dia nahita saina mahiratra nifoha aho mba hampitombo ny fahalalany ny soratra masina. Ny lafiny tena sarotra mandritra ny fampianarana dia ny mamarana ara-potoana ny fifanakalozan-kevitra mba handefasana azy ireo mamonjy ny fotoam-pianarany mahazatra any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Rehefa nandeha ny taom-pianarana dia nahita aho fa nahazo fahatokian-tena bebe kokoa ny mpianatra tsirairay ary ninamana akaiky kokoa ary nitombo ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara.

"Taona vitsy lasa izay dia tao anatin'ny toeram-pivarotana iray aho izay tany amin'ny tanàna iray tsy dia lavitra miala eto raha nandre olona iray niantso ny anarako. Nitodika aho mba hiarahaba ny roa tamin'ireo mpianatra nampianariko seminera taloha. Mpivady izy ireo izao. Nampahafantariny ahy ireo zanany efatra mahafatifaty. Rehefa nifampiresaka izahay dia variana aho noho ny habetsak'ireo mpiara-mianatra tao amin'ny seminera izay mbola mifandray amin'izy ireo efa taona maro aty aoriana. Izany dia porofon'ny fifamatorana manokana izay niseho tao anatin'izany fianarana seminera vao maraim-be izany."

**Loholona L. Tom Perry avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Receive Truth," *Ensign*, Nôv. 1997, 62.**

dia ireo soratra masina sy ny kahie ary ny bokin'ny seminera fampiasako izany. Nanontany tao anatiko lalina tao aho hoe: "Inona no tena manan-danja indrindra?'"

Hitan'i Elijah tao anatin'ny Matio 6:33 ny valin'ny fanontaniany: "Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany." Nanapa-kevitra ny hanatrika amim-pahatokiana ny seminera izy ary hitady fomba hafa handaminana ny fotoanany mba hanaovana ireo asa mifandray amin'ny fianarana any an-tsekoly. Nony nifarana ny taona dia voahosotra ho mpianatra mahay indrindra izy ary nahazo vatsim-pianarana hianarana any amin'ny oniversite mihitsy aza.

I Spencer Douglas avy any Alabama, Etats-Unis dia nanapa-kevitra ny hanajanona ny fanatrehana hetsika ara-tsôsialy sasantsasany mba hahafahany manararaotra tsara ny seminera. Nandritra ny roa taona voalohany nanaovany seminera dia nifoha tamin'ny 4 ora maraina izy mba hanatrika izany ary nandritra ny roa taona farany dia nifoha tamin'ny 5 ora maraina. Nilaza izy hoe: "Tsy afaka nandray anjara tao anatin'ireo hetsika maro atao amin'ny hariva niaraka tamin'ny namako aho satria mila matory aloha. Raha vao tsy manao izany aho dia tsy afaka mandray anjara sy mianatra tsara ny ampitson'iny." Ho an'i Spencer dia tsy hoe ny fahatongavana any ampianarana fotsiny no nilaina fa koa ny fisokafan'ny saina sy ny fahavononana hianatra.

Ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Tsy hoe tsara fotsiny akory ny zavatra dia antony ampy hanaovana azy izany. Ny isan'ireo zavatra tsara azontsika atao dia tena mihoatra lavitra amin'ny fotoana misy hanatanterahantsika azy ireo. Misy zavatra sasantsasany izay tsara kokoa noho ny tsara ary ireo zavatra ireo no tokony hifantohan'ny saintsika voalohany eo amin'ny fiainantsika."[8] Torohevitra manan-danja tokony ho tsaroana izany rehefa manapa-kevitra ny fomba hanaovana ho laharam-pahamehana ny seminera ianao ao anatin'ny fandaharam-potoananao.

### Miomana Hanao Asao Fitoriana

Ny seminera koa dia toy ny fiomanana lehibe amin'ny asa fitoriana izay ho ataonao—amin'ny mahampikambana misiônera anao ankehitriny ary koa raha ho misiônera amin'ny fotoana feno ianao amin'ny hoavy. I Franco Huamán Curinuqui avy any Pérou dia mahafantatra fa ny fandalinany ny soratra masina any amin'ny seminera dia nanampy azy hiomana amin'ilay fanaovany asa fitoriana.

Nilaza izy fa mendrika ny hifohazana amin'ny 4 ora maraina mba hanaovana seminera izany fiomanana izany, dia mitaingina lakana kely rehefa ao anatin'ireo volan'ny tondradrano ilay faritra, dia mandeha ao anatin'ny fotaka mba hahatongavana any am-pianarana. Hoy izy hoe: "Te-hamita ny seminera aho ary hanomboka ny fianarana Institiota mba hiomanana amin'ny asa fitoriana. Hanao izay hivoarana foana aho ao amin'ny Fiangonana." Manan-danja aminy ny seminera satria mianatra momba ny soratra masina sy mitadidy andinin-tsoratra manan-danja izy, izay hanampy azy ho lasa misiônera tsara kokoa.

### Voatahy eo amin'ny Lafiny Rehetra ao amin'ny Fiainana

Rehefa miezaka manatrika seminera ny zatovo manerana an'izao tontolo izao, dia mahazo hery bebe kokoa noho ny hoe mandalina ny

soratra masina fotsiny izy ireo. I Cameron Lisney avy any Angleterre dia nahita fa voatahy teo amin'ny lafiny maro tao amin'ny fiainany izy. "Tsy hoe manampy fotsiny eo amin'ny lafin-javatra ara-panahy ny seminera fa manampy koa amin'ny fianarana any an-tsekoly," hoy i Cameron.

Nilaza izy fa "ny fanombohana vao maraina be ny andro dia mampanomboka ny sainao hiasa. Ny sasany amin' ireo namako dia nilaza fa be zavatra atao izy ireo ka tsy afaka manatrika—Edrey! Tsy hoe handeha hamerina hianatra matematika amin'ny 6 ora maraina anie ianao e! sa ahoana?" Rehefa mandalina ianao dia "hanampy anao amin'ny fanadinanao ny Tompo ary raha manatrika seminera ianao dia hanampy anao bebe kokoa aza Izy," hoy i Cameron.

Mazava ho azy fa nanampy an'i Cameron mba hampatanjaka ny fijoroany ho vavolombelona koa ny seminera. Nilaza izy hoe: "Ny fiantombohan'ny fananako fijoroana ho vavolombelona dia avy amin'ny fandaharam-pianaran'ny seminera. Fony aho zatovo 14 taona dia tena nanana fahasahiranana tamin'ny filazantsara aho. Tsy dia nankafy loatra ny fiangonana aho ary nanao zavatra izay tsy tokony ho nataoko. Efa volana vitsivitsy monja talohan'ny tena saika hitsaharako tanteraka tamin'izay. Saingy rehefa nasain'ny namana iray i Cameron mba hanatrika seminera dia nanapa-kevitra ny hiaraka aminy izy. Dia tena nanomboka tonga tokoa ireo fitahiana.

"Nanomboka nahatsapa indray ny Fanahy aho," hoy i Cameron. "Nanomboka nampifantoka bebe kokoa ny saiko aho tany am-piangonana ary nanatrika ny Sekoly Alahadiko sy ireo fampianarana tao amin'ny fisoronana. Lasa mora kokoa izany ary nanomboka nahatsapa ho faly kokoa aho. Farany dia nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara ny tenako." Afaka roa volana nanaovana seminera dia nihaona tamin'ny evekany i Cameron ary notokanana ho mpampianatra ao amin'ny Fisoronana Aharôna izy.


Fantatr'i Cameron fa ny seminera dia manampy azy hanohitra ireo fakam-panahin'izao tontolo izao. "Rehefa nandeha ny seminera," hoy izy, "dia hitako ho moramora kokoa ny fiatrehana ireo olana miseho eo amin'izao tontolo izao. Somary mafy ny hoe zatovo ao amin'ity izao tontolo izao izay iainantsika ity—voahodidin'ny fahotana isika na avy aiza na avy aiza. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa raha manatrika seminera ianareo dia hahazo hery hiarovanareo ny tenanareo amin'izany. Ny seminera dia mamorona ampinga ara-panahy mba hiarovana anao. Fitsapana sy fakam-panahy samihafa no niseho teny amin'ny lalako ary ny seminera dia nanampy be ahy mba hijanonako teo amin'ilay lalana ety sy tery."

**Mifankahery**

Ny seminera koa dia manome fahafahana anao hiaraka amin'ireo zatovo izay mitovy finoana aminao. Hoy i Vika Chelyshkova avy any Rosia hoe: "Manentana ny fanahiko ny olona izay mitovy fomba fisainana amiko sy manaja ny fitsipi-pitondrantena izay hajaiko ary mino an'Andriamanitra toy ahy." Nanampy izy hoe: "Raha manana fanontaniana aho dia afaka mifanakalo hevitra momba izany miaraka amin'ilay mpampianatra seminera ahy sy ireo mpianatra hafa. Afaka mizara ny eritreritro sy ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny hafa aho mba hanatanjahana ny finoako sy ny finoan'ny hafa. Amin'ny alalan'ny fiarahana mamaky ny soratra masina sy ny fisaintsainana ny votoatin'izany ara-panahy




SARY NATAON'I CHRISTINA SMITH



## NISY FIANTRAIKANY TEO AMIN'NY FIAINAN'NY FILOHA HENRY B. EYRING NY SEMINERA

I Mildred Bennion dia anisan'ny tao anatin'ny kilasin'ny mpianatra seminera voalohany tao amin'ny kilasy Seminera tao Granite tamin'ny 1912. Taty aoriana izy dia lasa renin'ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Nahatakatra ny lanjan'ny seminera teo amin'ny fiainany izy ary tiany hahazo izany fitahiana izay tsapany avy amin'ny seminera izany ihany koa ireo zanany. Noho izany dia nandray fanapahan-kevitra lehibe ny fianakaviany: "Nifindra tany Utah izahay na dia nitaky fandaniam-bola be ihany aza izany mba hahafahan'ireo zanakay lahy manatrika Seminera sy Institiota ary mahita namana eo anivon'ireo olona mitovy aminay. Izany dia tokony hamaly ilay fanontaniana momba ny fahatsapako ny zavatra toy izany" (nampiasaina tao amin'ny C. Coleman, *History of Granite Seminary,* 142).

Ny lanjan'ny fampianarana ao amin'ny Fiangonana dia nitohy tao amin'ny fianakaviana Eyring rehefa lasa filohan'ny Oniversite Ricks College (izay BYU–Idaho amin'izao fotoana izao) ny Filoha Henry B. Eyring tamin'ny 1971, izay oniversite an'ny Fiangonana ary rehefa lasa tompon'andraikitra ôfisialy mikasika ny Fampianarana ao amin'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny 1980 ka hatramin'ny 1985 ary nanomboka tamin'ny 1992 indray ka hatramin'ny 2005.

dia manaiky kokoa an'Andriamanitra izahay ary lasa mifanakaiky."

Nahita vokany mitovy amin'izany koa i Ksenia Goncharova avy any Ukraine. Hoy izy hoe: "Rehefa mifampizara ny zavatra niainanay izahay dia lasa matanjaka bebe kokoa ary mahatakatra bebe kokoa ny soratra masina. Rehefa miresaka momba ireo ohatra avy ao amin'ny fiainanay izahay mandritra ny lesona dia hitako ny fomba fiasan'ny filazantsara eo amin'ny fiainako ary eo amin'ny fiainan'ny hafa."

### Lasa Mahafantatra ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy

Nisy andian-jatovo iray vao haingana nanontaniana mikasika ny fomba nitahian'ny seminera azy ireo. Ny valintenin'izy ireo dia ahitana venti-kevitra lehibe iray—dia ny hoe manampy azy ireo hanakaiky kokoa ny Ray any an-danitra sy ny Mpamonjy ny seminera. Ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Manan-danja daholo ireo lohahevitra rehetra izay halalininao ao amin'ny seminera. Rehefa mifantoka amin'ny iray amin' ireo boky soratra masina ianao isantaona dia i Jesoa Kristy Tompo no tena ifantohana.[9]

Ireto ireo zavatra izay nolazain'ireo zatovo maro momba ny fomba nitondran'ny seminera azy ireo ho akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.

- "Nianatra ny zavatra ataon'ny Mpamonjy ahy aho rehefa namaky ireo tantara rehetra avy amin'ireo mpaminany maro sy nahatsapa fa manan-danja Aminy aho. Tsapako fa tena tia ahy Izy matoa maty sy nizaka ny fanaintainako.
- "Fomba tena tsara hanombohako ny androko ny seminera. Na dia vizana toy ny inona aza aho dia mahatsapa ny Fanahy sy mahatsapa ho nampahatanjahana, ka rehefa misy zavatra sarotra miseho ao anatin'ilay androko dia fantatro tsy am-pihambahambana fa tia ahy ilay Mpamonjiko ary manana fahatokiana kokoa hiaro ny marina aho."
- "Izaho dia olona niova fo tao amin'ny Fiangonana. Efa nanomboka nanatrika seminera aza aho talohan'ny nanaovana batisa ahy. Raha tsy nisy ny seminera dia tsy fantatra raha ho natao batisa ihany aho. Raha tsy nisy ny seminera dia tsy ho nanana ny Mpamonjy teo amin'ny fiainako aho amin'izao fotoana izao na nahafantatra fa azo avela heloka noho ny fahotako. Tsy mba nanana velively ny Ray any an-danitra na i Jesoa Kristy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Ny seminera dia nanampy ahy hahita Azy ireo sy nandray Azy ireo ho lasa hitoetra mandrakizay ao amin'ny fiainako sy ny fiainan'ireo zanako ho avy."
- "Ny fandehanana manatrika seminera isan'andro dia nanampy ahy hanakaiky kokoa ilay Tompoko sy Mpamonjiko, Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fandalinana mikasika ny fampianarany sy ny fitiavany lehibe ahy ary ny fomba ahafahako miverina miara-miaina aminy.
- "Rehefa any amin'ny seminera aho dia mahita ilay dikan-javatra lalina kokoa ao anatin'ny soratra masina. Mampahatsiahy ahy isa-maraina mba hanana toetra tahaka ny an'i Kristy izany ao anatin'ireo zavatra rehetra ataoko isan'andro."
- "Ny seminera dia nampianatra ahy ny tena fomba famakiana ny soratra masina fa tsy mankafy izany fotsiny, ary mampianatra ahy koa mba hampihatra izay novakiako eo amin'ny fiainako izany. Nianatra

fotopampianarana sy fitsipika izay nampatanjaka ny fijoroako ho vavolombelona momba ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy aho izay ho entiko miaraka amiko mandritra ny fiainako."

Noho ireo fitahiana maro be ireo izay avy amin'ny fanatrehana ny seminera dia mora ny mahita ny antony mahatonga ireo zatovo manerana an'izao tontolo izao manao izany ho lohalaharana ao anatin'ny fandaharam-potoanany. ■

**FANAMARIHANA**


1. Boyd K. Packer, *Teach the Scriptures* (lahateny ho an'ireo mpampianatra ao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, Ôkt. 14, 1977), 3.
2. L. Tom Perry, "Raising the Bar," *Liahona,* Nôv. 2007, 48.
3. Richard G. Scott, "Realize Your Full Potential," *Liahona,* Nôv. 2003, 42.
4. Gordon B. Hinckley, "Stand True and Faithful," *Ensign,* Mey 1996, 93.
5. Gordon B. Hinckley, "The Miracle Made Possible by Faith," *Ensign,* Mey 1984, 47.
6. Gordon B. Hinckley, "The State of the Church," *Ensign,* Mey 1991, 52.
7. Ezra Taft Benson, "Our Responsibility to Share the Gospel," *Ensign,* Mey 1985, 7.
8. Dallin H. Oaks, "Good, Better, Best," *Liahona,* Nôv. 2007, 104.
9. David A. Bednar, "Conclusion and Testimony," *Welcome to Seminary 2010–2011,* seminary.lds.org/welcome.




## NY TANTARAN'NY SEMINERA

Ity misy fanehoana ny fivoaran'ny seminera tao anatin'ny taona maro.

1888: Ny Filoha Wilford Woodruff dia nisahana ny fanorenana ny sampan-draharahan'ny Fiangonana misahana ny Fampianarana mba hitantanana ireo ezaka atao mikasika ny fampianarana ao amin'ny Fiangonana ka tafiditra tao anatin'izany ny fianarana momba ny finoana ao aorian'ny fianarana any an-tsekoly.

1912: Fananganana ny fianarana seminera voalohany isan'andro mandritra ny ora nahazoana alalana tsy ianarana any an-tsekoly, ka 70 ny fitambaran'ireo mpianatra izay mandao ny sekoly ambaratonga faharoa mandritra ny fotoam-pianarana iray mba hanatrika ny seminera. Ny fampianarana dia atao eo am-pitan'ilay arabe avy eo amin'ny Sekoly Ambaratonga Faharoa antsoina hoe Granite High School any Salt Lake City, Utah, Etats-Unis.

1925: Nahatratra 10.000 ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana.

1948: Nampidirina tany Canada izany, izay firenena voalohany tany ivelan'i Etats-Unis nisy seminera.

1950: Fandrafetana ny fianarana seminera isan'andro (izay nantsoina hoe "fianarana seminera isa-maraim-be" teo aloha) tany Californie, ka tany amin'ireo trano fiangonana ny mpianatra no mianatra alohan'ny fiantombohan'ny fianarana any an-tsekoly.

1958: Nahatratra 50.000 ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana.

1958: Nampidirina tany Amerika Afovoany izany ary tao Mexique no nampidirana azy voalohany.

1962: Nampidirina tany Europe izany ary tao Finlande sy Allemagne no nampidirana azy voalohany.

1963: Nampidirina tany Asie izany ary tao Japon no nampidirana azy voalohany.

1965: Nahatratra 100.000 ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana.

1967: Fampidirana ny fianarana seminera any an-trano any amin'ireo faritra ambanivohitra, ka mianatra efatr'andro ao anatin'ny herinandro ny mpianatra ary miara-mianatra indray mandeha ao anatin'ny herinandro.

1968: Nampidirina tany Australie izany.

1969: Nampidirina tany Amerika Atsimo izany ary tao Brésil no nampidirana azy voalohany.

1972: Nampidirina tany Afrika izany ary tao Afrika Atsimo no nampidirana azy voalohany.

1983: Nahatratra 200.000 ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana.

1991: Nahatratra 300.000 ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana.

2012: Misy any amin'ny firenena sy faritra miisa 134 maneran-tany izany ary 370.000 no isan'ny mpianatra voasoratra anarana.




ANKAVANANA: SARIN'IREO NAHAZO MARIPANKASITRAHANA NOHO NY FIANARANA SEMINERA TAO PROVO UTAH, NAHAZOANA LALANA TAMIN'NY TAHIRINTSORATRY NY FIANGONAN'NY OAF

# ANTSO IRAY HO AN'NY MPIKAMBANA VAOVAO IRAY



**Nataon'i Helena Hannonen**

Fotoana fohy taorian'ny nanaovana batisa ahy tamin'ny faha-10 taonako tany Finlande, dia nahazo ny antsoko voalohany aho. Tamin'ny taona 1960 tamin'izay ary nila mafy olona mba hitendry ireo hira hatao mandritra ny fivoriana Fanasan'ny Tompo ilay sampana kelinay. Nangatahana aho mba hanatanteraka izany andraikitra izany.

Raha namporisika ahy sy ny anadahiko foana ny reniko mba hanovo talenta ara-java-kanto dia tsy mba nahay nitendry pianô aho ary tsy nanana pianô. Saingy te-hanatanteraka ilay antsoko aho ka dia nanao drafitra izahay.

Niresaka momba ny lanjan'izany antso izany ho anay rehetra izahay nandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Kanefa noho ny reniko izay mananotena niaraka tamin'ny zaza roa dia fantatray fa ho tena sarotra ho anay ny hividy pianô sy handoa ny



*Mpikambana vaovao vao haingana aho ary tsy nahay nitendry pianô. Saingy tena feno fankasitrahana aho noho ilay antso izay nanova ny fiainako dia tsy inona fa ny ho mpitendry pianô ao amin'ny sampana.*


SARY NATON'I MIKE MALM

saran'ny fianarana izany. Nanapa-kevitra izahay fa vonona ny hanao izay fihafiana ilaina rehetra.

Ny fihafiana voalohany dia teo amin'ny lafiny ara-bola. Nanapa-kevitra izahay fa manomboka amin'ny lohataona ka hatramin'ny fararano dia hitaingina ny bisikiletanay izahay fa tsy handray fiara fitateram-bahoaka. Ny anadahiko, Martti, dia olona mahery fo izay ary lasa tena nahay nitaingina bisikileta—na dia eny ambonin'ny ranomandry aza. Najanoko ny ankamaroan'ny fividianana akanjo ary nianatra nanjaitra aho. Nianatra niaina tao anatin'ny fitsitsiana koa izahay. Nanomboka nanao zaridaina tany ambanivohitra izahay izay tany akaikin'ny tranon'ny raibe sy ny renibenay ary nitahiry sakafo ho an'ny ririnina. Ny "zavatra ataonay mandritra ny fotoam-pialan-tsasatray" dia lasa ireo dian'ny reninay mankany amin'ny tempoly any Suisse na fitsangantsanganana sy filasiana eo akaikin'ny tranonay.

Ny fihafiana faharoa nataon'ny fianakavianay dia mikasika ny fotoana. Nifampizaranay ny raharaha atao ao an-trano ary naverinay nalamina ny fanaovana ireo zavatra hafa sy ny enti-mody mba hananako fotoana ampy hianarana pianô. Noho ny fihafianay sy ny asa mafy nataonay dia nahatsikaritra matetika i Neny fa tsy mba nanana fotoana malalaka mba hanaovan-javatra tsy mety toy ireo mitovy taona taminay izahay. Raha ny marina ilay antsoko dia lasa antson'ny fianakaviana efa ela be talohan'ny nahaizako nitendry feo iray.

Nanomboka nianatra tamin'ny mpampianatra mozika iray tao amin'ny sekoly iray teo an-toerana aho. Nanao fanazarana tamin'ny alalan'ny fampiasana taratasy misy ny kitendry aho na tamin'ny pianô tany am-piangonana. Rehefa nandeha nifindra ilay mpampianatra pianô ahy dia nividy pianô izahay ary voaray hianatra amin'ny mpampianatra pianô iray malaza teo amin'ny faritra aho.

Nianatra irery ireo hira ao anatin'ny fihirana aho ary nanao fanazarana betsaka niaraka tamin'ilay tompon'andraikitry ny mozika tao amin'ny sampana. Nampahery ahy daholo ny olona rehetra—na dia nisy feo "diso" iray aza. Nihoron-koditra ilay mpampianatra ahy rehefa nahafantatra fa nitendry teo imason'ny olona aho talohan'ny nahaizako sy nahatadidiavako tanteraka ilay mozika. Saingy naleo aza nitendry tamin'ny tanan'ila toy izay tsy nisy feonkira notendrena mihitsy.

Nitaingina bisikileta aho rehefa nandeha nianatra ary rehefa tonga ny ririnina dia niezaka ny nandeha an-tongotra na nisosa an-kapan-dranomandry raha azo atao. Isaky ny Alahady dia nandeha an-tongotra irery hamonjy ny fivoriam-piangonana aho mba hahafahako tonga adiny iray mialoha ary mba hananako fotoana hanaovana fanazaran-tena. Nanapa-kevitra ny tsy handeha fiara fitateram-bahoaka aho raha tsy rehefa ambanin'ny -15°C ny maripana. Tsy dia nanahirana ahy loatra ny orana sy ny ranomandry. Nandeha haingana be ny fotoana rehefa nandeha an-tongotra aho satria nanana hira maro tena tsara ao amin'ny fihirana aho izay namako teny. Rehefa nandeha an-tongotra aho dia niaraka nanivatsiva ny lohasaha niaraka tamin'ireo mpisava lalana (jereo ny "Ndao ry Olomasina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* faha-4), ary nananika ny tampon'ny tendrombohitr'i Ziona (jereo ny "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* faha-59), ary nijoro niaraka amin' ireo zatovo izay tsy ho lavo velively (jereo ny "Vas-tu faiblir, ô jeunesse" *Cantiques,* no. 164). Tsy mba nitsahatra ny fahombiazako noho izany fanohanana izany—na dia izaho sy ny fianakaviako irery aza no hany Olomasin'ny Andro Farany tao ao amin'ilay tanànanay tany amin'ny faritra avaratr'i Finlande, izay nanakaiky ny sisin-tany Rosiana.

Lasa nahay nitendry aho taona maro taty aoriana ary afaka nanao mozika fa tsy hoe nitendry ilay feo marina fotsiny. Nianatra aho fa tokony hivavaka rehefa misafidy mozika mba ho ao anatin'ilay fivoriana ny Fanahy. Ary ny zava-dehibe indrindra dia tonga tamiko tamin'ny alalan'ny mozika ny fijoroako ho vavolombelona. Mora ho ahy ny nahatsiaro ireo zavatra tsapa ao anatin'ireo hira ao amin'ny fihirana sy ny tonony ary ny hafatra ao anatiny raha vao misy zavatra mampiahiahy ahy. Fantatro fa marina ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara rehefa nianatra andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra azy ireo aho ary ny feo tsirairay tao anatin'izy ireo aho.

Tsaroako ilay andro manokana iray izay nitsapana ny fanoloran-tenako amin'ireo fitsipika ireo. 14 taona aho tamin'izay ary tia nilomano sy nanonofy ny mba hilomano mandritra ny lalao Ôlimpika. Tsy nanao fifaninana aho rehefa Alahady nefa mbola nivoatra. Farany rehefa nanakaiky ny lalao Olimpika natao tany Mexico City dia nisy mpanazatra



iray nanasa ahy mba handray anjara ao anatin'ny fanazaran-tena manokana.

Ilay fanazaran-tena anefa dia isaky ny Alahady mandritra ny Sekoly Alahady. Dia nalamiko fotsiny ny saiko hoe afaka mandeha manao fanazaran-tena aho dia tsy manao Sekoly Alahady satria ho tafaverina ara-potoana any am-piangonana mba hanatrika ny fivoriana Fanasan'ny Tompo amin'ny hariva. Nanangombola handoavana ny saran'ny fiara fitateram-bahoaka aho ary nandamina ny zava-drehetra. Ny Asabotsy talohan'ny fanazaran-tenako voalohany dia nolazaiko tamin'ny reniko ny drafitro.

Hitako ilay alahelo sy fahadisoam-panantenana teo amin'ny masony saingy ny hany valinteny nomeny dia hoe ahy ny fanapahan-kevitra ary efa nampianarina ny atao hoe tsara aho. Tsy nety niala tato antsaiko tamin'izay alina izay ny tonon'ny "Bien Choisir" (*Cantiques,* no. 154). Niverimberina tato an-tsaiko toy ny horonam-peo simba ny tonon'izany.

Rehefa tonga ny Alahady maraina dia teny amin'ny tanako anankiray ny kitapo misy ny kojakoja ilaiko amin'ny filomanosana ary teny amin'ny tanako ilany kosa ny kitapo misy ireo zavatra ilaiko amin'ny mozika, ary nanantena ny hanao izay inoan'ny reniko aho hoe handeha hiangona. Nivoaka nankeny amin'ny toeram-piantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka aho. Ny zava-nitranga dia tamin'ny faritra ilan'ny arabe nisy ahy ilay toeram-piantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka mankany amin'ny toeram-pilomanosana ary teny ampita kosa ny mandeha any amin'ny trano fiangonana. Rehefa niandry teo aho dia nanomboka sorena. Tsy nitsahatra naheno tao an-tsaiko ny feon'ny "Have I Done Any Good?" aho (*Hymns,* no. 223)—izay hira ao amin'ny fihirana nomanina ho an'ny Sekoly Alahady tamin'izay andro izay. Fantatro tao anatin'izay zavatra niainako izay fa noho ny hasarotan'ny paikam-peonkiran'izany hira ao amin'ny fihirana izany sy ny tonony ary ny feo avony dia ho zava-doza raha toa ka tsy misy ny fitendrena tsara izany.

*Ny fiara fitateram-bahoaka iray dia hitondra ahy any amin'ny antsoko any am-piangonana ary ilay anankiray hafa dia hitondra ahy any amin'ilay toeram-pianaran'izao tontolo izao milomano izay nofinofiko hatramin'ny fahakeliko. Nanome ny valiny nilaiko ireo fehezan-teny ao anatin'ireo hira ao amin'ny fihirana izay notendreko imbetsaka.*

Rehefa teo am-pandinihina izay safidy ho ataoko aho dia samy nanakaiky ny fiara fitateram-bahoaka roa. Ilay fiara fitateram-bahoaka mitondra any amin'ny toeram-pilomanosana dia nijanona mba handray ahy ary ilay mpamily ny fiara fitateram-bahoaka mankany am-piangonana dia nijanona koa ary nijery ahy sy taitra satria fantany fa nandray ny fiara fitateram-bahoakany foana aho. Samy nifampandinika teo izahay tao anatin'ny segondra vitsivitsy. Inona no nandrasako? Nisafidy ny Tompo aho (jereo ny "Who's on the Lord's Side?" *Hymns,* no. 260). Nampanantena aho fa ny lalany no lalako (jereo ny "Ny Lalanao no lalako," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* faha-92). Ilay fanapahan-kevitro hitandrina ny didy dia efa noraisina efa ela (jereo ny "Pour trouver la paix," *Cantiques,* no. 194).

Talohan'ny nifanarahan'ny eritreritro tamin'ny faniriako dia nandray andraikitra ny vatako. Nihazakazaka teny am-pitan'ny arabe aho ary ny nikopakopaka an'ilay mpamily fiara fitateram-bahoaka iray hafa. Naloako ny saram-pitaterana ary nandeha nipetraka tany amin'ny faran'ilay fiara fitateram-bahoaka izay nitondra nankany am-piangonana aho, ary dia

toa nivily lalana ilay nofinofiko hatramin'ny fahakeliko momba ny filomanosana.

Nieritreritra ny olona rehetra fa nitomany aho tamin'izay andro izay satria nahatsapa ny Fanahy. Nefa tena nitomany aho satria ilay nofinofiko nandritra ny fahazazako dia vao rava teo ary satria menatra aho fa nieritreritra ny hilomano amin'ny andro Sabata. Saingy tamin'izay Alahady izay dia nanatanteraka ny antsoko aho toy ny nataoko teo aloha sy taty aoriana.

Mandrapahatonga ny fotoana nandehanako nianatra tany amin'ny oniversite dia nanofana mpikambana maro tao amin'ny sampana aho mba hitarika ny hira sy hitendry pianô. Nanohy nitendry pianô aho tany amin'ny oniversite ary nianatra nitendry ôrga. Nieritreritra aho fa efa nanjavona mandrakizay ilay fahafahako nandeha tany Amérique Latine rehefa nijanona tsy nanao fifaninanana lomano intsony aho, saingy rehefa nahazo ny mari-pahaizana maîtrise tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young aho, dia nandeha nitory ny filazantsara tany Colombie. Nandritra ny asa fitoriako dia nampianatra pianô aho. Naniry hanome an'ireo Olomasina ireo ny fanomezampahasoavan'ny fahaizana mozika aho. Nandeha an-tongotra an-kilaometatra maro tao anatin'ny hafanana be ireo ankizy sy zatovo tany Colombie mba hanana fahafahana hianatra hitendry pianô. Izy ireo koa dia nanomboka tamin'ny tanan'ila mandrapivoatran'izy ireo ka nitendry tamin'ny tanana roa. Ary naneho fahafoizan-tena be kokoa noho izaho izy ireo tao anatin'ireo ezaka nataony mba hahaizana mitendry pianô.

Efa 50 taona lasa izay no nahavita batisa ahy. Nandeha lavitra dia lavitra an'ilay fonenako tany Finlande aho, saingy na taiza na taiza nalehako dia nisy foana ny filana olona iray hitendry ireo hira ao amin'ny fihirana. Nanorina fifankahazoan-tsaina sy fifankatiavana tany amin'ny toerana maro ilay fitenin'ny mozika iraisan'izao tontolo izao.

Efa miadam-piasa sy tratran'ny aretina rohana ny tanako ankehitriny.

*Nampianatra pianô aho nandritra ny asa fitoriana nataoko tany Colombie. Nandeha an-tongotra tao anatin'ny masoandro migaingaina ny ankizy sy ny tanora mba hianatra ary naneho fahafoizan-tena lehibe mba hahazoana ilay fanomezampahasoavan'ny mozika.*

Mpahay mozika maro havanana kokoa no nandray ny toerako. Malahelo ny reniko mate-tika rehefa manao jery todika ny fahazazako tao am-piangonana sy ireo fihafiana nataoko ary ireo kilaometatra maro nodiaviko sy ireo zavatra izay nafoiko. Matahotra izy sao nahatonga ilay aretina rohana mahazo ahy ny hatsiaka. Kanefa amim-
pifaliana no itondrako ireo "holatry ny fihafiako." Narotsako tao anatin'ny mozika ny fifaliako sy ny alaheloko. Nianatra nihomehy sy nitomany tamin'ny alalan'ny rantsantanako aho.

Mahatsapa fankasitrahana ny foko rehefa mieritreritra aho hoe tena naneho fiahiana ampy ho ahy ny Ray any an-danitra sy ireo mpitarika ahy matoa nangataka tovovavy kely toa ahy hanatanteraka andraikitra sarotra toy izany. Izany antso izany dia nanampy ahy hahazo fahatakarana mafy orina ny filazantsara ary nanome fahafahana ahy hanampy ny hafa hahatsapa ny Fanahy amin'ny alalan'ny mozika. Izaho dia vavolombelona velona fa ireo mpikambana vaovao dia mila antso—na dia ankizivavy kely tsy mahay mitendry pianô aza. Tamin'ny alalan'ilay antsoko voalohany dia hitako fa tsy misy zavatra tsy azo tanterahana rehefa miaraka amin'Andriamanitra ary manana drafitra sy tanjona ho an'ny zanany tsirairay Izy. Ary tamin'ny alalan'ny mozika no nahazoako fijoroana ho vavolombelona tsy azo hozongozonina momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. ■



# Filankevitry ny Paroasy

## MA NAO NY ASANY

**Nataon'i LaRene Gaunt**
Gazetibokin'ny Fiangonana



*Ny Olomasin'ny Andro Farany dia mampiasa ny filankevitry ny paroasy na sampana mba hitahiana ny fiainan'ireo izay sahirana.*



Tamin'ny alin'ny 22 Mey 2011, tao anatin'ny feo ratsin'ny anjombona no nisian'ny tafiodrivotra mahery vaika namely ny faritra afovoan'i Joplin, Missouri, Etats-Unis, ka nandringana trano sy aina. Ny Paroasy Voalohan'i Joplin dia voa mafy nandritra izany tafiodrivotra izany, saingy teo no ho eo ihany ny Eveka Chris Hoffman sy ny filankevitry ny paroasy dia nanomboka nanao izay hiarovana ireo mpikambana tao amin'ny paroasy.

"Efa nanana drafitra hiatrehana izany izahay satria efa niresaka momba ireo fiomanana ireo nandritra ny filankevitry ny paroasy talohan'ny nitrangan'izany," hoy izy. "Niantehitra tamin'ny Fanahy koa izahay mba hahafantarana izay tokony hatao. Tapaka ny tariby mitondra ny herinaratra. Tsy nandeha ny finday. Nivavaka izahay sy nihaino ny valiny ary dia tonga izy ireo—tonga foana izy ireo. Mahafaly amin'ny maha-eveka ahy ny maheno mpikambana milaza hoe: 'Ity no zavatra nataoko,' toy izay hoe: 'Inona no tianao hataoko?'"

Ny valiny azo tao Joplin dia mampiseho ny herin'ny filankevitry paroasy iray miray hina. "Ny filankevitry ny paroasy dia iray amin'ireo fivoriana tena manan-danja ato amin'ny Fiangonana," araka ny nosoratan'ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "satria ny kôlejin'ny fisoronana sy ireo mpitarika ao amin'ny vondrona fanampiny dia afaka mifanakalo hevitra sy manao drafitra miaraka amin'ny

ANKAVIA: SARY NATAON'I CRAIG DIMOND





episkôpà. . . . Raha jerena ireo filankevitra sy kaomity rehetra ao amin'ny Fiangonana, dia mino aho fa ny filankevitry ny paroasy no afaka manana fiantraikany lehibe indrindra eo amin'ny fanampiana ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra."[1]

### Nampiraisin'ny Fitiavana sy ny Finoana

Tany Puerto Francisco de Orellana izay tanàna iray mitoka-monina any amin'ny ala mikitrok'i Équateur, dia misy mpikambana izay mifamatotra mafy ao amin'ny fitiavana sy ny finoana. Ny filankevitry ny sampana fanao isam-bolana dia maneho ny fifampiahian'izy ireo. Mifantoka amin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana izy ireo aloha dia avy eo mijery hoe ahoana no ahafahan'ireo fandaharan'asa mitondra fanampiana. Manaraka avy eo ny fanentanam-panahy.

Maro ireo mpikambana mila fanampiana eo amin'ny fitadiavana asa. Ny filankevitry ny sampana dia mahita fa ireo olan'ny mpikambana dia azo vahana eo an-toerana. Raha niresaka momba ny zavatra ilain'ny reny tokan-tena iray izay manan-janaka vavy kely iray manana olana arapahasalamana ny filankevitra, dia nahafantatra asa iray ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana izay azon'ilay reny atao nefa mbola afaka manakaiky ny zanany vavy ihany izy.

Ny filankevitry ny sampana koa dia mampiasa ireo loharanon'ny Fiangonana toy ny fitaovana ampiasaina ao anatin'ny fanofanana momba ny fitadiavana asa ao

### IREO ZAVATRA ILAINA HANANANA FILANKEVITRA MAHOMBY

Ao anatin'ilay bokiny hoe: *Counseling with Our Councils,* ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia manome ireto torohevitra telo ireto:

*"Voalohany, mifantoha amin'izay tena vaindohan-draharaha."* Araho ireo torolalana ao amin'ny *Manuel 2: Administration de l'Église,* toko 4, izay hita ao amin'ny internet ao amin'ny fizarana hoe Manompo ao amin'ny Fiangonana, ao amin'ny LDS.org.

*"Faharoa, mifantoha amin'ny olona fa tsy amin' ilay fandaharan'asa."* Tohizo ny ezaka eo amin'ny "fanampiana ny mpikambana vaovao mba hahazo aina tsara," eo amin'ny fampahavitrihana ireo izay malaindaina, eo amin'ny fijerena ny olan'ny zatovo sy ny olana ara-bolan'ny mpikambana tsirairay ary ireo zavatra ilain'ireo reny tokan-tena sy mananotena."

*"Fahatelo, ny filankevitra dia natao hitadiavana hevitra sy hifanakalozana hevitra fa tsy fanaovana tatitra sy fampianarana fotsiny.* Manorena tontolo ahafahan'ny rehetra mizara ny heviny ka manandanja daholo ny olona sy ny vondrona rehetra ary ny hevitra rehetra." Ny olona tsirairay dia samy manana ny heviny sy ny foto-piaviany, noho izany dia afaka mitondra ny fomba fijeriny mba hahatakarana ny zavatra ilain'ny mpikambana ny tsirairay.

**Jereo ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, *Counseling with Our Councils* (1997), 106, 109, 112.**



amin'ny Sampana Mpitondra Fanampiana momba ny Asa izay an'ny Olomasin'ny Andro Farany.[2] Nanokatra kilasy iray nampianarin'ny mpikambana iray tao amin'ny sampana izy ireo, izay nanampy mpikambana iray hafa mba hahita asa tsara kokoa.

I Ramiro Reyes izay mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny sampana dia milaza izao mikasika ny filankevitry ny sampana: "Isika dia fitaovana eo antanan'ny Tompo. Hanatanteraka ny tanjony amin'ny alalan'ny asa ataontsika Izy."

### Lalana iray mankany amin'ny Tempoly

Nanatrika ny fivoriana filankevitry ny paroasy amin'ny maha-filohan'ny Kilonga azy i Melissa Fisk tany Liverpool, New York, Etats-Unis, ary nihanahatakatra ny herin'izany izy. Rehefa naka ny kahie fanoratany tao anatin'ny poketrany izy dia sendran'ilay sarin'ny ankizin'ny Kilonga miisa 28 teo amin'ny tohatry ny Tempolin'i New York. Feno tsindron'ny takolapanenitra ny ankizy rehetra. Nanala ny sainy tao anatin'ny fivoriana nandritra ny fotoana fohy ilay sary ary nieritreritra kely an'ilay andro izay nandehanan'ny Kilongan'ny sampana tany Palmyra izy mba hianoka an'ilay fahatsapana masina raisina eo amin'ny tokotanin'ny tempoly. Indrisy anefa fa rehefa namelatra ny bodofotsiny ny ankizy dia nahatezitra tsy nahy ny tranon'ny takolapanenitra iray.

Rehefa avy nokarakaraina daholo ny rehetra, dia nanasa ny ankizy mba hikasika ny tempoly ireo mpitarika. Nandà izany ireo ankizy satria natahotra izy ireo sao hisy takolapanenitra bebe kokoa. Noho izany dia nilahatra ireo ray aman-dreny sy ireo mpitarika ary namorona lalana nitondra tany amin'ny tempoly. Nanome herim-po ny ankizy mba handroso izany.

AN-KAVIA: SARY NATAON'I JOSHUA J. PERKEY

## IZA NO MANDRAY ANJARA AO ANATIN'NY FILANKEVITRY NY PAROASY NA SAMPANA?

Ireto mpitarika ao amin'ny fisoronana sy vondrona fanampiny manaraka ireto dia manatrika ny filankevitra miaraka amin'ny tanjona anankiroa: (1) amin'ny maha-mpikambana azy ao amin'ny filankevitra izay manampy ny eveka hahita vahaolana mikasika ireo zavatra ilaina na olana ao amin'ny

***Episkôpà***
Ny episkôpà dia tompon'andraikitra amin'ny mpikambana ao amin'ny paroasy rehetra sy ireo fikambanana ary fiaraha-mientana rehetra. Ny eveka no miahy ny filankevitry ny paroasy, saingy afaka mandray fanapahan-kevitra tsara kokoa izy aorian'ny fifanakalozan-kevitra amin'ireo mpanolotsainy sy amin'ireo ao amin'ny filankevitry ny paroasy, amin'ny fotoana maha-mety izany.

(Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* 4.1; 4.2.)

***Mpitambokin'ny Paroasy***
"Ny mpitambokin'ny paroasy dia mihazona ny firaketana ireo andraikitra sy fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny fivoriana filankevitry ny paroasy. . . . Izy koa dia manome fampahalalana mazava izay miendrika tarehimarika avy amin'ny logiciel misy ny firaketan'ny Fiangonana."

(*Manuel 2,* 4.6.4.)

***Mpitantsoratra Mpanatanteraka***
"Ny mpitantsoratra mpanatanteraka dia manomana ny fandaharam-potoana ho an'ny fivoriana filankevitry ny paroasy. . . . Ny eveka koa dia afaka mangataka azy mba hanampy amin'ny fanarahamaso ny fanaovan'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy ny zavatra nampiandraiketana azy ireo. . . . [Izy] koa dia afaka ho olona mpandrindra ny fifandraisana eo amin'ny filankevitry ny paroasy sy ny komity mpanatanteraky ny fisoronana."

(*Manuel 2,* 4.6.5.)

***Ireo Mpitarika ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka***
Ny mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo ary ny filohan'ny kôlejin'ny loholona dia tompon'andraikitra amin'izay zavamahasoan'ireo lehilahy sahaniny eo amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-nofo. Ny eveka dia afaka manome an'ireo mpitarika ny kôlejy na ny vondrona ny sasany amin'ireo asa izay ataony amin'ireo fianakaviana.

(Jereo ny *Manuel 2,* 7.)

***Tompon'andraikitra Misahana ny Asa Fitoriana ao amin'ny Paroasy***
Ny tompon'andraikitra misahana ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy dia mandrindra ny ezaka ataon'ny paroasy eo amin'ny fanaovana asa fitoriana. Miara-miasa amin'ny misiônera amin'ny fotoana feno sy ny misiôneran'ny paroasy izy. Ny eveka dia afaka mangataka azy hitarika fifanakalozan-kevitra mikasika ny asa fitoriana mandritra ny fivoriana filakevitry ny paroasy.

(Jereo ny *Manuel 2,* 5.1.3.)

Rehefa namerina ny sainy tany amin'ny fivoriana filankevitry ny paroasy i Melissa dia nieritreritra hoe: "Raha izao mantsy no mba voahodidin'ny namana sy mpitarika be fitiavana toy izany ny olona rehetra rehefa mandroso mankany amin'ny tempoly izy ireo."

Tapaka teo ny eritreritriny rehefa nandre ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana niresaka momba ny zavatra ilain'ny rahavavy iray izy: "Tsy niangona izy tamin'ny Alahady. Ataoko izay hampahafantaran'ireo mpamangy isan-tokantrano mamangy azy momba ilay dia mankany amin'ny tempoly atsy ho atsy."

"Manana olana sarotra vitsivitsy izy ireo amin'izao fotoana izao," hoy ny filohan'ny kôlejin'ny loholona nanampy. "Hiresaka amin'ny mpampianatra isan-tokantrano mikarakara azy ireo aho ary hijery raha toa ka misy zavatra azontsika atao."

"Afaka manampy amin'ny fitaizana zaza ny zatovovavy," hoy ny filohan'ny Zatovovavy.

Rehefa nijery ny endrik'ireo mpikambana tao amin'ny filankevitry ny paroasy i Melissa dia nahita fanehoana fitiavana sy fiahiana tena avy amin'ny fo. Nisy tsiky nandravaka ny endriny. Nieritreritra izy hoe: "Ny Tompo *dia* nanomana fomba mba hiarovana sy hitiavana ny zanany." "Ny filankevitry ny paroasy!"

Toy ny tany Joplin, Puerto Francisco de Orellana sy Liverpool dia manohy mahita ireo fitahiana avy amin'ny filankevitry ny paroasy sy ny sampana ireo mpitarika maneran-tany. Rehefa hitan'izy ireo izany dia hahazo ilay hery mahagagan'ireo filankevitra ireo izy ireo mba hanampiana ny Tompo hitahy ny zanany ary hanatanteraka ny asany. ■

**FANAMARIHANA**

1. M. Russell Ballard, *Counseling with Our Councils: Learning to Minister Together in the Church and in the Family* (1997), 102.
2. *The Career Workshop Participant's Workbook* (item no. 35163) dia hita ao amin'ny store.lds.org, na ao amin'ny Foibe Fanapariahana na ny foiben'ny Fiangonana misahana ny fanampiana amin'ny asa.

paroasy ary (2) amin'ny maha-solontenan'ny fikambanany azy. Miara-miasa ao anatin'ny fitiavana manompo izy ireo sy mampatanjaka ny olona tsirairay sy ny fianakaviana ao anatin'ny paroasy sy ny sampana. (Ireo zavatra voalaza momba ny paroasy sy ny episkôpà dia miantefa ihany koa amin'ny sampana sy ireo fiadidian'ny sampana.)

***Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana***

Ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana dia solontenan'ireo vehivavy 18 taona no ho miakatra ao amin'ny paroasy. Manao izay vitany izy mba hanampiana ireo vehivavy hampitombo ny finoany sy ny fahamarinantoetrany manokana ary hanamafy orina ny fianakaviana sy ny tokantrano sy hanampy an'ireo izay sahirana.

(Jereo ny *Manuel 2,* 9.)

***Filohan'ny Zatovolahy***

Ny filohan'ny Zatovolahy dia manao izay hampatanjaka ireo zatovolahin'ny paroasy manomboka 12 ka hatramin'ny 18 taona. Miaraka amin'ny fanampian' ireo mpanolotsainy dia manampy ny fiadidian'ny Fisoronana Aharôna (Episkôpà) izy ary misahana ilay fandaharan'asan'ny Skoto raha misy izany.

(Jereo ny *Manuel 2,* 8.3.4.)

***Filohan'ny Zatovovavy***

Ny filohan'ny Zatovovavy dia manao izay hampatanjaka ireo zatovovavy manomboka 12 taona ka hatramin'ny 18 taona. Izy dia tompon'andraikitra mba "hanampy ny zatovovavy tsirairay ho mendrika ny hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina ary handray ireo ôrdônansin'ny tempoly."

(*Manuel 2,* 10.1.1.)

***Filohan'ny Kilonga***

Ny filohan'ny Kilonga dia solontenan'ireo ankizy ao amin'ny paroasy manomboka 18 volana ka hatrany amin'ny 11 taona. Tena hanampy ny heviny rehefa mandinika olana izay misy fiantraikany amin'ny ankizy ao amin'ny paroasy ny filankevitry ny paroasy.


(Jereo ny *Manuel 2,* 11.)

***Filohan'ny Sekoly Alahady***

Ny filohan'ny Sekoly Alahady dia tompon'andraikitra amin'ny fampianarana ny filazantsara mandritra ny Sekoly Alahady. "Manatrika ny fivoriana filankevitry ny paroasy izy miaraka amin'ny fahavononana ny hanolotra fomba ahafahan'ireo mpikambana hampivoatra ny fianarana sy ny fampianarana any am-piangonana ary any an-tokantrano."

(*Manuel 2,* 12.2.2.)

**Mba hahafantarana bebe kokoa mikasika ny fomba hahombiazana ao anatin'ny antsonao dia tsidiho ny Fampahalalana mikasika ny Fanofanana ny Mpitarika leadershiplibrary.lds.org.**



**Nataon'i Rosemary M. Wixom**
Filohan'ny Kilonga Maneran-tany

# Manokana Fotoana Hiresahana sy Hihainoana

*Ilay ezaka ataontsika amin'ny fo mba hifandray tsara kokoa ankehitriny dia hitahy ny fianakaviantsika mandrakizay.*

Ao anatin'ny tontolo iray tonga lafatra, ny ankizy rehefa mandeha mody avy any an-tsekoly dia ho tsenaina amin'ny lovia iray misy mofomamy misy sôkôla izay vao avy natao miaraka amin'ny vera lehibe iray misy ronono mangatsiaka ary eo ilay reny dia vonona ny hanokana fotoana hiresahana sy hihainoana ny fandehan'ny andron'ilay zanany. Tsy miaina ao anatin'ny tontolo izay tonga lafatra anefa isika, ka dia azo dinganina ilay mofomamy sy ronono, raha tianao, saingy aza dinganina ilay hoe "manokana fotoana hiresahana sy hihainoana."

Sivy amby roapolo taona lasa izay, ny Filoha James E. Faust (1920–2007), Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia naneho alahelo noho ny hakelin'ny fotoana iarahan'ny fianakaviana. Eritrereto izany—29 taona lasa izay—dia nilaza an'izao izy nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana: "Ny iray amin'ireo olana lehibe eo amin'ny fianakaviana ankehitriny dia ny fitomboan'ny fahakelezan'ny fotoana iarahantsika. . . . Ny fotoana iarahana dia fotoana sarobidy—fotoana ilaina mba hifampiresahana, hifampihainoana, sy hifankaherezana ary hifanehoana ny fomba hanaovana zavatra."[1]

Rehefa manokana fotoana iarahana isika sy ifampiresahana amin'ny zanatsika dia lasa mahafantatra azy ireo isika ary lasa mahafantatra antsika izy ireo. Ireo laharam-pahamehantsika sy ireo zavatra tsapantsika marina ao anatin'ny fontsika dia ho lasa anisan'ny votoatin'ny resaka ifanaovantsika amin'ny zanatsika.

Inona no hafatra manan-danja indrindra avy ao am-ponao izay hofidianao mba hozaraina amin'ny zanakao?

Ny mpaminany Mosesy dia mampianatra antsika ao amin'ny Deoteronomia hoe:

"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra.

"Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao:

"Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary *resaho* na mipetraka ao an-trano hianao, na mandeha any an-dalàna, na mandry na mifoha" (Deoteronomia 6:5–7; nampiana fanamafisana).

Ary mamela ahy hanampy anankiray hafa hoe: "Ary na rehefa miara-misakafo eo ambonin'ny latabatra ianareo."

Raha toa ka maniry ny iarahan'ny fianakaviantsika mandrakizay isika dia mila atombontsika androany izany dingana izany. Ny fanokanana fotoana iresahana amin'ny zanatsika dia firaiketam-po amin'ilay fianakaviantsika mandrakizay rehefa mandeha amin'ilay lalana mitondra antsika any amin'ny fiainana mandrakizay isika.

Nisy renim-pianakaviana iray avy tany Illinois, États-Unis izay nizara ny fomba nanokanany fotoana mba hiresahana amin'ny zanany:

"Fony mbola kely ny zanakay dia nanana fahazarana nijery fandaharana vitsivitsy tena tiako tamin'ny fahitalavitra aho. . . . Indrisy anefa fa ireo fandaharana ireo dia mandeha amin'ilay fotoana handehanan'ny ankizy matory.



"... Nisy fotoana aho nahatsapa fa napetrako tany an-tampon'ny lisitr'ireo laharam-pahamehako ireo fandaharana ireo ary tany ambanimbany ny zanako. Nandramako nandritra ny fotoana fohy ny namaky tantara vakiana alohan'ny hatory sady alefa ny fahitalavitra, saingy fantatro tao am-poko fa tsy izay no fomba tena tsara. Rehefa nieritreritra an'ireo andro sy herinandro very aho noho ny fahazarako nijery fahitalavitra dia nanomboka nahatsapa ho meloka aho ary nanapa-kevitra ny hiova. Nitaky fotoana ela ny fandresena lahatra ny tenako fa afaka mamono tokoa ny fahitalavitra aho.

"Roa herinandro taorian'ny namonoako ny fahitalavitra dia tsapako toy ny nisy entamavesatra nesorina izany teo amiko. Tsapako ho toy ny nahazo aina kokoa aho sy toy ny nadio kokoa izany aza ary fantatro fa nanao safidy tsara aho.[2]

Fotoana tena tsara ifampiresahana ilay fotoana alohan'ny hatoriana.

Hoy i Helamàna mikasika an'ireo zatovolahy miaramila hoe: "Ary naveriny tamiko ny tenin'ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay" (Almà 56:48).

"Ny tenin'ny renin'izy ireo" no nampianatra azy ireo. Rehefa niresaka tamin'ireo zanany ireo reny ireo dia nampianatra ny tenin'Andriamanitra.

### Miaro ny Fifandraisana Manokana

Zavatra mahasoa maro no tonga avy amin'ny alalan'ny fifampiresahana ary fantatr' ilay fahavalo tsara ny herin'ny teny nambara. Te-hampihena mafy ilay fanahy izay tonga ao amin'ny tokantranontsika izy rehefa mifampiresaka sy mifampihaino ary mifankahery isika ary miaraka manao zavatra.

I Satana dia nanandrana, nefa tsy nahita

SARIN-DRAHAVAVY WIXOM © BUSATH PHOTOGRAPHY; SARY NATAON'I BRADLEY SLADE



fahombiazana, nanakana ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy rehefa nanandrana nanakana ny fifampiresahana nisy teo amin'i Joseph Smith sy ny Ray any an-danitra ary ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy.

Hoy i Joseph hoe: "Nisy hery nangeja ahy avy hatrany izay nandresy ahy tanteraka sady nanana fahefana mahagaga tamiko, izay namatotra ny lelako, hany ka tsy afaka niteny aho" (Joseph Smith—Tantara 1:15).

Te-hamehy mafy ny lelantsika ny fahavalo—na zavatra hafa mba hanakanana antsika tsy hanambara mivantana amin'ny alalan'ny vavantsika ireo zavatra tsapan'ny fontsika. Izy dia tia ny fifanalavirana sy ny firiorion-tsaina. Izy dia tia ny tabataba sy ny fifandraisana tsy ahitana fanehoana fihetsehampo—izay mety ho zavatra hanakanana antsika tsy hahazo ilay hafanan'ny feo sy ilay fahatsapana manokana avy amin'ny firesahana mivantana.

## Mihaino ny Fon'ireo Zanatsika

Ny fihainoana dia zava-dehibe toy ny firesahana ihany. Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Raha mihaino amim-pitiavana isika dia tsy hanana ahiahy ny amin'izay tokony holazaina. Homena antsika izany . . . amin'ny alalan'ny Fanahy."[3]

Rehefa mihaino isika dia mahita ny ao am-pon'ireo izay manodidina antsika. Manana drafitra ho an'ny zanany tsirairay ny Ray any an-danitra. Alaivo sary an-tsaina izany hoe afaka mahita ny drafitra manokana ho an'ny zanatsika tsirairay isika. Ahoana raha toa ka afaka mampivoatra ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahin'izy ireo isika? Ahoana raha toa ka afaka mahafantatra ny fomba hamporisihana ny zanaka iray hanatratra ilay hery ananany isika? Ahoana raha toa ka afaka mahafantatra ny fomba hanampiana ny zanaka tsirairay hanova ilay finoana ho lasa fijoroana ho vavolombelona isika?

Ahoana no ahafantarantsika izany?

Afaka manomboka mahafantatra isika amin'ny alalan'ny fihainoana.

Nisy raim-pianakaviana Olomasin'ny Andro Farany iray izay nilaza hoe: "Mahavita zavatra tsara maro kokoa aho rehefa mihaino ny zanako noho ny hoe miresaka amin'izy ireo. . . . Nahafantatra miandalana aho fa ny zanako dia tsy mila valinteny izay efa nomanina sy mahomby nandritra ny taona maro ary valinteny mifono fahendrena. . . . Ny fahafahana mametraka ireo fanontaniany sy ny firesahana ireo olany no zava-dehibe kokoa ho azy ireo noho ny fandraisana valiny. Matetika rehefa miresaka eo izy ireo ka nihaino maharitra tsara aho, dia tsy dia mila loatra ny valinteniko izy ireo. Efa hitan'izy ireo ny valiny."[4]

Mitaky fotoana ny fifantohana amin'ny zavatra izay tena manan-danja. Tsy tonga dia miseho haingana ny fifampiresahana sy ny fifampihainoana ary ny fifankaherezana. Tsy azo atao maimaika na atao amin'ny fotoana iray manokana izany—fa arakaraky ny fisehonjavatra eny no maha-tena tsara ny fitrangany. Mitranga izany rehefa miaraka *manao* zavatra isika: miara-miasa, miara-mamorona zavatra sy miara-milalao. Mitranga izany rehefa hajanontsika ny haino aman-jery ary ireo fialambolin' izao tontolo izao ary mifampifantoka isika.

Zavatra sarotra atao izany ankehitriny. Rehefa mitsahatra isika ary mamono ny zavatra rehetra dia tsy maintsy miomana amin'ny zavatra hitranga manaraka. Amin'ny voalohany dia mety tsy mampahazo aina ilay fahanginana. Mety hiteraka fahatsapana ho very izay manelingelina izany. Manana faharetana, miandrasa segondra vitsivitsy dia ankafizo izany. Afantohy tanteraka amin' ireo manodidina anao ny sainao amin'ny

alalan'ny fametrahana fanontaniana momba azy ireo ary dia mihainoa amin'izay. Ry ray aman-dreny resaho ny zavatra iray mahaliana ny zanakao. Ihomehezo ny lasa—ary nofinofiso ny hoavy. Ny resaka adaladala aza dia mety hivadika ho fifanakalozan-kevitra manan-danja.

### Manao ho Laharam-pahamehana Ilay Tanjontsika Mandrakizay

Tamin'ny lohataona farany teo raha namangy ny kilasin'ny zatovovavy aho dia nangataka ny mpianatra mba hanoratra laharam-pahamehana miisa 10 ny mpampianatra. Nanomboka nanoratra haingana aho. Tsoriko fa ny eritreritro voalohany dia nanomboka tamin'ny "Laharana 1: manadio ilay vatasarihana ahitana pensilihazo ao an-dakozia." Rehefa vita ny lisitra nataonay dia nangatahan'ilay mpitarika ny Zatovovavy izahay mba hizara ny zavatra nataonay. I Abby izay vao feno 12 taona vao haingana dia nipetraka teo akaikiko. Ity ny lisitra nataon'i Abby:

1. Mandeha any amin'ny oniversite.
2. Lasa mpanaingo ny aty trano.
3. Mandeha manao asa fitoriana any Inde.
4. Manambady any amin'ny tempoly olona iray efa nahavita asa fitoriana.
5. Manan-janaka dimy sy tokantrano iray.
6. Mandefa ny zanako manao asa fitoriana sy mianatra any amin'ny oniversite.
7. Lasa renibe "mpanome mofomamy."
8. Mampihanta ny zafikely.
9. Mianatra bebe kokoa momba ny filazantsara ary mankafy ny fiainana.
10. Miverina miara-miaina amin'ny Ray any an-danitra.

Hoy aho hoe: "Misaotra ry Abby." Nampianatra ahy momba ny fomba hananana fahitana an'ilay drafitra nomanin'ny Ray any an-danitra ho antsika rehetra ianao. Rehefa fantatrao fa mandeha amin'ny lalana iray ianao na dia mety hitranga aza ireo fiolankolanana dia tsy haninona ianao. Rehefa mifantoka any amin' ilay tanjona faratampony ny lalanao—dia ny fisandratana sy ny fiverenana any amin'ny Ray any an-danitra izany, dia ho tonga any ianao.

Taiza no nahazoan'i Abby izany fananana fisainana mifantoka amin'ny tanjona mandrakizay izany? Miantomboka any an-tokantranontsika izany. Manomboka any amin'ny fianakaviantsika izany. Nanontaniako izy hoe: "Inona no ataonareo ao amin'ny fianakavianareo mba hananana laharam-pahamehana toy izany?

Izao no navaliny: "Ankoatry ny famakiana ny soratra masina dia mandalina ny *Torio ny Filazantsarako* izahay." Dia nanampy izy hoe: "Mifampiresaka matetika izahay—mandritra ny takarivan'ny mpianakavy, sy mandritra ny fotoam-pisakafoanana hariva ary any anaty fiara rehefa eny am-pandehanana eny."

Nanoratra i Nefia hoe: "Miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy." Nahoana?" "Mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany." (2 Nefia 25:26).

Ny fifampiresahana, ny fifampihainoana, ny fifankaherezana ary ny fiarahana manao zavatra amin'ny maha-fianakaviana dia hampanakaiky antsika kokoa amin'ny Mpamonjy izay tia antsika. Ny ezaka ataontsika amin'ny fo mba hifandray tsaratsara kokoa amin'izao fotoana izao—amin'ity andro anio ity mihitsy—dia hitahy ny fianakaviantsika mandrakizay. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa miresaka an'i Kristy isika, dia mifaly koa ao amin'i Kristy ary ao amin'ilay fanomezan'ny Sorompanavotana. Ny zanatsika dia hahafantatra "ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany." ■

*Avy amin'ny lahateny iray nandritra ny fihaonamben'ny tsatòka natao tao Salt Lake City tamin'ny 24 Ôktôbra 2010 izay nampitaina tamin'ny alalan'ny zanabolana.*


**FANAMARIHANA**

1. James E. Faust, "Enriching Family Life," *Ensign,* Mey 1983, 41.
2. Susan Heaton, "Talk Time Instead of TV Time," *Ensign,* Ôkt. 1998, 73.
3. Jeffrey R. Holland, "Witnesses unto Me," *Liahona,* Jolay 2001, 16.
4. George D. Durrant, "Pointers for Parents: Take Time to Talk," *Ensign,* Apr. 1973, 24.




# IREO MIRTILA SY NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Taona vitsy lasa izay dia niala haingana tany amin'ny faritra iray be mponina ny fianakaviako ka nifindra tany amin'ny toerana kely iray ambanivohitra izay tany ivelan'ny tanàna kely milamina iray. Teo akaikin'izany dia nisy toeram-piompiana sy fambolena izay nahitana mirtila ary izahay dia nahazo alalana tamin'ny alalan'ny namana sy ilay tompony mba haka izay mirtila ilainay.

Tao anatin'ny maraina maromaro isan-kerinandro nandritra izany fotoam-pahavaratra izany dia miditra ao anaty fiara izahay rehetra miaraka amin'ny siny kely sy harona ary mandany ora mahafinaritra sy tena tsara mioty ireo mirtila. Indray maraina dia toa nisalasala ny hanaraka anay i Hyrum zanakay faralahy. Tena azony antoka fa efa nalainay daholo ny mirtila rehetra ka dia ho fotoana very maina fotsiny ny fandehanana any indray. Tena taitra izy nahita mirtila faran'izay maro noho ny hatramin'izay. Nisy vondrona mirtila mitandahatra izay tsy tsikariny tany ary ny sasany tamin'ireo mirtila tena be rano dia naniry tamin'ireo sampana izay azony antoka fa efa nandehanany teo aloha.

Tamin'izay fotoana izay dia nangatahan'ireo mpitarika ny zatovo ao amin'ny paroasy ireo zatovo tao aminay mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna alohan'ny hiantombohan'ny fidirana mianatra any an-tsekoly tamin'izay volana Aogositra izay. Nentin'ny zanakay tany an-trano izany fangatahana izany ary dia nanolo-tena hiaraka amin'izy ireo hanao izany koa ny fianakavianay.

Raha vao vita ny famakianay ny Bokin'i Môrmôna dia tonga ny *Ensign* volana Aogositra 2005 izay nahitana ny fangatahan'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ny hamakiana ny Bokin'i Môrmôna alohan'ny faran'ny taona. Tena faly i Hyrum sy i Joseph rahalahiny—noho ny fieritreretana fa efa nankato ny mpaminany izahay! Dia nampahatsiahivin'i Seth sy Bethany izay zokiny iray tampo aminy izy ireo fa nangataka azy ireo ny Filoha Hinckley mba hamaky izany indray na impiry na impiry aza no efa nanaovanay izany.



***Tena azony antoka fa efa nalainay daholo ny mirtila rehetra ka dia ho fotoana very maina fotsiny ny fandehanana indray any amin'ilay toeram-pambolena mirtila.***

"Fa maninona?" hoy ireo ankizilahy nanontany. "Efa novakianay daholo ny teny rehetra tao, ka zavatra hafa inona indray no tokony hianarana ankoatr'izay efa novakianay?"

Taorian'ny fotoam-pahanginana kely dia nisy olona niteny momba ireo mirtila. "Tsarovy ilay tamin'ny nieritreretantsika fa efa nalaintsika daholo ny mirtila rehetra? Saingy rehefa niverina tany isika dia mbola nisy mirtila bebe kokoa tany—nisy foana! Na dia efa imbetsaka aza isika no nandeha tany ary na dia vao haingana aza dia nisy mirtila foana teo amin'ireo hazo."

Tsapanay haingana ny fifandraisan'izany. Toy ilay toeram-piompiana sy fambolena izay manana mirtila tena matsiro be dia be dia loharano tsy tapaky ny fivokisana ara-panahy koa ny Bokin'i Môrmôna ary manana fahamarinana vaovao tokony hotadiavina. Dia nanomboka namaky indray ny Bokin'i Môrmôna izahay.

Rehefa nanaiky nanao ilay fangatahan'ny mpaminany aho dia namaky zavatra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay efa novakiana imbetsaka teo aloha, saingy hitako tamin'ny fomba hafa izy ireo na takatra ny ifandraisany amin'ny toe-javatra sy olana vaovao iainana. Fantatro fa isaky ny mamaky amin-kitsimpo ny Bokin'i Môrmôna isika dia afaka mahazo fampahalalana vaovao sy manakaiky kokoa ny Mpamonjy. ■

Suellen S. Weiler, Georgia, États-Unis

## NAHATSAPA AHO FA TOKONY HANDEHA

Roa taona sy tapany taorian'ny batisako tany Buenos Aires, Argentine, dia toa mbola niverimberina tato an-tsofiko ilay teny nampianarin'ny iray tamin'ireo elder ireo hoe: "Fantatro fa misiônera ianao." Tsaroako koa ilay valinteny mahery vaika azoko rehefa nivavaka aho mba hahafantatra raha toa ka tena marina ilay zavatra tsapako mafy tato am-poko. Tamin'ny faha-20 taonako dia tokony niomana mba hanao asa fitoriana aho.

Saingy ahoana no ahafahako ho lasa misiônera? Tsy mba toy ireo tovolahy manana toetran'anjely izay nampianatra ahy ny filazantsara aho. Ary ahoana no ahafahako miala amin'ny asako? Aiza no hipetrahako rehefa miverina mody aho? Efa tena sarotra ny nahitana ilay toerana nipetrahako na dia efitrano kely fotsiny aza izany izay tao ambadiky ny tranon'olona iray.

Raha teny an-dalana hody aho indray hariva dia tonga tao an-tsaiko indray ireo fahatsapana sy ahiahy ireo. Rehefa tonga tany an-trano aho dia niezaka nandray fanapahan-kevitra. Nanapa-kevitra ny handohalika sy hanao vavaka aho mba hangataka fanampiana. Rehefa nanao izany aho dia nisy zavatra nanosika ahy mafy mba handehanako hitsidika an'i Leandro, izay namana iray tena loharanon-kery lehibe ho ahy rehefa ao anatin'ny fotoam-pahoriana.

Saingy ilay eritreritra hanaitra azy amin'ny misasak'alina dia nahatonga ahy tsy hanaraka ilay hevitra. Fantatro fa nifoha maraina handeha hiasa izy ary tsy sahy nandondona ny varavarany aho tamin'izany ora izany. Nanao izay tsy hieritreretana izany aho saingy mbola nahatsapa foana fa tokony handeha ho any aminy. Mbola nisafidy ny tsy hiraharaha izany ihany aho.

Dia naleoko nandehandeha nanodidina an'ireo vangongontrano mba haka rivotra mangatsiatsiaka. Rehefa tsaroako anefa fa tsy nohidiko ny varavarako dia nanomboka niverina tany antrano aho. Rehefa niditra aho dia nahita an'i Leandro nipetraka tao amin'ilay efitranoko. Nirotsaka tao anatiko ny Fanahy ary tsy avy niaina aho. Tamin'ny alalan'ny feo heniky ny fihetseham-po no nanontaniako azy hoe: "Inona no ataonao ato?"

"Tsy fantatro," hoy izy. "Nahatsapa fotsiny aho fa tokony handeha aty aminao."

Nolazaiko taminy ny momba ireo ahiahy nananako momba ny fanaovana asa fitoriana. Nijoro ho vavolombelona tamiko izy ary namporisika ahy. Dia nampiany aho nameno ireo taratasy ilaina amin'ny fanaovana asa fitoriana izay nentiko tany amin'ny evekako ny ampitson'izany. Roa volana taty aoriana dia nandray ny antsoko mba hanompo any amin'ny Misiônan'i Salta Argentine aho.

Fantatro fa fitaovana teo antanan'ny Tompo ilay namako tamin' izay alina izay ary fantatro amin'ny foko rehetra fa ny Ray any an-danitra dia mihaino sy mamaly vavaka izay atao amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana. ■

Aldo Fabio Moracca, Nevada, États-Unis



*Rehefa niditra aho dia nahita an'i Leandro nipetraka tao amin'ilay efitranoko. Nirotsaka tao anatiko ny Fanahy ary tsy avy niaina aho.*

SARY NATAON'I G. BJORN THORKELSON

# HO FATY AHO!

Raha niasa toy ny mpanampy mpitsabo tao amin'ny sampana misahana ireo marary vao avy nodidiana aho dia naharay antso an-tariby indray andro mikasika ny olona marary iray nantsoina hoe Bill izay vao avy nodidiana. Tokony ho nalefa tany amin'ny sampana misahana ny fitsaboana manokana ny olona marary mafy izy fa nafindra tany amiko satria feno ilay sampana.

Vetivety dia tonga ilay marary niaraka tamin'ny fianakaviany. Nahazo aina aho rehefa nahita fa nahatsiaro saina tsara izy sy nahafantatra ny toerana nisy azy sy ny zavatra nahazo azy ary rehefa jerena dia tsy ianjadian'ny fanaintainana be.

Taorian'ny fizahana ny fitempon'ny fony sy ny tosi-drany ary ny hafanany ary ny fampahafantarana azy sy ny fianakaviany ny momba ny efitranony dia nivoaka tao amin'ny lalantsara aho mba hanoratra eo amin'ny taratasy milaza momba azy. Raha vao nikasika ilay taratasy ny peniko dia naheno feo aho niteny hoe: "Miverena ao amin'ny efitranony." Natsahatro ny fanoratana ary nitodika tany aoriana aho. Tsy nisy olona tany. Nihevitra aho hoe noeritreretiko tao an-tsaina fotsiny ilay feo, kanjo naheno izany fanindroany aho—fa mafimafy kokoa.

Niverina nihazakazaka tany amin'ny efitranon'i Bill aho ka nahita fa nitombo in-droa ny haben'ny tendany ary tsy afa-niaina tsara izy. Rehefa nieritreritra aho fa noloahana ny lalan-dra teo amin'ny tendany mba hampidirana ra any amin'ny lohany dia notsindriko mivantana tamin'ny tanako havanana teo amin'ny tendany ary nampiasaiko iantsoana an'ilay dokotera izay nanatanteraka ny fandidiana azy ny tanako havia. Nilaza ilay mpandidy fa handefa vondron'olona haka an'i Bill faran'izay haingana. "Ary tsy tokony hanala ny tanako aho!" hoy izy.

Rehefa notohizako ny fanindriana dia nahatsikaritra bokim-piangonana izay fantatro aho teo akaikin'ny fandrianan'i Bill. "Mpikamban'ny Fiangonana ve ianao?" Hoy aho nanontany.

Niezaka nanetsika ny lohany hilazana hoe eny izy ary avy eo nilaza tamiko fa mpanatanteraka ôrdônansy ao amin'ny Tempolin'i Atlanta Georgia izy. Dia nanganohano izy ary nilaza hoe: "Ho faty aho!"


Nilaza taminy aho fa tsy ho faty izany izy ary tamim-pahatokian-tena no nilazako hoe: "Hanambady any amin'ny Tempolin'i Atlanta aho amin'ny volana ambony ary ho ao ianao amin'izany." Dia tonga ilay vondron'olona ao amin'ny sampan'ny fandidiana ary nitondra an'i Bill.

Noho ny fientanentanako teo amin'ny fandaminana ny fanambadiako tao anatin'ilay volana nanaraka dia saika hadinoko i Bill izay nisy fiovana rehefa nahazo fanafody. Saingy rehefa nitondra ahy tany amin'ny efitrano famehezana ilay vadin'ny filohan'ny tempoly tamin'ny andro nanambadiako dia nahita endrik'olona fantatro aho: Rehefa niteny taminy fa handeha hanambady aho dia lasa nitady an'i Bill izy. Fotoana fohy talohan'ny niantombohan'ny fotoana dia nisokatra ny varavarana ary niditra izy. Taorian' ireo herinandro maro nizakana ny aretina an-doha sy ny fandoavana ary ny harerahana dia nahatsapa ho tsaratsara i Bill ka nandeha tany amin'ny tempoly tamin'izay andro izay ary tsy fantany akory hoe andron'ny fanambadiako izany.

Roa taona taty aoriana dia voantso ho mpanatanteraka ôrdônansy tao amin'ny Tempolin'i Nashville Tennessee izahay mivady. Rehefa tonga tao amin'ny tempoly mba ho tokanana izahay dia nisy lehilahy andriantoetra iray nanokatra ny varavarana ho ahy ary niteny hoe: "Tonga soa ato amin'ny Tempolin'i Nashville!" Rahalahy Bill izany.


Niara-nanompo nandritra ny telo taona izahay. Nolazain'i Bill tamin'ny olona rehetra fa namonjy ny ainy aho, saingy fantatro fa ny Tompo no namonjy azy. Tao anatin'izany fotoana izany no nampianarany ahy ny lanjan'ny fihainoana ny bitsika avy amin'ny Fanahy. ■

Ramona Ross, Tennessee, États-Unis



***Nilaza ilay mpandidy fa handefa vondron'olona misahana ny fandidiana haka an'i Bill faran'izay haingana. "Ary aza esorina ny tananao!" hoy izy.***

# ANGAMBA TOKONY HIVAVAKA ISIKA



***Narehitro ireo jiron'ny fiara tany aoriana dia nalaiko ilay fanilonay elektrika, ary rehefa avy nijery ny fiara aho dia nanapa-kevitra fa ny zavatra tsara indrindra tokony hataoko dia ny miverin-dalana ao anatin'ilay ala.***

Tamin'ny lohataonan'ny taona 1975, izaho sy ny fianakaviako dia nipetraka teo anivon'ny tany maitso mavan'ny toeram-piompiana sy fambolena iray tany amin'ny faritr'i Rheinland-Pfalz tany Allemagne Andrefana. Rehefa nandeha fiara niala teo am-piangonana mba handeha hody izahay indray Alahady avy orana, dia nijanona nijery fiara iray izay nivadika tao anatin'ilay faritra mandon'ny lalana nanamorona ala iray. Efa maizina tao anatin'ilay ala noho ilay tafo matevina namboarin'ireo hazo sy noho ny fahatongavan'ny alina.

Rehefa avy nijery ilay fiara simba izahay dia niverina nankeny amin'ny fiaranay ary nahita fa tafahitsoka tao anaty fotaka izany. Tsy afaka nihemotra aho saingy afaka nandroso—ao anaty ala. Efa nitondra fiara nanivatsiva ny ala izahay teo aloha ary nahita fa maro ireo lalana ao anaty ala no mifandray ary mitondra any amin'ny lalana mivoaka any ivelany ihany izany amin'ny farany, ka dia nanapa-kevitra ny handroso ao anatin'ilay haizim-pito aho.

Nahatsapa haingana aho fa nandray fanapahan-kevitra diso. Ilay lalana ety sy mando dia feno lava-kodiarana lalina sy feno fotaka izay nitondra lavitra niditra nankao anatin'ilay ala mikitroka. Niezaka ny nihazona ilay hafainganam-pandeha aho noho ny fahatahorana hoe raha mijanona izahay dia ho tafahitsoka. Nahita faritra avo izay aho tena teo anoloanay izay toa mafy tsara ka afaka hahazaka ny lanjan'ny fiara. Ny drafitro dia ny hamoaka ny fiara ao anatin'ny fotaka mba hanomezako ny tenako fotoana hieritreretana. Tafavoaka mafy tany ivelan'ny fotaka ilay fiara.

Novonoiko ny fiara ary nivoaka aho. Tsy nahita na inona na inona aho noho ireo jiro izay maty. Narehitro ireo jiron'ny fiara tany aoriana dia nalaiko ilay fanilonay elektrika, ary rehefa avy nijery ny fiara aho dia nanapa-kevitra fa ny zavatra tsara indrindra tokony hataoko dia ny miverin-dalana ao anatin'ilay ala ary mandeha haingana mivoaka amin'ilay lalana nidiranay.

Nihemotra faran'izay lavitra vita tao anatin'ilay ala aho, dia novelomiko kely ny fiara, niditra tampoka niverina tao anatin'ilay lalana aho ary dia nilentika lalina tao anatin'ny fotaka. Izay izahay vao tena tao anatin'ny olana. Maizina sy nangina tanteraka tany ivelan'ny fiara. Nipetraka tao anatin'ilay fiara izahay mivady niaraka tamin'ireo zanakay izay matin'ny tahotra.

Nanontany izay mba hevitry ny vadiko aho. Fotoana fohy kely taorian'izay dia hoy izy hoe: "Angamba tokony hivavaka isika." Tonga dia tony ireo ankizy. Nanolotra vavaka feno fanetren-tena nefa koa feno fahakiviana aho mba hahazoana fanampiana. Rehefa nivavaka aho dia nisy eritreritra tonga mazava tsara tato an-tsaiko hoe: "Apetaho ny rojon-kodiarana."

Nijoro tao anatin'ny fotaka nirefy 25 santimetatra ny halaliny tao anatin'ilay akanjo lavany fanao Alahady ilay vady malalako ka nitazona ilay fanilo elektrika raha teo am-panadiovana ireo kodiarana tamin'ny tanako tsotra fotsiny aho ary nametaka ilay rojo. Nivavaka indray tamim-pinoana sy tamim-pahatokian-tena izahay ary namelona indray ny fiara. Nandeha tsimoramora tao anatin'ilay fotaka izahay ary tafaverina tany amin'ny atilalana ihany tamin'ny farany.

Noho ny fientanentanana fa afaka tao anatin'ilay fotaka sy ny haizina dia saika hadinoko hoe iza no nanampy anay hivoaka an'ilay ala. Nampahatsiahy ahy izany ilay zanakay vavy dimy taona rehefa niteny izy hoe: "Dada a! Tena mamaly ny vavaka tokoa ny Ray any an-danitra sa tsy izany?" ■

Scott Edgar, Utah, États-Unis

# Mahafantatra an'i Bleck ny Olona Rehetra

**Nataon'i Adam C. Olson**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Tsy niraharaha afa-tsy ny fanaovana basketball i Honoura "Bleck" Bonnet. Tany amin'ny faha-15 taonany dia olo-malaza vao nisandratra tany Polynésie Française i Bleck—izay iray amin'ireo mpilalao mahay indrindra tao anatin'ny iray tamin'ireo ekipa mahay indrindra tao amin'ny sokajin'ny olondehibe tao amin'izany firenena izany. Na dia fanononana diso ilay teny iray amin'ny teny Anglisy hoe: *black* aza ny anaram-bosotra nomena azy dia tsy nisy tomika ny talentany.

Saingy nila zavatra bebe kokoa izy. Te-ho mpilalao matihanina any Europe izy. Ary naniry mihoatra ny zavatra rehetra ny hahazo medaly volamena izy nandritra ireo Lalaon'ny Faritra Pasifika Atsimo.

***Efa ela no nirotsahan'i Honoura "Bleck" sy Myranda Bonnet tao anatin'ny basketball tao Tahiti.***



Ny hany sakana izay toa nijoro eo amin'ny lalany dia ny Fiangonana.

### Lehilahy Iray Manao Asa Fitoriana

Na dia niantohan'ny Fiangonana aza ilay ekipa nilalaovan'i Bleck tamin'izany fotoana izany, dia zara raha liana tamin'ny Fiangonana i Bleck na tamin'ilay antson'ny mpaminany ho an'ny tovolahy mendrika sy salama rehetra mba hanao asa fitoriana.

Efa niteny tamin'ny evekany izy fa tsy handeha hanao asa fitoriana. Tsy hitany ny fomba ahafahany ho lasa mpilalao matihanina raha toa ka mijanona tsy manao mandritra ny roa taona izy.

Ny tena manan-danja indrindra dia ilay Lalaon'ny Faritra Pasifika Atsimo izay—hatao isaky ny efa-taona—dia hiseho mandritra ny fotoana hanaovany asa fitoriana ary ny Federasiôn'ny Basketball ao Tahiti dia nanana faniriana ny hampilalao azy ao amin'ny ekipa nasiônaly. Hanana fahafahana amin'izay izy mba hampitsahatra ireo teny lazain'ny rainy azy isaky ny manomboka manambony ny tenany loatra i Bleck izay manao hoe: "Mahalala an'i Bleck ny olon-drehetra saingy tsy mba manana medaly volamena izy."

Tamin'ny fomba feno hatsaram-panahy no nilazan'i Jean-Baptiste rain'i Bleck an' ireo teny ireo. Saingy tena mahatezitra an'i Bleck izy ireo. Toy ny mpampahatsiahy azy izany fa na dia nahafantatra azy daholo aza ireo mpankafy basketball nanerana an'i Tahiti dia tsy mba nanana medaly volamena avy amin'ireo lalao izy. Ny rainy dia nahazo medaly volamena tao anatin'ny ekipa lehilahy nandritra ny Lalaon'ny Faritra Pasifika Voalohany.

SARY NALAIN'I ADAM C. OLSON, AFA-TSY IZAY NOMARIHINA




*Ny fitiavan'i Bleck ny basketball dia sady fitsapana no fitahiana.*

Anjaran'i Bleck ny manaporofo fa diso ireo teny ireo. Tsy nanana fotoana hanaovana asa hafa izy.

### Fiovan'ny Saina, Fiovan'ny Fo

Na dia teo aza ny zavatra tsapany momba ny fandehanana hanao asa fitoriana dia mbola nandray anjara tamin'ireo fiaraha-mientana tao amin'ny Fiangonana ihany izy. Fony izy 16 taona nandritra ny lanonam-pandihizana iray tao am-piangonana, dia nanana fahasahiana nangataka an'i Myranda Mariteragi mba handihy i Bleck. I Myranda dia mpilalao basketball mahay koa—izay nanana nofinofy ny hahazo ny medaly volamenany koa. Ny rainy koa dia tao anatin'ilay ekipa tany amboalohany izay nahazo medaly volamena.



"Ny hafaliana dia tonga avy amin'ny fiainana amin'ny fomba izay tian'ny Tompo hiainanao."

**Filoha Thomas S. Monson, "Preparation Brings Blessings," *Liahona*, Mey 2010, 67.**

Segondra vitsy taorian'ny nangatahany azy handihy dia tapitra ilay hira. Noho izany dia nandihy nandritra ilay hira manaraka izy ireo izay hira farany tamin'izay hariva izay. Rehefa nanakaiky izany dia tsy tian'i Bleck hifarana ilay dihy.

Tsy mba nanana drafitra ny hanambady any amin'ny tempoly izany i Bleck na hanambady mpikambana koa aza noho izany antony izany. Saingy nanomboka niova izany rehefa nanomboka nahafantatra an'i Myranda bebe kokoa izy nandritra ny roa taona manaraka. Indray andro tany an-tranon'i Myranda dia nisy zavatra nataony tao amin'ny Zatovovavy izay nisarika ny sainy. Izany dia mivaky hoe: "Hanambady any amin'ny tempoly aho."

Ny fahalianan'i Bleck tamin'i Myranda sy ny fanoloran-tenany hanambady any amin'ny tempoly dia ampy ho azy hamerina handinika ny drafiny. Nanapa-kevitra ny hanomboka haneho fahamatorana mikasika ny Fiangonana izy. Ny fanapahan-kevitra noraisiny dia nitondra azy tany amin'ny fanaovana zavatra izay nanome fahafahana ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny fiainany.



### Ilay Fanapahan-kevitra

Ny iray tamin'ireo fanapahan-keviny dia ny hiomana handray ny tsodranon'ny patriarika rehefa feno 18 taona. Rehefa nilaza ilay patriarika tao anatin'ilay tsodrano fa handeha hanao asa fitoriana i Bleck ary hanambady any amin'ny tempoly, dia nahatsapa ny Fanahy izy. "Fantatro fa izay no tian'Andriamanitra hataoko," hoy izy.

Na dia toa hanam-bintana hahazo medaly ihany aza ilay ekipa nasiônaly, dia nanapa-kevitra i Bleck niaraka tamin'ny fanohanan'ny fianakaviany fa hametraka any alohan'izay zavatra tiany ny zavatra tian'Andriamanitra hataony. Tsy mora ilay fanapahan-kevitra. Tena lehibe ilay fanerena mba hilalao. Ary tsapany haingana fa hotsapaina mihoatra ny indray mandeha ilay fahapahan-keviny hanao ny sitrapon'Andriamanitra.

Rehefa feno herintaona ny naha-misiônera azy tao Tahiti dia nangataka azy ny federasiôn'ny basketball raha toa ka afaka miverina ao amin'ilay ekipa izy mandritra ny iray volana fotsiny mba handray anjara ao anatin'ireo lalao.

Ny filohan'ny misiônan'i Bleck izay niahiahy momba ny mety ho fiantraikan'izany toe-javatra izany eo amin'ny fahafahan'i Bleck miverina sy manompo, dia nentanin'ny fanahy hiteny taminy hoe: "Afaka mandeha ianao raha tianao saingy tsy afaka miverina ianao."

Naniry ny hahazo izany medaly izany i Bleck saingy tsy naniry ny hahazo izany intsony mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra tamin'izay. Tena nahavariana ny asa fitoriana nataony. Tsy vonona ny hanajanona ny herintaonany farany izy na dia ho an'ny basketball aza.

Nijanona i Bleck.

Nahazo medaly volamena ilay ekipa.

### Toe-javatra Tsy Mitovy, Fanapahan-kevitra Mitovy

Rehefa nahavita tamim-boninahitra ny asa fitoriany i Bleck dia nanambady an'i Myranda tao amin'ny Tempolin'i Papeete Tahiti ary nanomboka nanorina fianakaviana izy ireo. Niverina nilalao ho an'ny ekipa nasiônaly koa izy.

I Myranda dia vodilaharana mpiaro tao anatin'ny ekipa nasiônaly vehivavy ary niomana tamin'ny Lalaon'ny Faritra Pasifika koa ny tenany.

Kanefa rehefa nanakaiky ireo lalao dia nanomboka nahatsapa mafy ny tokony hananan-janaka faharoa izy mivady.

Noho ny fanatonan'ireo lalao izay afaka herintaona latsaka sisa dia ho mora kokoa ho an'i Myranda ny manemotra any aoriana ny fananan-janaka iray hafa mba hilalaovany. Manana vintana tsara ny hahazo medaly ny ekipa vehivavy.

Saingy nianatra avy amin'ny zavatra niainany izy mivady fa mitondra fitahiana bebe kokoa ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra noho ny zavatra hafa izay azon'izy ireo antenaina avy amin'ny fanarahana ireo faniriany manokana. Taorian'ny fandinihina sy fivavahana tsara dia nanapa-kevitra ny hametraka

SARIN'NY BAOLINA BASKET NATAON'I TAMARA RATIETA © IRI



ny fianakaviany ho lohalaharana izy ireo.

Tamin'ny 1999, rehefa bevohoka valo volana i Myranda dia nahazo medaly volamena ny ekipa vehivavy.

**Mahafantatra an'i Bleck ny Olona Rehetra**

I Bleck sy Myranda dia efa nilalao basketball tany amin'ny dingana ambony indrindra tany Polynésie Française nandritra ny folo taona lasa—nahazo ireo amboara nasiônalin'ny lalaon'ny mpiady tompon-daka sy ireo amboaran'ny lalao fifaninana-mihodina izy ireo ary nilalao tao anatin'ny ekipa nasiônaly nandritra ireo lalao nanomboka tamin'ny 2003 ka hatramin'ny 2007.

Nandritra ny lalao tamin'ny 2011 dia samy nandray anjara izy ireo fa tamin'ity indray mitoraka ity dia mpanazatra ny ekipa lehilahy i Bleck. I Myranda kosa sy ny ekipan'ny vehivavy dia nahazo medaly volamena ary nahazo medaly halimo ny ekipan'ny lehilahy izay tsy nahatantateraka indray ilay nofinofin'i Bleck mba hahazo medaly volamena.

Indraindray i Bleck dia manontany tena hoe ho nanao ahoana ny fiainany raha toa ka nanao izay tiany izy fa tsy izay tian'Andriamanitra.

"Mety ho nahazo ny medaly volamena aho," hoy izy. "Mety lasa mpilalao matihanina aho, na ny mifanohitra amin'izay."

Saingy tsy nanenenan'izy mivady ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo. Tsy matoky izy ireo hoe misy fomba hafa ahafahan'izy ireo ho faly kokoa noho izao.

"Nanambady tany amin'ny tempoly aho," hoy i Bleck. "Manana vady mahafinaritra aho sy zanaka efatra mahafatifaty ary mbola ao amin'ny Fiangonana aho. Tsy afaka nanome ahy ny iray tamin'ireo raha izay basketball fotsiny. Ireo dia fitahiana avy amin'ny vokatry ny fametrahana ny Tompo ho lohalaharana.

Ny fametrahana ny Tompo ho lohalaharana dia tsy nampitsahatra ny hanihanin'ny rainy saingy nitondra dikany vaovao ho an'ireo teny ireo izany. Taona vitsy lasa izay rehefa nikasa ny hanisy isaky ny Alahady ny lalao ifanandrinan'ny fikambanan'ny mpilalao ny federasiôna dia nivory ireo filohan'ny fikambanana mba hifanakalo hevitra momba izany. Nisy olona nanontany hoe: "Nanontany an'i Bleck ve ianareo?"

Nolavina ilay sosokevitra.

Noho ny fametrahan'i Bleck ny Tompo ho lohalaharana dia tsy hoe nahafantatra an'i Bleck fotsiny ny olona rehetra—fa nahafantatra ny zavatra inoany. ■

***Ho an'i Bleck sy Myranda dia napetraka tany amin'ny seza tany aoriana ny fahombiazan'izy ireo teo amin'ny fanatanjahan-tena mba hipetrahan'ny fahombiazana eo amin'ny fianakaviana eo amin'ny seza eo aloha.***

# Fanontaniana & Valiny

## “Maninona aho no mila mandeha manao seminera kanefa aho afaka mandalina samirery fotsiny ny soratra masina?”

Mandritra ny androm-piainanao manontolo ianao dia afaka handalina ny soratra masina irery foana, ka raha mbola misy fahafahana, dia araraoty ankehitriny ilay fahafahana mandalina soratra masina ao amin’ ny seminera miaraka amin’ ireo mpampianatra matihanina sy namana tsara.

Manampy anao hahazo fahalalana vaovao mikasika ny soratra masina izay mety mbola tsy dia tena takatrao tsara hatramin' izay ny fianarana sy fandalinana izany eo ambany fitarihan’ ny mpampianatra mahay iray. Mety hizara ihany koa ny fampianaran’ ireo mpaminany sy mpitarika hafa ato am-piangonana ilay mpampianatra, fampianarana izay hanome anao fahatakarana bebe kokoa momba ny soratra masina.

Ary koa, matetika mahafinaritra kokoa ny mianatra miaraka amin’ ny mpiara-mianatra aminao. Hanana fahafahana hiresaka mikasika ireo zavatra hitanao eo am-pamakiana ianao. Ireo mpiara-mianatra aminao koa dia mety efa niaina zavatra izay nahatonga ny soratra masina sasantsasany ho lasa tian’ izy ireo indrindra. Ny fandrenesana ny zavatra niainan’ izy ireo dia hahatonga ilay soratra masina ho toy ny miaina kokoa ho anao. Ary satria mandalina ny filazantsara miaraka amin’ ny hafa ianao dia afaka mahazo ity fitahiana nampanantenaina ity manao hoe: “Fa na aiza na aiza no iarahan’ ny roa na telo miangona amin’ ny anarako, . . . dia indro, ho eo afovoany Aho” (F&F 6:32).

Manome lamina enti-mandalina ho anao ihany koa ny seminera. Amporisihina ianao mba hamaky ampahan-tsoratra masina isaky ny mandeha, izay manampy anao hahavita vaky ny boky soratra masina tsirairay. Manana fahafahana mifanakalo hevitra sy mitadidy ireo soratra masina fehezina ianao. Afaka manana antoka ianao fa hianatra zavatra bebe kokoa avy amin’ ny soratra masina amin’ ny alalan’ ny fanaovana seminera noho ny amin’ ny alalan’ ny fomba hafa amin’ izao fotoana izao eo amin’ ny fiainanao.

### Namana Vaovao, Hevitra Vaovao



Mahazo namana vaovao ianao ao amin’ ny seminera ary ho lasa akaiky amin’ izy ireo ianao, ho toy ny fianakaviana. Mianatra zava-baovao maro izay tsy ho fantatrao ianao raha nianatra irery. Mahafinaritra sy tena hahatsapana fanahy izany. Manome antoka izany fa manomboka ny andronao amin’ ny fomba tsara ianao. Raha mbola tsy nanao izany ianao izao dia atombohy ary dia hanova ny fiainanao izany.

*Katarina B., 16 taona, Californie, Etazonia Amerika*

### Fifaliana



Manokatra ny androko ny seminera. Mahatonga ahy ho olona falifaly kokoa sy mazoto kokoa hifanakalo hevitra momba ny filazantsara amin’ ny olon-kafa izany. Mandalina amin’ ny antsipiriany kokoa ny soratra masina izahay hany ka mahatakatra zavatra bebe kokoa aho.

*Madi S., 15 taona, Colorado, Etazonia Amerika*

### Mianatra avy amin’ ny hafa



Ho ahy dia zavatra tsy maintsy atao ny seminera. Tsy vitan’ ny mampianatra sy manazava ireo fahamarinana hita ao amin’ ny soratra masina fotsiny ilay mpampianatro feno fanoloran-tena fa mianatra zavatra betsaka avy amin’ ireo fifanakalozan-kevitry ny iray kilasy koa aho. Mizara ny zavatra niainany avy amin’ ny zavatra nianarany ireo mpianatra hafa ary nanampy ahy hahazo fahalalana bebe kokoa mikasika ny filazantsara sy ny Mpamonjy ary ny Sorompanavotany izy ireo. Tsy ampy ny fandalinako samirery, satria tao anatin’ ireo fifanakalozan-kevitra tao an-dakilasy no nahitako ny vahaolana sasantsasany tamin’ ireo olana natrehako. Afaka mijoro ho vavolombelona aho fa mitana anjara toerana lehibe eo amin’ ny famahanana ny fijoroako ho vavolombelona mikasika ny Fiangonana marin’ i Jesoa Kristy ny seminera.

*Denzel J., 15 taona, Samoa Andrefana*

### Fahazavana sy Fahamarinana



Rehefa manao seminera aho dia mikatsaka ny hahazo fahazavana sy fahamarinana ary mitafy ny fiarovan-tenan’ Andriamanitra (jereo ny F&F 27:15–18). Manampy ahy hahafantatra ny feony amin’ ny fotoana rehetra sy amin’ ny toerana

*Ny valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ny fotopampianaran’ ny Fiangonana.*

rehetra izany fiarovan-tena izany. Mampatanjaka ny finoako sy ny fijoroako ho vavolombelona ny fandalinana isan’ andro ny soratra masina ary manampy ahy hatanjaka ao anatin’ ny fiatrehana ireo fitsapana lalovako. Iray amin’ ireo fomba tsara indrindra hahitako fahazavana sy fahamarinana ary handalinako ny soratra masina sy hisaintsainako lalina ny fanatrehana ny seminera.

*Nohemi M., 17 taona, Puebla, Mexique*

### Fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa



Voalohany, dia nilaza ny Tompo fa na aiza na aiza misy olona miangona amin’ ny Anarany dia ho eo anivon’ izy ireo Izy (jereo ny Matio 18:20; F&F 6:32). Ny fahatsapana ny Fanahiny dia afaka manampy antsika hisaintsaina ny zavatra nataony ho antsika. Faharoa, afaka mahatakatra bebe kokoa izay voasoratra isika rehefa mandalina ny soratra masina miaraka amin’ ny hafa. Rehefa mifampihaino eo ny tsirairay dia afaka mandre zavatra izay tsy ho tsikaritry ny tena manokana mihitsy, ary hahatsapa toy izany koa ny hafa rehefa mizara ny fahalalana azontsika isika. Fahatelo, mihamatanjaka ny fijoroako ho vavolombelona rehefa mandeha manao seminera aho. Ny seminera dia fahafahana iray hizarana ny fijoroantsika ho vavolombelona ary hihainoana ny fijoroana ho vavolombelon’ ny hafa. Manampy antsika hijanona amin’ ny lalana mahitsy izany.

*Dmitri G., 16 taona, Dnipropetrovsk, Ukraine*


### Fahatakarana bebe kokoa



Tsy mahita fahafinaretana loatra aho rehefa mandalina ny soratra masina irery noho ny rehefa mandalina izany miaraka amin’ ny hafa. Ankoatra izany dia afaka mianatra hevitra mahaliana avy amin’ ireo hafa ianao rehefa mandalina ny soratra masina miaraka. Nianatra tantara mahaliana maro tamin’ ny alalan’ ny seminera aho, ary mahafantatra bebe kokoa ny mombamomba ireo soratra masina izay mahatonga ny fandalinana hahafinaritra kokoa! Faly aho fa nanapa-kevitra ny hanao seminera.

*Rebecca M., 16 taona, Schleswig-Holstein, Allemagne*

### Fampiarahan-javatra tonga lafatra



Traikefa mampivoatra ny seminera. Indraindray dia tsy ampy tsotra izao ny mandalina irery. Fampiarahan-javatra tonga lafatra ny fandalinana ataon’ ny tena manokana sy ny seminera. Mahavariana ireo mpampianatra ary raha sendra manana fanontaniana ianao dia afaka hanampy anao hamaly izany ny mpampianatrao sy ny mpiara-mianatra aminao.

*Dawson D., 15 taona, Idaho, Etazonia Amerika*

### Antony Telo

Voalohany, manatrika seminera aho satria te-handeha hitory ny filazantsara. Mila mifoha maraina sy mandalina ny filazantsara ireo misiônera amin’ ny maraina. Manampy ahy hanana izany fahazarana tsara izany ny fifohazako maraina hanatrika ny seminera. Faharoa, amin’ ny maraina dia mbola misokatra tsara ny saintsika ka afaka mifantoka amin’ ny zavatra halalinintsika sy hianarantsika isika. Fahendrena ny mampiasa ireo ora tsara indrindra ao anatin’ ny andro iray mba hianarana mikasika an’ Andriamanitra. Fahatelo, mety tsy mahatakatra zavatra lalina toy ilay mpampianatro aho raha toa ka mianatra irery. Afaka mianatra zavatra bebe kokoa noho ny rehefa mianatra irery aho amin’ ny alalan’ ny fitarihany sy ny fampianarany.

*H. Chen Yuan, 16 taona, T’ ai-chung, Taiwan*



**FITAHIANA AVY AMIN’ NY SEMINERA**

“Fantatro ny hery izay azo avy amin’ ny fandraisana anjara amin’ ny fandaharam-pianaran’ ny seminera sy institiota. Nampiroboro ny fiainako izany ary fantatro fa hampiroborobo ny fiainanao koa. Hanisy fitaovam-piarovan-tena hanodidina anao izany izay hiambina anao amin’ ireo fakam-panahy sy fitsapana eto amin’ izao tontolo izao. Misy fitahiana lehibe ao anatin’ ny fananana fahalalana ny filazantsara. Tsy mahafantatra toerana hafa tsara kokoa ho an’ ireo tanoran’ ny Fiangonana aho izay mety hahazoany fahalalana miavaka momba ny zavatra masina mihoatra ny ao amin’ ny fandaharam-pianarana institiota sy seminera.”

**Loholona L. Tom Perry ao amin’ ny Kôlejin’ ny Apôstôly Roambinifolo, “Receive Truth,” *Ensign,* Nôv. 1997, 61–62.**

## FANONTANIANA MANARAKA

## “Ahoana no ahafahako manazava amin’ ny namako fa zavatra ratsy ny fandikana ny lalàn’ ny fahadiovam-pitondrantena?”


Alefaso hatramin’ ny 15 Mey 2012 ny valinteninao, ao amin’ ny liahona.lds.org, na amin’ ny alalan’ ny e-mail ao amin’ ny liahona@ldschurch.org, na amin’ ny alalan’ ny paositra amin’ ity adiresy ity:

*Liahona,* Questions & Answers 5/12
50 E. North Temple St., Rm. 2420
Salt Lake City, UT 84150-0024, USA

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

Tsy maintsy hita ao amin’ ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezan-dalanao natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan’ ny ray amandreninao (ekena ny fandefasana izany amin’ ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

# Nahoana no Ilaina ny Manatrika Seminera?



## MANDRAISA ANJARA AO AMIN' NY SEMINERA

"Hanampy anareo hahatakatra sy hiantehitra amin' ny fampianarana sy ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ny seminera. Hahatsapa ny Fanahin' ny Tompo ianareo rehefa mianatra mitia ny soratra masina. Hiomana handeha ho any amin' ny tempoly sy hanao asa fitoriana ny filazantsara ianareo.

"Ry tanora, miangavy anareo aho handray anjara amin' ny seminera. Halalino isan' andro ny soratra masina. Henoy tsara izay lazain' ny mpampianatrareo. Ampiharo ombam-bavaka ireo zavatra nohalalininareo."

**Filoha Thomas S. Monson, "Participate in Seminary," seminary.lds.org.**


Inona araka ny hevitrao no zavatra manan-danja indrindra ho azon' ny mpianatra iray avy amin' ny alalan' ny seminera sy institiota? Raha nisy vondron' ny mpianatra seminera iray nametraka izany fanontaniana izany tamin' ny Tompon' andraikitra ao amin' ny Departemantan' ny Fampianarana an' ny Fiangonana, ny Loholona Paul V. Johnson ao amin' ny Fitopololahy dia namaly izy fa ny zavatra manan-danja indrindra mety ho azon' izy ireo dia "ny fijoroana ho vavolombelona marina fa i Jesoa no Kristy. Ny fahatakarana fa ny *tena* fahalalana dia ny fahalalana ara-panahy. Izany dia ilay zavatra tonga ao amin' ny fanahintsika tsirairay avy amin' ny Fanahy Masina. Izany no fahamarinana mahery vaika indrindra sy zavatra mahery vaika indrindra izay azo avy amin' ny seminera sy institiota. Tsy manova fotsiny ny zavatra fantatrao izany fa tena manova ny maha-ianao anao ary manova ny fomba fijerinao an' izao tontolo izao. Ary izany karazam-pianarana ambony kokoa izany dia manampy mba hahafeno ireo fianarana hafa izay ataonao" ("A Higher Education," *New Era,* Apr. 2009, 15).

Ny Loholona Johnson dia iray amin' ireo Manampahefana Ambony maro izay niresaka mikasika ireo fitahiana mahavariana izay azo avy amin' ny fanaovana seminera sy instititota. Ka raha mbola manontany tena ianao hoe nahoana aho no tokony hanao seminera dia indreto misy antony tsara misimisy kokoa avy amin' ireo mpaminany sy apôstôly.


## MAMETRAHA FOTOTRA IORENAN' NY FAHASAMBARANA SY NY FAHOMBIAZANA

"Hanampy anao amin' ny maha-zatovolahy na zatovovavy anao hametraka fototra iorenan' ny fahasambarana sy ny fahombiazana eo amin' ny fiainana ny fandaharam-pianarana seminera."

**Loholona Richard G. Scott ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Now Is the Time to Serve a Mission!" *Liahona,* Mey 2006, 88.**







## IANARO IREO FAHAMARINANA AO AMIN' NY FILAZANTSARA

"Maniry ny hanatrehan' ny zazalahy sy zazavavy rehetra seminera aho satria any no ianaran' izy ireo ny ankamaroan' ireo fahamarinan' ny filazantsara. Ny seminera no toerana ahafahan' izy ireo mandamina ao an-tsainy izay zavatra ho ataon' izy ireo ary dia mandeha manao asa fitoriana izy ireo."

**Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), "President Kimball Speaks Out on Being a Missionary," *New Era*, Mey 1981, 49.**



SARIN' I SPENCER W. KIMBALL NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN' NY LDS CHURCH ARCHIVES

## ATAOVY HO LAHARAM-PAHAMEHANA IZANY

"Ry mpianatra, raha miaina araka ny fitsipika ijoroanareo ianareo, dia tsy hisalasala mihitsy ianareo tsy hanatrika fotoam-pianarana iray tsy voatery atrehina izay mety mahafinaritra ihany, ka hisafidy ilay fotoam-pianarana iray izay hahazoana fahalalana sy hanamafy orina ilay tena fototry ny fiainanao. Ary rehefa avy nisoratra anarana, dia manatrika sy mandalina ary mianatra. Reseo lahatra koa ireo namanao hanao toy izany. Mampanantena anao aho fa tsy hanenenanao velively izany."

**Filoha Boyd K. Packer, Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Agency and Control," *Ensign*, Mey 1983, 67.**

## AMPANDROSOY HIDITRA AO AMIN' NY FIAINANAO IREO FITAHIANA

"Feno fankasitrahana aho noho ny fandaharam-pianarana seminera sy institita eto amin' ny Fiangonana. Te-hamporisika ireo mpianatra ao amin' ny sekoly ambaratonga faharoa rehetra aho mba hanararaotra ny fandaharam-pianarana seminera. Ho voatahy bebe kokoa ny fiainanareo raha manao izany ianareo."

**Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008), "Excerpts from Recent Addresses of President Gordon B. Hinckley," *Ensign,* Des. 1995, 67.**

## FANTARO IREO ZAVATRA TELO AZON' NY SEMINERA TANTERAHANA

"Misy zavatra telo mahery vaika izay azon' ny seminera tanterahana. Voalohany, mampiaraka ireo tanora izay miaina fitsipika mitovy izany. Tian' ny tanora ny miaraka amin' ireo hafa izay mitovy finoana aminy sy tia ny soratra masina. Faharoa, mampiaraka ny tanora amin' ny mpampianatra iray izay manana fijoroana ho vavolombelona izany, ary afaka mahatsapa ny afo avy amin' izany izy ireo rehefa zaraina izany. Fahatelo, mitaona ireo tanora ho liana amin' ny soratra masina izany."

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany, "A Discussion on Scripture Study," *Liahona*, Jolay 2005, 11.**





## AOKA IANAO HO MPIANATRA HAHAZO MARI-PANKASITRAHANA AVY AMIN' NY SEMINERA

"Manatreha tsy tapaka ny seminera ary miezaha ho mpianatra hahazo mari-pankasitrahana avy amin' ny seminera. Ny fampianarana ao amin' ny seminera dia iray amin' ireo traikefa ara-panahy manan-danja indrindra izay afaka ho azon' ny zatovolahy [sy zatovovavy] iray."

**Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994), "To the 'Youth of the Noble Birthright,' " *Ensign*, Mey 1986, 44; "To the Young Women of the Church," *Ensign*, Nôv. 1986, 82.**



# SEMINERA any amin' ny Ala Mikitrok' i Équateur

*Mitondra fiovana lehibe eo amin' ireto tanora ireto izay any amin' ny ala mikitroka lavitra ny seminera.*

**Nataon' i Joshua J. Perkey**
Gazetibokin' ny Fiangonana

Any atsinanan' i Quito, Équateur, rehefa avy mandalo ireo faritra misy vôlkano sy ny Tendrombohitra Les Andes dia mitsotsorika tampoka mankao anatin' ny ala mikitrok' i Amazonie ny lalana. Ao ianao dia hahita ala matevina, renirano maro, gidro, vorona miavaka, eny hatramin' ny dauphin mavokely aza.

Ao koa ianao no hahita ny tanàna iray antsoina hoe: Puerto Francisco de Orellana. Tena lavitra amin' ny zava-drehetra any Équateur izany. Dimy ambin' ny folo taona lasa izay dia vitsy tokoa ny olona nipetraka teo amin' izany faritra izany. Kanefa ny fahitana solitany tao dia nanintona orinasa, sy olona mpitady asa ary mpikamban' ny Fiangonana.

### Seminera ao amin' ny Sampana Kely Iray

Vitsy tamin' ireo tanora toa an'i Oscar R., no efa mpikambana rehefa naorina ny sampana, fa ny ankamaroany dia olona niova fo vao haingana. Ary misy afo miredareda ao am-pon' izy ireo. "Matanjaka izahay," hoy ny tenin' i Oscar.

Nanomboka ny fandaharampianarana seminera ny tao amin' ilay sampana, tamin' ny Septambra 2010, izany hoe herintaona fotsiny taorian' ny niorenany.

"Fony vao nanomboka niangona izahay taona vitsy lasa izay," hoy i Oscar, "dia tena mbola vitsy. Izaho irery no zatovo tao. Kanefa dia tsy nitsaha-nitombo izahay. Vetivety foana dia lasa 6 izahay, avy eo 10, ary ankehitriny dia zatovo maromaro noho izany aza."

Noho ny sasany amin' ireo zatovo izay mianatra maraina tany ampianarana ary ny sasany mianatra ny tolakandro dia nasian' izy ireo fotoampianarana seminera roa—ka ilay iray amin' ny maraina dia amin' ny 8:00 ka hatramin' ny 9:00 ary ilay iray hafa amin' ny tolakandro dia amin' ny 4:30 ka hatramin' ny 5:30.

Mety tsy dia betsaka loatra ny tanora manaraka ilay fandaharampianarana kanefa ho an' ireo izay manatrika izany dia nanova ny fiainan' izy ireo ny seminera.

### Nahoana no atao izany?

"Fitahiana lehibe ho ahy ny seminera," hoy i Luis V., izay mpikambana vaovao. "Manomana ahy ho lasa misiônera tsara izany. Niatrika fitsapana sy fakam-panahy maro aho hatramin' izay naha-mpikamban' ny Fiangonana ahy izay, kanefa afaka nanao izay hampatanjaka ahy hatrany aho satria manao izay zavatra tokony hatao."

Ary tsy i Luis irery no mahatsapa toy izany. "Vao haingana no nahampikamban' ny Fiangonana ahy," hoy i Ariana J., "kanefa dia efa nanatrika seminera foana aho hatramin' ny nahavitan' ny batisako. Faly aho manatrika izany satria mianatra zavatra



*Ny seminera dia manamafy orina ny zatovo toy ireto any Équateur ireto, izay mbola mpikambana vaovao ny ankamaroany.*

marina maro mikasika ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay mameno fanantenana ny foko ary fahatakaranjavatra ao an-tsaiko."

Nanampy an' i Ariana hanana fototra mafy orina ao amin' ny filazantsara ny fanatrehana seminera. "Fitahiana ho ahy ny mandray anjara ao anatin' ireo fotoam-pianarana ireo," hoy i Ariana. "Mampatanjaka ny fanahiko izy ireo ary manampy ahy hiomana ka indray andro any dia afaka ho lasa vady, sy reny, sy mpitarika tsara ato am-piangonana aho ary mety ho



lasa mpitory ny filazantsara amin' ny fotoana maharitra."

Mahatsapa toy izany koa i Geraldo, ny anadahin' i Ariana. "Feno fankasitrahana aho satria lasa ampahanjavatra iray manan-danja eo amin' ny fiainako ny seminera," hoy izy. "Manomana ahy izany hanao asa fitoriana indray andro any. Tao no nianarako mikasika ny drafitry ny famonjena izay nomanin' Andriamanitra ho ahy. Ny fotoam-pianarana tsirairay izay atrehako dia manome fanantenana ahy fa afaka mandova ny fanjakana selestialy aho ary manome antoka ahy fa nandray ny filazantsaran' i Jesoa Kristy aho."

Indraindray dia mahatsapa ho torovana ihany i Gerardo mandritra ny fotoam-pianarana. Tsy maintsy manatitra ny zandriny lahy kely any an-tsekoly aloha izy voalohany indrindra ary avy eo dia miverina haingana any an-trano maka ny anabaviny mba hahafahan' izy ireo mandeha manatrika seminera. Kanefa tsy mampaninona azy izany.

"Tena zava-baovao amiko izany rehetra izany kanefa heniky ny hafaliana aho," hoy i Gerardo. "Fantatro fa eo amin' ilay lalana tena izy aho izay hanome ahy fahafahana hahita ny Raiko any an-danitra indray. Manome antoka ahy ny amin' izany ny Fanahy Masina. Mila miezaka fotsiny aho ary maharitra hatramin' ny farany."

### Tsy Ilaina ny Mitebiteby

Tamin' ny voalohany dia somary nahamenatra kely an' i Walter A. ny fanaovana seminera. "Somary nitebiteby aho tamin' ny voalohany," hoy izy. "Kanefa rehefa niditra ny kilasy aho dia nahatsapa ho olona miavaka satria nahatsapa ny fitiavana izay tsapanao aho rehefa mandalina ny soratra masina. Ary rehefa nivoaka avy tao aho dia nahatsapa ho nahazo fahasambarana tao am-poko noho ireo zavatra nianarako. Iray amin' ireo fitahiana lehibe indrindra omen' ny Ray any an-danitra ny zatovo ny seminera."

"Nanova ny fiainako Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany," hoy i Abel A., izay miomana ihany koa handeha hanao asa fitoriana. "Mianatra mikasika ireo fampianaran' ireo mpaminany aho. Tiako i Joseph Smith. Nahery fo izy teo amin' ny fanatanterahana ny Famerenana amin' ny laoniny ny Fiangonana marina na dia teo aza ireo olana nihatra taminy vokatr' izany. Te-hahery fo toa azy aho."

Maro ireo tanora no tsy maintsy maneho fahafoizan-tena mba hanaovana seminera. Tsy mora foana izany, kanefa ho an' ireo zatovo ao Puerto Francisco de Orellana, Équateur, dia tsy hanenenana ny fanaovana izany.

"Rehefa mieritreritra ny dikan' ny hoe mibosesika mandroso tahaka ny lazain' ny soratra masina aho," hoy i Abel nanazava dia, "mieritreritra aho fa izany dia midika hoe mametraka izay lohalaharana eo amin' ny fiainantsika. Ny seminera dia iray amin' izy ireo. Afaka manova ny fiainan' ireo zatovo hafa izany tahaka ny nanovany ny fiainako."

Miroborobo sy manova ny fiainan' ireo izay misafidy ny hanao izany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy sy ny fandaharam-pianaran' ny seminera na dia any amin' ny faritra tena lavitra any amin' ny ala mikitrok' i Équateur aza. ■



SARY NALAIN' I JOSHUA J. PERKEY

# INONA NO AORIAN' NY SEMINERA?

*Tsy mifarana eo amin' ny fandraisana mari-pankasitrahana noho ny fanaovana seminera ny fandalinam-pinoana ataonao. Mbola misy zavatra mahafinaritra miandry anao.*

**Nataon' i David A. Edwards**
Gazetibokin' ny Fiangonana

Mandalina ny soratra masina sy tena mihaona tsy tapaka amin' ny zatovo hafa izay mitovy taona aminao ianao ao amin' ny seminera. Mahatsapa ho voaray tsara ianao ary afaka mahatsapa ny Fanahy. Ka moa ve vita hatreo ny fiainana zavatra toy izany rehefa tapitra ny seminera? Tsia dia tsia.

Ny fandaharam-pianaran' ny institiota ao amin' ny Fiangonana no dingana manaraka ary ho tianao izany. Na handeha hianatra any amin' ny oniversite ianao na tsia dia afaka manohy mianatra momba ny filazantsara, miomana amin' ny asa fitoriana sy ny fanambadiana any amin' ny tempoly ary afaka mizara traikefa amin' ireo tanora hafa mitovy taona aminao.

Indreto misy valim-panontaniana fototra vitsivitsy mikasika ny institiota. Afaka mahazo fampahalalana bebe kokoa ianao ao amin' ny institute.lds.org.

**Inona no atao hoe institiota?**

Ny institiota dia fotoam-pandalinana ny filazantsara, ka tafiditra ao anatin' izany ireo fotoam-pianarana mikasika ny soratra masina, sy ny fampianaran' ireo mpaminany ary ny fiomanana hitory ny filazantsara na ho amin' ny fanambadiana any amin' ny tempoly. Any amin' ny institiota sasantsasany dia afaka misafidy amin' ireo fampianarana maro samihafa ianao.

**Iza avy no afaka manatrika?**

Ireo tanora tokan-tena rehetra dia amporisihina mafy hanatrika ireo fotoam-pianarana institiota. Ireo rehetra eo anelanelan' ny 18 ka hatramin' ny 30 taona—na manambady na mpitovo—dia afaka manatrika.

**Aiza no ahitako ny institiota?**

Ny faritra sasany dia manana trano fanaovana institiota any akaikin' ny toeram-pampianarana ambony sy oniversite. Amin' ny faritra hafa dia ao amin' ny trano fiangonana na toerana hafa no hanatanterahana ny fotoam-pianarana. Miresaha amin' ny evekanao na ny filohan' ny sampana misy anao mba hahafantarana mikasika ny fandaharam-pianarana institiota eo amin' ny faritra misy anao na mitsidiha ny institute.lds.org mba hahitana ny toerana fanaovana institiota akaiky anao indrindra.

**Nahoana aho no tokony hanatrika ireo fotoam-pianarana institiota?**

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ataovy lohalaharana ny fandraisana anjara amin' ny institiota. . . . Eritrereto izany. Ho azo ny namana, ho tsapa ny Fanahy ary hihamafy orina ny finoana. Mampanantena anao aho fa raha mandray anjara ao amin' ny institiota ianao ary mandalina amim-paharisihana ny soratra masina, dia hitombo ny hery hanoheranao ny fakam-panahy sy ny hery hahazoanao ny fitarihan' ny Fanahy Masina amin' ny zavatra rehetra ataonao (institute.lds.org, Apr. 21, 2009). ■

## IREO TAREHIMARIKA MIKASIKA NY INSTITIOTA

**Isan' ny mpianatra:** mihoatra ny 350.000

**Isan' ny toerana ahitana izany:** mihoatra ny 2.500

**Isan' ny taranjam-pampianarana misy:** taranja fototra 15, miampy taranja manokana maromaro

**Institiota voalohany:** Moscow, Idaho, États-Unis (1926)

**Institiota voalohany ivelan' i États-Unis sy Canada:** Mexique (1959)


**Ny tanjon' ny institiota:** Ny hanampy ny zatovo sy ny tanora mpitovo hahatakatra sy hiantehitra amin' ny fampianarana sy ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy, sy ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana avy amin' ny tempoly, ary hiomana sy hanomana ny fianakaviany ary ny hafa ho amin' ny fiainana mandrakizay miaraka amin' ny Ray any An-danitra.



SARY NATAON' NY MEDIA SERVICES

# 2 Timoty 3:16–17

*Nampianatra ny fomba itahian' ny soratra masina ny fiainantsika ny Apôstôly Paoly.*



**Ireo Soratra Masina rehetra**

"Rehefa te-hiresaka amin' Andriamanitra isika dia mivavaka. Ary rehefa tiantsika hiresaka amintsika Izy dia mandalina ny soratra masina isika, satria ny teniny dia nolazainy tamin' ny alalan' ireo mpaminaniny. Ary hampianatra antsika Izy rehefa mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina isika.

"Raha toa ka tsy nandre ny Feony ianao tato ho ato dia miverena aty am-piangonana ary mamerena mamaky soratra masina indray. Izy ireo no miaro ny fiainam-panahintsika."

**Loholona Robert D. Hales ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Holy Scriptures: The Power of God unto Our Salvation," *Liahona*, Nôv. 2006, 26–27.**

**Fanitsiana**

Ilay teny grika fototra nampiasaina tamin' ny nanoratana ny Baiboly raha ara-bakiteny dia midika hoe "mampijoro ho mahitsy tsara indray." Raha izany ny soratra masina dia manampy anao handeha amin' ny lala-mahitsy sy hanaraka ilay lalana etŷ sy tery (jereo ny 2 Nefia 9:41).

16 Izay
soratra rehetra nomen' ny tsindrimandrin'
Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampi-
anarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana
izay diso, ho fitaizana amin' ny fahamarinana,
17 mba ho tanteraka ny olon' Andriamanitra,
ho vonona tsara ho amin' ny asa tsara rehetra.



**Fotopampianarana**

"Ny fotopampianarana marina rehefa takatra dia manova ny toetra sy ny fitondran-tena. Hanatsara haingana kokoa ny fitondran-tenanao ny fandalinana ny fotopampianaran' ny filazantsara noho ny fandalinana ny momba ny fitondran-tena mba ho entina hanatsarana ny fitondran-tena."

**Filoha Boyd K. Packer, Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Do Not Fear," *Liahona*, Mey 2004, 79.**

*Fanamarihan' ny Tompon' andraikitry ny famoahana: Ity pejy ity dia tsy natao entina hanazavana ireo soratra masina voafantina, fa natao fotsiny ho tari-dalana amin' ny fandalinan' ny tenanao manokana.*

**Fanitsiana**

*Fanitsiana*—mibedy, manafay, mandatsa na manitsy matetika amin'ny fomba feno hatsaram-panahy.

**Asa Tsara**

Inona avy ireo karazan' asa tsara tokony hataonao ka anampian' ny soratra masina anao? Ireto ny sasantsasany amin' ireo izay tena mora hita. Afaka mahita hafa koa ve ianao? Soraty ao anatin' ny diarinao ny momba izany.

- Mitory ny filazantsara amin' ny fotoana maharitra
- Manatanteraka ny antso ato ampiangonana (toy ny fiadidian' ny kôlejy na kilasy)
- Mampianatra ny filazantsara
- Mijoro ho vavolombelona
- Mizara ny filazantsara
- Mamaly ireo fanontanian' ny namana mikasika ny Fiangonana

**Vonona tsara**

*Vonona tsara*—mazoto hirotsaka hanao zavatra.



SARY HOSODOKO NATAON' I PAUL MANN © 2002 IRI

# AZA MIANJERA

*Vahao ireo olona madinidinika ankehitriny mba hisorohana ireo olana goavana amin' ny hoavy.*

**Nataon' i Adam C. Olson**
Gazetibokin' ny Fiangonana

Efa hatramin' ny fahakeliny i Andrei no tia fiaramanidina. Kanefa raha maro ny manofinofy ny hanamory fiaramanidina dia tsy mba izany no ao anatin' ny eritreritr' i Andrei fa ny mahaliana azy dia ny fanamboarana ny fiaramanidina sy ny pitsopitson' ny maotera mampandeha azy. Mianatra mba ho tonga mpahay momba ny maoteran' ny fiaramanidina ity Romaniana 16 taona ity.

Any Romania ny tanora dia afaka misafidy ny hianatra any amin' ny sekoly ambaratonga faharoa mba hiomana hiditra any amin' ny oniversite na hiditra any amin' ny sekoly ianarana asa manokana iray. Mora tamin' i Andrei ny nisafidy ny hiditra tany amin' ny sekoly ianarana asa manokana mikasika ny fiaramanidina noho ny fitiavany fiaramanidina.

Tsy hoe manamboatra izay simba amin' ny fiaramanidina fotsiny no ataon' ireo mpahay momba ny maoteran' ny fiaramanidina. Ny iray amin' ireo zavatra manan-danja indrindra ataon' izy ireo dia ny manara-maso sy mikolokolo ny fiaramanidina mba tsy ho simba. Manara-maso tsy tapaka ny zavatra rehetra ao amin' ny fiaramanidina izy ireo, manomboka any amin' ny hélice ka hatrany amin' ny kodiarana hahazoan' ny fiaramanidina mipetraka ary ny fitaovana tsirairay eo anelanelan' izany.

"Mety ho sarotra ny mahita ilay olana kely izay mety hiteraka ny fianjeran' ny fiaramanidina," hoy i Andrei. "Kanefa mora kokoa ny fitadiavana izany noho ny fanandramana hamerina manambatra fiaramanidina iray manontolo."

Ny fametrahana fotoana hanaovana fikolokoloana tsy tapaka sy ny fandavana ny tsy fanaovana izany dia zava-dehibe—na ho an' ny fiaramanidina na ho an' ny mpikamban' ny Fiangonana—mba hahafahana mamantatra sy manitsy ireo olana alohan' ny tsy hahalasa izany ho loza mitatao ho an' ny fiainana na aramekanika na ara-panahy.

## Fikolokoloana ara-panahy

Mipetraka any Bucarest i Andrei, izay tanàna iray misy mponina manakaiky ny roa tapitrisa eo. Na dia izany aza dia mbola azo lazaina fa vaovao ihany ny Fiangonana any Romania ary vao mpikambana mahafeno sampana roa monja no misy ao Bucarest. Mipetraka lavitra an' ireo mpikambana hafa ao amin' ny sampana misy azy i Andrei sy ny fianakaviany. Mahatsapa ireo herintsinton' izao tontolo izao izay manodidina tanteraka azy any an-tsekoly sy eo anivon' ireo namany i Andrei. Fantany fa mora tokoa ny mianjera—eo amin' ny lafiny ara-panahy—raha toa ka tsy manohy ara-dalàna ilay fikolokoloana ara-panahy.

Mety hanahirana tokoa ny fiainana. Manokana fotoana hivavahana, hifadiana hanina, handalinana ny soratra masina ary hanatanterahana ny andraikiny amin' ny maha-mpisorona azy i Andrei ankoatra ireo fotoana laniany amin' ny fianarana, ny baolina kitra ary ny fianarana solosaina.




**FANARAHA-MASO ARA-PANAHY**

"Mila manao fanaraha-maso ara-panahy tsy tapaka eo amin' ny tenantsika isika mba hamaritana ireo zavatra izay ilaintsika hatsaraina.

"Mazàna dia amin' ny alalan' ny fanampian' ny Fanahy Masina no hahitantsika ireo tsy fetezana madinika ireo. . . . Isika dia mila mihaino amimpitandremana izay zavatra ampianaran' ny Fanahy, sy ireo mpitarika ato ampiangonana, ireo olona tiantsika sy ireo mpiara-miasa ary namantsika amintsika."

**Loholona Marcos A. Aidukaitis ao amin' ny Fitopololahy, "Honesty in the Small Things,"** ***Ensign,*** **Sept. 2003, 30.**

SARIN' NY FIARAMANIDINA IRAY NALAIN' NY ISTOCKPHOTO © CHRISTOPHER PATTBERG; ANKAVANANA: SARY NALAIN' I ADAM C. OLSON



Ataony koa izay tsy maintsy "handehanany" manao seminera, izay ataony amin' ny alalan' ny internet noho ny halaviran' ny toerana misy azy.

Ny fanaovana ireo zavatra ireo dia tafiditra ao anatin' ny fikolokoloana ara-panahy fanao tsy tapaka izay manampy amin' ny famantarana sy fanitsiana ireo fahalemena alohan' ny hahatongavan' izany ho lasa fianjerana mampididoza ara-panahy.

"Misy zavatra sasantsasany izay tsy maintsy ataonao tsy tapaka—lasa mamorona fahazarana mihitsy," hoy izy. "Tsy afaka mamela ny fiainana hifehy anao ianao."

**Fianjerana ara-panahy**

Nianatra i Andrei fa raha tsy manao ny fikolokoloana ara-panahy tsy tapaka isika dia ho resin' ireo hery toy ny faharerahana ara-tsaina na ny fitarihan' ireo tanora mitovy amin' ny tena ilay tanjaka hanoherantsika ny fakampanahy. Rehefa mitranga izany dia tsy ela dia tsy hahita ny lalana tokony haleha isika, ho very ny fifehezantenantsika ary amin' ny farany dia ho very ny herintsika ara-panahy.

Rehefa manota isika dia tahaka ny fiaramanidina tsy manana hery izay mihamilatsaka tsikelikely, ka dia mihavery ny herintsika sy ny haavon' ny aim-panahintsika ary mihamanalavitra amin' ny lanitra isika ary izany dia mitarika na ho ela na ho haingana any amin' ny fianjerana ara-panahy.

Na dia vitan' ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy aza ny mamerina antsika araky ny tokony ho izy indray

aorian' ny fianjerana dia tsara kokoa raha miantehitra amin' ny Heriny isika mba hanampy antsika hamaha ireo olana rehefa mbola kely izany—alohan' ny hahatongavan' izany ho zava-doza ara-panahy.

### Ny Loza ateraky ny Tsy fanaovana zavatra iray

Tsy mba nandalo ny sain' i Andrei velively ny tsy hanao ny fikolokoloana ny maoteran' ny fiaramanidina. Tsy safidy mihitsy ny tsy fanaovana izany. "Misy lalàna mikasika izany," hoy izy. Kanefa raha *tsy* manao izany fikolokoloana izany—indray mandeha fotsiny—dia miaiky izy fa "mety tsy hisy zavatra hitranga."

Ny mety ho tena olana lehibe indrindra ao anatin' ilay hoe tsy manao fikolokoloana dia tsy ilay hoe hianjera avy hatrany akory ilay fiaramanidina fa ilay hoe tsy hianjera ilay izy. "Raha tsy misy zavatra ratsy mitranga androany rehefa tsy nanao izany aho dia ho mora kokoa amiko ny ho azon' ny fakam-panahy tsy hanao izany indray rahampitso," hoy izy.

Rehefa tsy atao matetika intsony ny fikolokoloana dia hiteraka tsy fetezan-javatra na ho ela na ho haingana ilay hery sy faharerahana manenika ilay fiaramanidina—na manenika antsika. "Amin' ny farany dia hianjera isika," hoy izy.

Izany no antony nanomezan' Andriamanitra antsika lalàna mikasika ny fikolokoloana ara-panahy tsy tapaka koa. "[Aoka ianareo] hihaona [any am-piangonana] *matetika"* (3 Nefia 18:22; nampiana fanantitranterana). Mivavaha *mandrakariva* (jereo ny 3 Nefia 18:19). Halalino *amim-pahazotoana* ny soratra masina (jereo ny 3 Nefia 23:1–5). "Aoka handravaka *tsy ankijanona* ny eritreritrao ny hatsaram-panahy" (F&F 121:45; nampiana fanamafisana). Mandehana any amin' ny tempoly *matetika*.[1]


Ny fanajana ireo lalàna ireo sy ny fanaovana fikolokoloana ara-panahy tsy tapaka dia hanao izay hisidinantsika any amin' ny lalana tokony haleha.

"Natao hiala amin' ny tany ny fiaramanidina, handao an' izao tontolo izao," hoy i Andrei. "Izany no zavatra tian' ny Ray any an-danitra ho tanterahantsika. Amin' ny alalan' ny fikolokoloana tsy tapaka dia ho tonga soa aman-tsara any amin' ny toerana izay tiantsika haleha isika—miverina any an-danitra." ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Thomas S. Monson, "Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona,* Mey 2011, 92.

**"Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin' ny finoana hianareo na tsia" (2 Korintiana 13:5).**



## LISTITRA NY ZAVATRA ARAHA-MASO REHEFA MANAO FIKOLOKOLOANA ARA-PANAHY

Matetika ireo mpikarakara ny maoteran' ny fiaramanidina dia manana lisitra ahitana ireo zavatra ilain' izy ireo araha-maso tsy tapaka. Namporisika antsika hanao fanaraha-maso tsy tapaka mikasika ny fiainam-panahintsika ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana.[1]

Ireto misy fanontaniana vitsivitsy izay afaka hanampy anao handinika matetika ny fahasalamanao ara-panahy. Raha sendra manana olana mikasika ireo valinteninao ianao dia miresaha amin' ny ray aman-dreninao na ny eveka na ny filohan' ny sampana misy anao.

- ☐ Mivavaka matetika sy amin-kitsimpo ve aho?
- ☐ Mivoky amin' ny tenin' Andriamanitra ao anatin' ny soratra masina sy ny fampianaran' ny mpaminany velona ve aho?
- ☐ Mihazona tsy tapaka ny andro Sabata ho masina sy manatrika tsy tapaka ireo fivoriam-piangonana ve aho?
- ☐ Mifady hanina sy mandoa ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin' ny fifadian-kanina an-tsitrapo ve aho?
- ☐ Vonona ny hamela ny hafa ve aho?
- ☐ Mahita tsy tapaka fomba hanompoana ny hafa ve aho?
- ☐ Mahatsiaro ny Mpamonjy amin' ny fotoana rehetra sy manaraka ny ohatra nasehony ve aho?
- ☐ Mihazona ny eritreritro sy ny fiteniko ho madio ve aho?
- ☐ Marin-toetra amin' ny zava-drehetra ve aho?
- ☐ Manaja ny Tenin' ny Fahendrena ve aho?

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Joseph B. Wirthlin, "True to the Truth," *Ensign*, Mey 1997, 17.

SARIN' NY ELATRA IRAY NALAIN' I ADAM C. OLSON; SARIN' NY TARATASY FANDRAISANA ANTSORATRA NALAIN' I JOHN LUKE

# HALALINO NY SORATRA MASINA

Avelao hanova anao ny seminera.

(Jereo ny 1 Nefia 19:23.)



SARY NATAON' I CARY HENRIE; *TONGA TANY AMIN' NY TANY NAMPANANTENAINA I LEHIA SY NY VAHOAKANY*, NATAON' I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *MIFEHY IREO RAHALAHINY MPIKOMY I NEFIA ZANDRINY*, NATAON' I ARNOLD FRIBERG, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN' NY CHURCH HISTORY MUSEUM; *MIJORO MANOLOANA NY MPANJAKA NOÀ I ABINADIA*, NATAON' I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI

# Fotoana Hifampiresahana



*"Hanaja ny ray aman-dreniko aho ary hanao ny anjarako amin' ny fanamafisan' orina ny fianakaviako" (Mes Principes de l' Evangile).*

**Nataon' i Hilary Watkins Lemon**
Nalaina avy tamin' ny tantara marina iray

"Eny ary! Handeha hifampiresaka isika," hoy i Neny niantso.

Efa tsy andrin' i Josie ny hitrangan' ny fotoana hifampiresahana nandritra ny andro manontolo. Isaky ny hariva dia mivory ao amin' ny efitrano fandraisam-bahiny i Josie sy ireo anadahiny kely roalahy, Ben sy i Wes, miaraka amin' i Neny sy i Dada mba hiresaka mikasika ny zavatra izay mitranga eo amin' ny fiainan' izy ireo.

Anio hariva dia nilaza i Dada fa hanampy an' i Josie amin' ny lahatsoratra soratany mikasika ireo filazana samihafa isa-maraina. Tombontsoa miavaka ho an' i Josie ny famakiana ny filazana samihafa isa-maraina ao an-tsekoliny. Handefa ny ampahan' ny hira tiany indrindra amin' ny fandefasam-peon' ny sekoly i Josie rahampitso ary hampiasa ny mikrôfônina mba hanaovany filazana samihafa mikasika ireo zavatra atao amin' izany andro izany sy ny sakafo amin' ny atoandro.

Nihazakazaka nankao amin' ny efitrano fandraisam-bahiny i Josie, sady feno fientanentanana hamerimberina ny lahatsorany.

"Inty eto ny mpanao filazana samihafa malaza!" hoy i Dada raha hipetraka teo akaikiny iny i Josie. "Manao ahoana ny fihetsehamponao mikasika ny rahampitso?"

"Tena feno fientanentanana aho kanefa somary matahotahotra koa. Matahotra aho sao handiso zavatra eo anatrehan' ny olon-drehetra ao an-tsekoly," hoy i Josie.

"Izany indrindra no hanaovantsika famerenana," hoy i Dada. "Alefaso ary! Vakio manontolo ilay lahatsoratra dia ho hitako eo hoe aiza no misy azo hatsaraina."

"Misaotra betsaka ry Dada!" hoy i Josie.

Namerina nijery ilay lahatsoratra imbetsaka izy sy i Dada ka tsy voaisan' i Josie intsony hoe impiry no nanao izany izy ireo. Dia nitsangana avy eo i Josie mba hamaky farany ilay lahatsoratra eo anatrehan' ny fianakaviany. Faly i Neny sy i Dada. Nataon' i Ben peo ny dimy izy ary nitsiky kosa i Wes sy nitehaka.

Faly sy nanana fahatokiana i Josie nandeha natory.

Nandeha tsara ny zava-drehetra ny ampitson' iny. Na dia somary nitebiteby aza izy dia nitsiky i Josie rehefa nandre ny hirany nalefa tamin' ny fandefasam-peon' ny sekoly. Faly izy fa afaka namerimberina ilay lahatsoratra niaraka tamin' i Dada, ary namaky izany miadana tsara sady tsy nisy diso.

"Tena nety be ny nataonao," hoy Ramatoa Blake, izay mpanampy ny talen-tsekoly.

Nilahatra handray ny fiara fitateram-bahoaka i Josie rehefa nirava ny sekoly tamin' io andro io. Nisy tovolahy lehibebe kokoa noho izy nitodika ary nanontany hoe: "Ianao ve ilay namaky ny filazana samihafa androany?"

Nitsiky i Josie. "Eny," hoy izy.

"Naninona no iny no hira nosafidianao?" hoy ilay tovolahy nanontany. "Ratsy be iny hira iny. Tena nanimba ny filazana samihafa isa-maraina ianao." Dia naratsiratsiany izy avy teo sady nihomehezan' izy sy ny namany.

Nipetraka irery teny amin' ny seza aloha i Josie tao anatin' ny fiara fitateram-bahoaka. Narary hatramin' ny kibony.

Rehefa tonga tao an-trano i Josie dia nahita an' i Neny nilalao niaraka tamin' i Wes.

"Neny a! Fantatro fa tsy fotoana fifampiresahana izao kanefa sao dia mba afaka miresaka ihany ianao izao," hoy i Josie.

"Mazava ho azy!" hoy i Neny. "Fa misy inona?" Nisy zavatra tsy nety angaha tamin' ny filazana samihafa isa-maraina?"

"Tsia," hoy i Josie. "Nety tsara daholo ny zava-drehetra. Izay foana tokoa no tao an-tsaiko raha tsy nisy ankizilahy iray nilaza tamiko hoe ratsy ilay hira nofidiako. Dia naratsiratsiany koa aho."

Nokapokapohin' i Neny tsimoramora ny gorodona teo akaikiny. Nanatona i Josie ary nipetraka teo. Nofihinin' i Neny izy. Niresaka momba ny zavatra rehetra nitranga tamin' izany andro izany i Josie sy i Neny, ka tao anatin' izany ny fanehoan-dRamatoa Blake fankasitrahana.

"Malahelo aho fa naneho haratsian-toetra taminao izany tovolahy izany sy ireo namany," hoy i Neny. "Kanefa ireo olona hafa izay hajainao toa an-dRamatoa Blake, dia tena faly tamin' ny fomba namakianao ny filazana samihafa. Izaho sy i Dada aloha dia tena mirehareha tamin' ny zavatra nataonao. Niasa mafy ianao ary nisy vokany tsara izany!"

Nofihinin' i Josie indray i Neny. "Misaotra betsaka ry Neny a!" hoy i Josie. "Azoko kokoa ny aiko izao." Faly i Josie fa azo atao hoe fotoana hifampiresahana ny fotoana rehetra. ■



"Tsy misy zava-dehibe mihoatra noho ny fifampiresahana malalaka sy ny fifandraisana amim-pahitsim-po amantsaina eo amin' ny fifandraisan' ny mpianakavy."

**Loholona M. Russell Ballard ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, "Like a Flame Unquenchable," *Liahona,* Jolay 1999, 103.**



SARY NATAON' I JARED BECKSTRAND



# MIARA-MIRESAKA

Indreto misy sosokevitra vitsivitsy mba hahafahanao manatanteraka ny "fotoana hifampiresahana" eo amin' ny fianakavianao:

- Angataho ny ray aman-dreninao mba hanokana minitra vitsivitsy isan' andro mba hifampiresahan' ny fianakavianao. Mety ho mandritra ny fotoana fisakafoanana izany na amin' ny fotoana iray hafa ao anatin' ny andro iray.
- Ataovy izay ifandimbiasan' ny rehetra miteny sy mihaino. Ampandraiso anjara ny rehetra!
- Hajao ny hevitr' ireo olona ao amin' ny fianakavianao. Ataovy izay hahatsapan' ny rehetra fa manan-danja izay lazainy.



## KILALAO MIFONO FIFAMPIRESAHANA

Mila hevitra vitsivitsy ve ianao ho an' ny fotoana hifampiresahana? Andramo ireto kilalao ireto:

**Fanipazana zavatra malemilemy:** Raha toa ka maro ny olona ao amin' ny fianakavianao na sahirana ianareo eo amin' ny fifandimbiasana miresaka dia mampiasà zavatra malemilemy izay atsipy mba hahafantarana hoe anjaran' iza no miteny izao. Aorian' ny fitenenan' ilay olona iray mihazona ilay zavatra malemilemy izay tiany ho ambara dia anjarany indray ny manipy izany any amin' ny olona iray hafa ao amin' ny fianakaviana.

**Mpanao fanadihadiana:** Mizarà ho tsiroaroa ary mifandiambiasa manao toy ireny hoe mpanao fanadihadiana ireny. Mieritrereta fanontaniana vitsivitsy ho apetraka amin' ilay namanao ary apetraho aminy izany fanontaniana izany avy eo. Afaka mampiasa mikrôfônina tena izy mihitsy ianao na vata fandraisam-peo mandritra ny fanadihadiana ataonao.


**Inona no hataonao?** Mifandimbiasa mametraka fanontaniana samihafa amin' ny fianakavianao izay miantomboka amin' ny hoe: "Inona no hataonao . . . ?" Ohatra sasantsasany amin' izany ny hoe: "Inona no hataonao raha very ianao?" ary "Inona no hataonao raha afaka mandeha na aiza na aiza eto amin' izao tontolo izao ianao?"

## FANAMPIANA HO AN' IREO RAY AMAN-DRENY: FOTOANA IHAONANA AMIN' NY TSIRAIRAY

Na dia mahafinaritra tokoa aza ny miresaka miaraka amin' ny mahafianakaviana dia zava-dehibe koa ho an' ny ray aman-dreny sy zanaka ny manokana fotoana hiresahana mitsitokantokana. Araraoty ireo fotoana ao anatin' ny andro iray mba hihaonana manokana amin' ireo zanakao tsirairay. Manasà zanaka iray isaky ny mandeha mba hanampy anao hanao raharaha ao an-tokantrano, na hiaraka handehandeha aminao na hiresadresaka aminao ao amin' ny efitranonao mandritra ny minitra vitsivitsy. Fotoana fohy monja dia efa afaka mitondra any amin' ny resadresaka manan-danja.



# Nanapatapaka ny FAMATORAN' NY FAHAFATESANA Izy



**Nataon' ny Loholona Patrick Kearon**
Ao amin' ny Fitopololahy

*"Toy izany no ananany fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Kristy izay efa nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana" (Môsià 15:23).*

AN-KAVANANA: SARY NATAON' I DILLEEN MARSH

Indray alina fony mbola kely ny zanakay dia nanatanteraka ny fotoam-pamakian' ny mpianakavy ny soratra masina izahay. Namaky mikasika ny Mpamonjy izahay ary niresaka momba ny hoe tsy nanao hadisoana mihitsy Izy.

Rehefa alinalina tamin' io andro io dia nandeha nampatory an' i Susie, ilay zanakay vavy telo taona, ny vadiko. Nijery ny reniny i Susie sady niteny hoe: "Neny a! Nisy fahadisoana iray ihany nataon' i Jesoa."

"Inona no tianao holazaina?" hoy ny reniny nanontany.

"Nanapatapaka zavatra iray Izy," hoy i Susie.

Gaga ny reniny no sady nanontany hoe: "Inona no zavatra notapatapahiny?"

"Nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana i Jesoa," hoy ny valintenin' i Susie.

Teo vao tadidin' ny vadiko fa nihira ny hiran' ny Kilonga manao hoe: "Par un beau printemps doré (Tamin' ny Lohataona Iray Mamirapiratra)" imbetsaka izy mianaka ary nianaran' i Susie tao anatin' izany ilay tonony manao hoe: "Tamin' ilay lohataona mamirapiratra, no nitsanganan' i Jesoa Kristy ary nivoahany ny fasana izay nitoerany; nanapatapahany ny famatoran' ny fahafatesana."[1] Nazavain' ny renin' i Susie fa ny fanapatapahana ny famatoran' ny fahafatesana dia midika fa nitsangana tamin' ny maty i Jesoa mba hahafahantsika rehetra miaina indray aorian' ny fahafatesantsika.

Nanome fahafahana ho ahy sy ny vadiko hampianatra ireo zanakay vavy, Lizzie, Susie, ary i Emma, mikasika ny tena dikan' ny Sorompanavotana ho antsika tsirairay avy izany resaka izany. Marina ny an' i Susie: Nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana tokoa i Jesoa. Kanefa tsy hadisoana izany. Izany no fanomezana lehibe indrindra izay azony natolotra ho antsika! (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.)

Maty ary nitsangana tamin' ny maty ny Mpamonjy mba hahafahantsika miara-miaina amin' ny Raintsika any an-danitra indray sy amin' ireo fianakaviantsika arakaraky ny fahamarinan-toetrantsika. Raha mendrika isika dia afaka mahazo ireo fitahian' ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay indray andro any. Feno fankasitrahana aho fa nanapatapaka zavatra iray i Jesoa—dia ny famatoran' ny fahafatesana! ■

FANAMARIHANA
1. "Par un beau printemps doré," *Chants pour les enfants,* 57.



Azonao ampiasaina ity lesona sy asa atao ity hianarana bebe kokoa mikasika ny tarigetran' ny Kilonga amin' ity volana ity.

# Mampianatra Ahy Hisafidy ny Tsara i JESOA KRISTY

Tsy hitovy amin' ny isan-taona ity Paska ity ho an' i Tanner. Nodimandry ny dadabeny ka dia nalahelo i Tanner fa tsy afaka ny hiaraka aminy intsony amin' izany fotoana tena miavaka izany.

Kanefa nandritra ny Kilonga dia nampahatsiahivina an' i Tanner fa ny antony hankalazantsika ny Paska dia satria velona i Jesoa! Rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy dia niverina nikambana mandrakizay tamin' ny vatany ny fanahiny, ary tsy ho faty intsony. Nianatra i Tanner fa noho ny fitsanganan' i Jesoa tamin' ny maty dia hitsangana amin' ny maty daholo ny olon-drehetra ary isan' izany ny dadabeny!



Nameno fifaliana an' i Tanner ny hiran' ny Paska iray rehefa nihira izy hoe: "Nitsangana i Jesoa, ilay Jesoa namantsika. Heniky ny fifaliana ny foko, satria velona indray Izy."[1] Te-hizara izany vaovao mahafaly izany amin' ny olon-drehetra i Tanner. Nanapakevitra izy fa alohan' ny Paska dia hizara fehezam-boninkazo kely miaraka amin' ny soratra masina miresaka momba ny fitsanganan' i Jesoa tamin' ny maty amin' ireo mpifanolobodirindrina aminy. Nalainy sary an-tsaina ny tsiky eo amin' ny tarehin' izy ireo rehefa mahita ilay fanomezana nomeny ny marainan' ny Paska. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Jésus est ressuscité," *Chants pour les enfants,* 44.



## Hira sy Soratra Masina

- Jaona 13:15
- Hira izay safidinao mikasika an' i Jesoa Kristy
- Hira atolotra avy ao amin' ny *Chants pour les enfants:* "Jésus est ressuscité" (44), "Jésus est-Il ressuscité?" (45), "Il est mort pour que nous vivions à nouveau" (65), "Hosanna de Pâques" (68–69)

AN-KAVIA: SARY NATAON' I SIMINI BLOCKER; SARY HOSODOKO NATAON' I PAUL MANN © 1999 IRI; ANKAVANANA: *I KRISTY SY IREO ANKIZY AO AMIN' NY BOKIN' I MÔRMÔNA*, NATAON' I DEL PARSON © 1995; *NY FITSANGANANA AMIN' NY MATY*, NATAON' I HARRY ANDERSON © IRI; SOMBINY AVY TAMIN' *NY NITSIDIKA NY TANY AMERIKA I JESOA KRISTY*, NATAON' I JOHN SCOTT © IRI; *NY FIAKARANA TANY AN-DANITRA*, NATAON' I HARRY ANDERSON © IRI; *NISEHO TANY AMIN' NY ILABOLAN-TANY ANDREFANA I KRISTY*, NATAON' I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *INDRO NY TANAKO SY NY TONGOTRO*, NATAON' I HARRY ANDERSON © IRI; *MAMPAHAFANTATRA NY RAKITSORATRA*, NATAON' I GARY L. KAPP © 1999, TSY AZO ATAO TAHADIKA; *MANDEHANA ARY AMPIANARO NY FIRENEN-DREHETRA*, NATAON' I HARRY ANDERSON © IRI


# Asa Ataon’ ny FNT

## Aiza ho aiza eto amin’ izao tontolo izao?

Taorian’ ny nitsanganan’ i Jesoa Kristy tamin’ ny maty dia tsy ireo vahoaka tany amin’ ny faritra manodidina an’ i Jerosalema fotsiny no notsidihany fa notsidihany koa ireo vahoaka marin-toetra tany Amerika. Miaraha amin’ ny maha-fianakaviana anareo manoritra tsipika miala avy eo amin’ ny sary tsirairay mankany amin’ ilay tany (Jerosalema na ny Amerika) izay nitrangan’ izany. Mifandimbiasa mamaky ny soratra masina mba hianarana bebe kokoa mikasika ny zava-nitranga teo amin’ ny sary.

## Ianao Irery Ihany


Afaka manao fehezam-boninkazon’ ny Paska toy ny nataon’ i Tanner koa ianao. Mampiasà taratasy fotsy na miloko manana endrika mahitsizoro ary araho ireo dingana voalaza etsy ambany. Fenoy voninkazo kely na vatomamy ilay horonantaratasy kitso loha mba ho atao fanomezana tsy ampoizina ho an’ ny namana iray na olona iray ao amin’ ny fianakaviana!









Nitsodrano ny ankizy i Jesoa
**3 Nefia 17:11–25**



Niseho tamin’ i Maria Magdalena i Jesoa
**Jaona 20:14–18**



Nampianatra tany Amerika i Jesoa
**3 Nefia 11: 8–11**


Niakatra any an-danitra i Jesoa
**Asan’ ny Apôstôly 1:9–11**



Niseho tamin’ ireo olo-marina i Jesoa
**3 Nefia 11:1–8**


Nampiseho ny ratrany tamin’ ny Apôstôliny i Jesoa
**Lioka 24:36–40**


Nangataka ny rakitsoratra Nefita i Jesoa
**3 Nefia 23:7–13**



Niseho tamin’ ireo Apôstôly i Jesoa
**Matio 28:16–20**





# Hiezaka ho toa an' i Jesoa Aho

Notsorina




© 1980 an'i Janice Kapp Perry. Zo rehetra voatokana.
Ity hira ity dia azo adika raha sendra ampiasaina ao an-tokantrano na any am-piangonana ka tsy hitadiavam-bola.
Ity fanamarihana ity dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny tahadika tsirairay izay havoaka.

SARY NATAON' I PHYLLIS LUCH


dray aho mi - tady hi - sa - fi - dy ny ratsy, Dia mi - e - zak'
zay nam-pia - na - ri - ny no ho-tsa - roako, Dia tonga ao an -
aho hi - haino 'lay bi - tsi - ka ma - nao hoe:
tsai - ko 'lay Fa - nahy i - zay mi - teny hoe:
"Aoka ia - na - re - o mba
hi - fan - ka - tia, Ho tsa - ra fa - nahy sy ho fe - no fi -
tia, Ho fe - no fian - trana ao an - tsaina, ao am - po, F'i -
zay no nam-pia - na-rin' i Je - soa."
2. Hi - soa."

# Mpirahavavy amin' ny **Anarana** *sy* **amin' ny Finoana**

**Nataon' i Heather Wrigley**
Gazetibokin' ny Fiangonana

Tsy vitan' ny hoe mpirahavavy fotsiny i Maria sy i Diana D. fa mpinamana be ihany koa. 10 taona i Diana ary vao feno 12 taona tamin' ny Aogositra farany teo i Maria. Mipetraka any Romania izy ireo, izay toerana ahitana mpikamban' ny Fiangonana miisa 3.000 eo ho eo. Manao izay hahamafy orina ny finoan' izy ireo an' i Jesoa Kristy izy ireo amin' ny alalan' ny fandehanana any am-piangonana, sy ny famakiana ny soratra masina ary ny fivavahana.

"Nianatra ny nanana finoana an' Andriamanitra aho tany am-piangonana," hoy i Maria. Indray andro dia nanao fitsapam-pahaizana izy ary nivavaka tamin' ny Ray any an-danitra tamin' ny anaran' i Jesoa Kristy mba hahazo fanampiana. Rehefa nahazo naoty tsara izy dia nahatsapa fa nanampy azy ny Ray any an-danitra.

Milaza i Diana fa manampy azy hanana finoana ny Bokin' i Môrmôna. "Isaky ny mamaky ny Bokin' i Môrmôna aho isan' andro dia tsara foana ny androko," hoy izy. Ny tantara tiany indrindra avy ao amin' ny soratra masina dia ny tantaran' i Joseph Smith. "Nivavaka izy ary dia nanampy azy Andriamanitra sy i Jesoa Kristy," hoy izy. ■



**SÔKÔLÀ**
***Ny tsindrin-tsakafo tena tian' izy roa vavy indrindra dia ny sôkôlà: tia brownies i Maria ary tia mofomamy vita amin' ny sôkôlà kosa i Diana.***



SARIN' IZY MIRAHAVAVY NALAIN' I ADAM C. OLSON; SARIN' NY MOFOMAMY SY BROWNIE NATAON' I THOMAS S. CHILD



**HIRA TIANA INDRINDRA**

*Samy mitendry pianô i Maria sy i Diana. Ny hira tena tian' i Maria indrindra dia ilay hoe "Aimez vos frères." Mikasika ny didin' i Jesoa mba ho tia ny hafa izany. Efa kely sisa dia ho hain' i Diana tsara ny mitendry izany saingy ilay any amin' ny farany no sarotra indrindrindra, hoy izy.*



**TE-HAHITA NY TEMPOLY AHO**

*Samy maniry ny hanambady any amin' ny tempoly i Maria sy i Diana indray andro any. Mipetraka amin' ny faritry ny Distrikan' ny Tempolin' i Kiev Ukraine izy ireo.*

*Rehefa lehibe i Diana dia handeha ho any amin' ny Tempolin' i Kiev Ukraine mba hanao batisa ho an' ny maty. Efa ampy taona i Maria ka afaka mandeha manao izany izao. Eo amin' ny 805 km eo ho eo ny halaviran' ny tempoly.*


**FIANAKAVIANA ALOHA**

*Tia ny ray aman-dreniny i Maria sy i Diana. "Ataon' i Neny izay hahazoanay aina rehefa marary izahay," hoy i Maria. "Manatitra anay any an-tsekoly i Dada," hoy i Diana.*





**FIHIRANA**

*Ny fihirana tena tian' i Diana indrindra dia ny "Tany an-tsahan' i Jodia," izay miresaka ny toerana nahaterahan' i Jesoa. Mampiasa ilay fihiran' ny Fiangonana miloko maintso ny mpikambana any Romania. Midika hoe: "fihirana" ny "Imnuri" amin' ny teny Romaniana.*



# Inona no azoko atao mba hanarahana ny drafitry ny RAY ANY AN-DANITRA HO AHY?


*Ny Loholona Richard G. Scott avy ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo dia nizara hevitra vitsivitsy mikasika io lohahevitra io.*



Mianara mikasika ny drafitra lehiben' ny fahasambarana amin' ny alalan' ny fandalinana ny soratra masina.



Mihainoa ny feon' ireo mpaminany ankehitriny sy taloha.



Mankatoava an' ilay fahatsapana ao anaty izay tonga avy amin' ny bitsiky ny Fanahy Masina.



Rehefa ilaina dia mikatsaha torolalana sy fitarihana avy amin' ny ray aman-dreny sy ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana.

*Avy tamin' ny "The Joy of Living the Great Plan of Happiness,"* Ensign, *Nôv. 1996, 75.*

SARY NATAON'I BRAD TEARE

# IREO FITSIPIKY NY FILAZANTSARAKO

Hanaraka ny drafitry ny Ray any an-danitra ho ahy aho.

Hotsaroako ny fanekempihavanana nataoko tamin' ny batisa ary hihaino ny Fanahy Masina aho.

Hisafidy ny marina aho.
Fantatro fa afaka mibebaka aho rehefa manao hadisoana.

Ho marin-toetra aho amin' ny Ray any an-danitra sy ny olon-kafa ary amin' ny tenako.

Ho ampiasaiko amim-panajana ny anaran' ny Ray any an-danitra sy ny an' i Jesoa Kristy. Tsy hianiana aho na hiteny ratsy.

Hanao ireo zavatra amin' ny Sabata izay hanampy ahy ho akaiky kokoa ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy aho.

Hanaja ny ray aman-dreniko aho ary hanao ny anjarako eo amin' ny fanamafisana orina ny fianakaviako.

Hotazoniko ho madio ny eritreritro sy ny vatako ary tsy handray zavatra izay mety hanimba ahy aho.

Hanao fiakanjo maotina aho mba hanehoako ny fanajako ny Ray any an-danitra sy ny tenako.

Tsy hamaky ary tsy hijery afa-tsy ireo zavatra izay ankasitrahin' ny Ray any an-danitra aho.

Tsy hihaino mozika afa-tsy izay ankasitrahan' ny Ray any an-danitra ihany aho.

Hitady namana tsara aho ary hitondra ny olona hafa amin-katsaram-panahy aho.

Hiaina amim-pahamendrehana aho ankehitriny mba ho mendrika ny handeha ho any amin' ny tempoly sy hanao ny anjarako mba hananana fianakaviana mandrakizay.

**ZANAKY NY RAY AHO**

*Fantatro fa tia ahy ny Ray any an-danitra ary tiako koa Izy.*
*Afaka mivavaka amin' ny Ray any an-danitra aho amin' ny fotoana rehetra sy any amin' ny toerana rehetra.*
*Miezaka ny hahatsiaro sy hanaraka an' i Jesoa Kristy aho.*

# Mahita ny Fifaliana avy amin' ny Paska

Nalaina avy tamin' ny tantara marina iray






SARY NATAON' I JED HENRY


4.
Nahoana ianareo no tsy mba mientanentana rehefa Paska?
Ka andro mampalahelo ny Paska. Momba ny fotoana nahafatesan' i Jesoa izany.
5.
Tsaroanareo ve ny zava-nitranga tamin' ny Alahadin' ny Paska?
6.
Haiko! Velona indray i Jesoa!
Ary afaka ny ho velona indray koa isika.
7.
Marina izany! Fotoam-pialan-tsasatra mahafinaritra ny Paska izay ankalazana ny Fitsanganan' i Jesoa tamin' ny maty.
8.
Tiako ny Paska.
Izaho koa.

# Dian-tongotry ny Paska

Nanao asa manan-danja tany amin' ireo toerana manokana nandritra ireo andro maromaro i Jesoa talohan' ny nanomboana Azy sy nitsanganany tamin' ny maty. Araho ny dian-tongotra mba hahitana ny toerana nalehany sy ny zavatra nataony.






SARY NATAON' I ADAM KOFORD

© IRI

# Vaovaom-piangonana

*Tsidiho ny news.lds.org mba hahafantarana bebe kokoa momba ny vaovaom-piangonana sy ny zava-miseho.*

## Manamafy ny mikasika ny Lalana Mitondra Mankany amin'ny Tena Fivoarana Marina ny Fivoriam-piofanana ny Mpitarika Maneran-tany

**Nataon'i Heather Whittle Wrigley**

Vaovaom-piangonana sy Zava-niseho

Nampianatra ny dikan'ny hoe "tena fivoarana marina" ary ny fomba hanatanterahana izany ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana nandritra ny Fivoriam-piofanana ny Mpitarika Maneran-tany natao tamin'ny 11 Febroary 2012.

Nandray anjara tamin'ny fampianarana an'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, ary mpikambana maromaro ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Fiadidian'ny Fitopololahy ary ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny ao amin'ny Fiangonana.

"Raha ao anatin'ireo voambolana fampiasan'ny Fiangonana, ny hoe *fivoarana* dia azo faritana hoe 'mpikambana vaovao. ' . . . Ny hoe *tena fivoarana marina,* anefa, dia faritana ho toy ny 'fitomboan'ny isan'ny mpikambana mavitrika,'" araka ny fanazavan'ny Filoha Uchtdorf.

Ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanampy hoe: "Miseho ny fivoarana rehefa miteraka ny fitomboan'ny fahatokiana eo amin'ny olona tsirairay sy eo amin'ny fianakaviana ilay fiovam-po an'ny tena manokana sy mandritra ny androm-painana manontolo ao amin'ny filazantsara."

Izany fitomboan'ny fahatokiana izany, hoy ny Filoha Uchtdorf, dia ahitana zavatra izay tsy mora refesina, toy ny vavaka isan'andro, ny fandalinana ny soratra masina, ny takarivan'ny mpianakavy, ny fifankatiavana ao an-tokantrano, ary ny zavatra iainan'ny tena manokana mikasika ny Sorompanavotana.

"Matetika loatra isika no manasarotra ny hatsaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahatsorany amin'ny fanaovana lisitra tsy misy fahataperana ahitana zavatra antenaina tena hatrany amin'ny antsipirihany. Kanefa, rehefa mifantoka amin'ny tanjon'ny filazantsara isika dia manjavona ny ankamaroan'ireo fisafotofotoana."

Ny ankamaroan'ny zavatra nampitaina dia nifantoka tamin'ireo fotopampianarana sy fitsipika manan-danja izay manome ny valin'ireo fanontaniana manomboka amin'ny hoe "nahoana no".

"Ireo fanontaniana mitombina mikasika ny hoe 'nahoana' dia hitondra antsika any amin'ireo fanapahankevitra mitombina mikasika ny hoe 'iza no iantefan'-izany?', 'atao inona izany?', 'rahoviana isika no tokony hanao ireo zavatra ireo?' ary 'nahoana isika no manao izany' sy 'ahoana no fomba hanaovavntsika izany?'

### Ny Fanambadiana sy ny Fianakaviana ao anatin'ilay Drafitra

"Fianakaviana no mandrafitra ny Fiangonana," hoy ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Ny paroasy sy ny tsatòka dia eo mba hanohana ny fianakaviana. Rehefa miresaka momba ny fianakaviana isika dia mahita ilay Tena Fivoarana Marina ao amin'ny Fiangonana."

Nilaza izy fa ny lehilahy manambady sy ny raimpianakaviana rehetra dia tokony ho olona mihazona sy mampiasa ny fisoronana ao amin'ny tokantranony ary miahy ny fianakaviany ao anatin'ny fahamarinana. Torak'izany koa hoy izy, ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana dia tokony hitarika amim-pahamendrehana —na dia miovaova aza ny anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana, dia manana fisoronana ampy tsara mitovy amin'izay mandimby manaraka eo ihany ny mpihazona ny fisoronana rehetra (jereo ny F&F 1:20).

Nanantitrantitra ny Loholona Russell M. Nelson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny mpivady, ny ray sy reny, dia tokony hanorina fifandraisana mifono fitiavana, sy fibebahana, ary fivavahana mba hanamafisana orina sy hiarovana amim-pahombiazana ny fianakaviana, izay "ivon'ny drafitr'ilay Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona* sy *Ensign,* Nôv. 2010, 129).

"In-telo ao anatin'ny soratra masina no nanaovana ilay fampitandremana hoe, hofongorana tanteraka ny tany manontolo raha toa ka misy fepetra sasany tsy tanteraka amin'ny fiverenan'ny Tompo," hoy izy. "Ao anatin'izany soratra masina tsirairay izany, ilay fampitandremana dia manazava ny toe-javatra hianjady amin'ny fianakavian'ny zanak'olombelona raha tsy misy ireo ôrdônansin'ny famehezana any amin'ny tempoly. Raha tsy misy ireo ôrdônansin'ny fisandratana



ireo, dia tsy ho tanteraka ny voninahitr'Andriamanitra."

Ny fanatrarana izany tanjona farany izany—dia ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana ho an'ny zanak'-Andriamanitra rehetra—dia mitaky ny hisehoan'ny tena fivoarana marina any amin'ny tokantrano sy any amin'-ireo paroasy sy sampana ary manerana ny Fiangonana.

**Fampiharana ny Filazantsara**

Ny fivoarana sy ny fiovam-po tena marina dia avy amin'ny fampiharana ny filazantsara eo amin'ny fiainana andavanandro. Tao anatin'ny valan-dresaka iray izay ahitana fametrahana fanontaniana sy fanomezana valiny, dia nanazava ny Loholona L. Tom Perry sy ny Loholona D. Todd Christofferson fa ny tanjona faratampon'ny filazantsara dia ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana any amin'ny tempoly. Nilaza ny Loholona Christofferson fa ny fankatoavana ireo fanekempihavanana ireo dia afaka manova tsikelikely ilay olona araka ny nofo mba ho tonga Olomasina.

Lafiny manan-danja anankiray hafa eo amin'ny fampiharana ny filazantsara ny fanampiana ny hafa. Ireo mpikambana dia tompon'andraikitra amin'ny mahaolona iray azy manokana sy amin'ny maha Fiangonana azy ireo eo amin'ny fanampiana ireo izay sahirana ara-nofo sy ara-panahy, hoy ireo mpitarika.

Tsy tokony hisalasala isika hanambatra ny herintsika amin'ireo antokom-pinoana hafa sy ireo fikambanana mpanao asa fanompoana hafa mba hikarakarana ny mahantra sy ny sahirana, hoy ny Loholona Christofferson. Tokony hitarika ireo ezaka atao ireo ny mpitarika ao amin'ny fisoronana, saingy tokony hanohana izany asa izany koa ireo mpikambana sy ireo misiônera.

Nisy ny fifanakalozan-kevitra niarahana tamin'ny vondron'olona iray izay nanamafy ny fifantohana amin'ny fanompoana ny fianakaviana, ny fampatanjahahana ireo mpihazona ny Fisoronana Melchizedeka, ary ny fanampiana sy fanamafisana orina ny finoana sy ny fijoroana

***Nandray fitenenana ny Loholona M. Russell Ballard nandritra ny fifanakalozan-kevitra iray teo amin'ny vondron'olona iray izay ampahan-javatra tao anatin'ny Fivoriam-piofanana ny Mpitarika Maneran-tany tamin'ny Febroary 2012.***

Nandritra ny Fivoriam-piofanana ny Mpitarika Maneran-tany natao tamin'ny volana Febroary dia nilaza ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Ny zavatra voalohany tsy maintsy ataonao dia ny manakatra. Ny faharoa dia ny famadihanao ilay fahatakaranao ho asa. . . . Tsy mitondra mankaiza loatra ny fihainoana ny tenin' Andriamanitra raha toa ka tsy ampiharintsika eo amin'ny fiainantsika ny zavatra rentsika."

Nanasa ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izy mba hanao zavatra telo aorian'ny fampitana ilay fanofanana sy mandritra ny fanatanterahan'izy ireo ny antsony hitrandrahana zavatra tena maro ao amin'ny torolalana nomen'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana:

1. Diniho ombam-bavaka manokana sy miaraka amin'ny filankevitra ny torolalana azonareo ary tadiavo ny 'antony' hanaovanareo asa fanompoana.
2. Aorian'ny fisaintsainana sy ny fifanakalozan-kevitra dia mandrafeta asa manokana vitsivitsy izay ho ekenareo fa hataonareo. Ireo asa ho hatao ireo dia tokony hifanaraka amin'ny toe-javatra iainan'ny fikambanana tsirairay, na paroasy tsirairay na tsatòka tsirairay na fianakaviana tsirairay na ny olona tsirairay ary tokony hifanaraka amin'izay ilainy koa.
3. Rehefa avy nanao ireo fanoloratena ireo ianareo dia mangataha tatitra mikasika azy ireo eo amin'ny sehatra iandraiketanareo anatin'ny andraikitrareo sy ny antsonareo isaky ny manao fivoriana filankevitra.

ho vavolombelon'ny tanora. Ny Loholona Ballard sy ny Loholona Neil L. Andersen avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nandray anjara tamin'izany, niaraka tamin'ny Loholona Ronald A. Rasband avy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy; Elaine S. Dalton, filohan'ny Zatovovavy maneran-tany; ary Rosemary M. Wixom, filohan'ny Kilonga maneran-tany.

Nilaza ny Loholona Rasband fa ny mpitarika rehetra dia mila mandray anjara amin'ny famerenana ny mpikambana mba havitrika indray ary ny Loholona Andersen dia nanamafy fa ny tanora dia mila mandray anjara bebe kokoa amin'ny famerenana ny tanora hafa havitrika indray sy amin'ny fampahatanjahana azy ireo.

### Fanatrarana ny Tena Fivoarana Marina

Nanamafy ny Filoha Uchtorf fa ny Tena Fivoarana Marina dia tonga rehefa mampihatra ireo fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika andavanandro isika.

"Rehefa mandinika ireo lohahevitra ireo ianao dia mametraha fanontaniana hoe 'nahoana' ianao no manao izany asa fanompoana izany ary inona no tokony hataonareo vokatr'izany eo amin'ireo andraikitrareo amin'ny maha-olona manokana anareo sy amin'ny maha-filankevitra anareo" hoy izy.

### Mianara Bebe Kokoa

Ny olona tsirairay dia afaka mijery, mihaino, manao printy ary maka ireo fampianarana avy amin'ilay fampitana an-tsary amin'ny fiteny an-jatony amin'ny alalan'ny fidirana ao amin'ny lds.org/study/other-addresses ary avy eo manindry eo amin'ilay hoe **Worldwide Leadership Training.** ■

## Fitadiavana Lahatsoratra

Ny *Liahona* dia liana te hamaky momba ny fomba fanaonao amin'ny Krismasy:

- Ahoana no fomba fankalazan'ny fianakavianao izany vaninandro izany?
- Inona no fomba fanao mahazatra ao anatin'ny kolotsainao?
- Inona avy ireo fomba fanao izay noforoninao mba hanakaikezanao sy ny fianakavianao kokoa ny Mpamonjy?
- Inona avy ireo zavatra tsy hay hadinoina izay niainanao nandritra ny Krismasy—indrindra ireo izay misy ifandraisany amin'ny fomba fanao—azonao zaraina aminay ve izany?

Alefaso aty amin'ny *Liahona* azafady amin'ny adiresy hoe liahona@ldschurch.org alohan'ny 1 Jiona 2012 azafady ireo fahatsiarovanao sy hevitrao. ■

# Fanomezana ho an'Izao Tontolo Izao ny BibleVideos.LDS.org

Nandritra ny fivoriam-pitsaohan'ny Krismasy nataon'ny Fiadidiana Voalohany dia nampahafantarin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ny tranokalan' ny Horonan-tsary mikasika ny Fiainan'i Jesoa Kristy ao amin'ny Baiboly mba ho "fanomezana" ho an'izao tontolo izao.

Ny BibleVideos.lds.org dia fitoeran'ireo horonan-tsary fohy avy any ifotony izay mamaritra ireo zava-niseho teo amin'ny fiainan'i Kristy nanomboka tany amin'ilay anjely nampilaza mialoha ny fahaterahan'i Kristy ka hatrany amin'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty.


Nambaran' ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izany tranokala izany nandritra ilay fivoriam-pitsaohana.

Hoy izy hoe: "Ireo horonan-tsary fohy ireo dia mety ho toa mangina aminao toy ny soratra masina izay arahan'izy ireo amim-pahatokiana. Ny finoanao sy ny Fanahy masina no hamoaka ny fihetseham-po izay mendrika ho an'ireo zava-niseho nampiova an'izao tontolo izao ireo."

Ireo zavatra ao anatin'ireo horonan-tsary ireo dia azo avy amin'ny fakana sarimihetsika misesisesy tao amin'ilay trano vaovao fakan-tsarimihetsika antsoina hoe LDS Motion Picture Studio South Campus any Goshen, Utah, ary tao no nanombohana ny famokarana ny horonan-tsarin'ny Tetik'asa Mikasika ny Boky Soratra Masina, Testamenta Vaovao, tamin'ny Aogositra 2011.

Izany tetik'asa izany dia hamokatra horonan-tsary fohy mihoatra ny 100 izay mampiseho ny fiainan'i Kristy izay nalaina mivantana avy tamin'ny dikantenin'ny Baiboly nataon'ny Mpanjaka James.

Ilay tranokala dia manana endrika izay sahazan'ireo fitaovana entina tanana ary misy amin'ny teny Anglisy (BibleVideos.lds.org), sy teny Espaniôla (videosdelabiblia.org), ary teny Pôrtogey (videosdabiblia.org). Misy iPad app maimaim-poana koa izay manome fomba vaovao iray hiainana ireo tantara ao amin'ny Baiboly amin'ny alalan'ny sary sy ny feo ary ny fitsapana. ■




***Amin'ny farany dia horonan-tsary eo amin'ny 100 latsaka kely eo izay mampiseho ireo zava-nitranga teo amin'ny fiainan'i Kristy ao amin'ny Testamenta Vaovao no ho hita ao amin'ny tranokalan'ny Horonan-tsary mikasika ny Fiainan'i Jesoa Kristy ao amin'ny Baiboly.***

# Nampianatra ireo Mpikamban'ny Fiangonana tany Argentina ny Loholona Christofferson sy ny Loholona Jensen

Niresaka tamin'ireo zatovo, sy ireo tanora tokan-tena, ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana, sy ireo misiônera ary ireo mpikambana tany Salta, Argentine ny Loholona D. Todd Christofferson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Loholona Jay E. Jensen avy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny Asabotsy 12 Nôvambra 2011.

Nanatrika izany koa ny Loholona Mervyn B. Arnold, Filohan'ny Vondrom-paritra Atsimon'i Amerika Atsimo; sy i Devonna vadiny; ary ny Loholona Ruben Spitale, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. Nanatrika izany koa i Kathy vadin'ny Loholona Christofferson, ary i Lona vadin'ny Loholona Jensen.

Tanora sy ray aman-dreny miisa 1300 latsaka kely teo no nanatrika ilay takariva amorom-patana izay nandraisan'ny Loholona Christofferson sy ny Loholona Jensen fitenenana. Nanatrika izany tamin'ny alalan'ny fampitana mivantana tany amin'ny foiben'ireo tsatòka miisa 70 ireo mpikambana hafa miisa 10.000 nanerana an'i Argentine.

Ny Loholona Jensen izay efa Filohan'ny Vondrom-paritra Atsimon'i Amerika Atsimo teo aloha dia nilaza hoe: "Raha toa tsy mahatadidy izay zavatra nolazaiko ianareo dia tiako ianareo mba hahatsiaro fehezan-teny iray avy amin'ny mpaminany iray, dia ny Filoha Thomas S. Monson, izay ijoroako ho vavolombelona fa tena mpaminanin'Andriamanitra marina. Ity ilay fehezan-teny: 'Ireo fanapahankevitra no mamaritra ny hoavy.' "

Manana fahafahana misafidy isika—ilay fahafahana sy fananana tombony handray fanapahan-kevitra—hoy ny Loholona Jensen ary amin'ny alalan'ireo fanapahan-kevitra raisina ireo no isafidianantsika ny hoavintsika.

Notantarainy ny tantaran'ny namana iray izay indray alina dia nisafidy ny hisotro dia nitondra fiarakodia ka dia niteraka loza nahafaty olona roa. Nampifanoheriny tamin'izany ny tantara izay mikasika ny safidin'izy mivady hanemotra ny fanambadiana mba hahafahany handeha hanao asa fitoriana amin'ny maha-tovolahy azy.

"Rehefa [niverina aho] dia nivady tany amin'ny tempoly izahay. Nanao fanekempihavanana izahay izay navaozinay isan-kerinandro nandritra ny androm-piainananay manontolo. Nandray fanapahan-kevitra iray izahay, izay namaritra ny hoavinay," hoy izy.

Avy eo Rahavavy Christofferson dia nijoro ho vavolombelona mikasika ireo fitahiana azo avy amin'ny fitandremana ny fanekempihavanana ary nofaranan'ny Loholona Christofferson ny fivoriana.

"Ny hany zavatra ilainareo dia ny fitiavana sy ny finoana," hoy ny Loholona Christofferson. "Ny finoana no manampy anay eo amin'ny fanambadianay, ny fianakavianay ary ny asa aman-draharahanay."

Nanamafy izy fa ny didy dia manome tari-dalana eo amin'ny fiainantsika ary manampy antsika hahazo izay zavatra tena manan-danja.

Dia nanoro hevitra ny tanora sy ny ray aman-drenin'izy ireo izy mba hanolo-tena hanaraka ny torohevitra hita ao amin'ny bokikely *Jeunes Soyez Forts*.



*SARY NALAIN'I JAMES DALRYMPLE*

***Samy nandray fitenenana teo anatrehan'ireo misiônera avy any amin'ny Misiônan'i Resistencia, Argentine ny Loholona Christofferson sy ny Loholona Jensen tamin'ny voalohandohan'ny volana Nôvambra 2011.***

Hoy izy hoe: "Hanome hery lehibe ny zanakareo izany, na dia amin'ny fotoana hahatsapany tena ho irery aza—satria fantany fa manaja fitsipika mitovy amin'izany koa ny ray aman-dreniny."

Ny Loholona Christofferson dia namarana ny anjarany tamin'ny fanehoana fitiavana an'ireo mpikambana any Argentine, izay toerana nanaovany asa fitoriana efa ho dimampolo taona latsaka lasa izay.

Ny Loholona Christofferson sy ny Loholona Jensen koa tany Salta dia nihaona tamin'ireo misiônera teo an-toerana sy ireo tanora tokan-tena izay nampitan'izy ireo ny fitiavana avy amin'ireo Rahalahy.

*Mba hahafantarana bebe kokoa mikasika ny asa fanompoana ataon'ireo Apôstôly amin'izao fotoana izao dia jereo ny hoe Miresaka Amintsika ireo Mpaminany sy Apôstôly Ankehitriny ao amin'ny LDS.org.* ■

# VAOVAO MIKASIKA NY TEMPOLY



***Ny Tempolin'i Quetzaltenango Guatemala, izay notokanan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf tamin'ny 11 Desambra 2011 no tempoly faha-136 ao amin'ny Fiangonana.***

## Fanokanana ny Tempolin'i Quetzaltenango, Guatemala

Notokanana tamin'ny Alahady 11 Desambra 2011 ny Tempolin'i Quetzaltenango, Guatemala, tao anatin'ny fivoriana in-telo miditra izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Ireo fivoriana fanokanana ireo dia nampitaina mivantana tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana tao anatin'ny distrikan'ilay tempoly.

"Tena tsara tarehy ity tempoly ity," hoy ny Filoha Uchtdorf nandritra ny fampisehoana ara-kolotsaina natao ny Asabotsy, izay nampisehoan'ireo zatovo avy tamin'ireo mpikambana ao amin'io faritra io, dihy sy hira ary nampisehoana an-tsary ny tantara sy ny kolotsaina teo an-toerana. "Mirentirenty toy ny firavaka ny famirapiratan'izy ity ary firavaka izy ity ho an'ity faritry ny firenena ity."

Ny Tempolin'i Quetzaltenango, Guatemala no tempoly faha-136 maneran-tany ary fahadimy any Amerika Afovoany. Io tempoly io dia hanompo Olomasin'ny Andro Farany eo amin'ny 60.000 eo ho eo.

## Nangady ny Fototry ny Tempoly Fahafito any Brésil ny Fiangonana

Tamin'ny 15 Nôvambra 2011 dia niahy ny fotoana fangadiana ny fototry ny Tempolin'i Fortaleza Brésil ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, izay tempoly fahafiton'ny Fiangonana any Brésil.

"Ity tempoly ity dia ho loharanon'ny fanantenana sy fahazavana ary finoana ho an'ireo rehetra izay tonga sy mandeha eto amin'ity faritra ity," hoy ny Loholona Bednar. "Ity tanàna ity dia ho tsara kokoa sy hiavaka foana noho ny tempoly izay ho aorina eto."

Hatsangana ao Avenida Santos Dumont ao Fortaleza, Ceará, Bresil ilay tempoly. Nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 2009 ny fanorenana ny tempolin'i Fortaleza Brésil. ■

# VAOVAO MANODIDINA NY FIANGONANA

## Nisarika Olona An'arivony ny Fampisehoana An-tsehatra Tany Porto Rico

Tamin'ny 18 Desambra 2011 dia nisy mpikambana avy tamin'ireo tsatòka dimy any Porto Rico izay nandray anjara tao anatin'ny fampisehoana an-tsehatra mikasika ny Krismasy tany Paseo de las Artes tao amin'ny tanànan'i Caguas. Mpikamban'ny Fiangonana 85 teo no nandray anjara ary olona miisa 2.500 avy teo amin'ilay faritra no nijery izany.

## Fahatelo ho an'i Afrika ilay Ivotoerana Vaovao ho an'ny Tanora Tokan-tena

Tamin'ny 4 Nôvambra 2011 no nanaovan'ny tanora tokan-tena tao amin'ny Tsatòkan'i Soweto Afrika Atsimo ny fiaraha-mientany voalohany tao amin'ilay tranobe vaovao izay ho ampiasaina fotsiny ho toy ny ivotoeran'ny tanora tokan-tena.

Misy ivotoerana 140 mahery manerana an'i Eorôpa ary misy vitsivitsy miely manerana an'i Etazonia. Ivotoerana fahatelo ho an'i Afrika ilay hita ao Soweto. Ireo hafa dia hita any amin'ny Repoblika Demokratikan'i Congo sy any Zimbabwe.

## Fomba Fiasa Iray Miavaka Izay Nitondra Fanontaniana Maro

Horonan-taratasy iray no niandohan'ny asa iray nataon'ny misiônera izay nantsoina hoe "Fanontaniana ho an'Andriamanitra" tany Nizhniy Novgorod, Russie tamin'ny 9 Ôktôbra 2011.

Tao anatin'ny ora maromaro dia olona mihoatra ny 150 no nijanona teo amin'ny latabatra roa teo amin'ny lalana iray feno olona mivezivezy, ka naka stylo feutre dia nanoratra ny fanontaniany. Raha atambatra dia fanontaniana 84 teo no voasoratra teo amin'ilay horonan-taratasy. Maro ireo olona izay naneho ny faniriana hahazo valiny amin'ireo misiônera teo.

*Raha hamaky bebe kokoa momba izany sy ireo tantara hafa dia tsidiho ny news.lds.org.* ■

## FANEHOAN-KEVITRA


### Kompà Tena Ilaina

Ny *Liahona* no fanilo manazava ahy eto amin'ity fiainana ity. Tsy ho very mihitsy aho miaraka aminy. Mino aho fa ireo rehetra izay mamaky ny gazetibokin'ny Fiangonana dia afaka mahita tsara ny zavatra ilainy. Izaho dia filohan'ny Kilonga ary hitako fa tian'ny ankizy ny mihaino tantara momba ireo ankizy mitovy amin'izy ireo ao amin'ny gazetiboky. Ny *Liahona* dia kompà tena ilaina eo amin'ny fiainantsika. Manampy antsika hisoroka ny fandrik'i Satana izany.

**Yanina Ivanivna Davydenko, Ukraine**

### Mitondra Fankaherezana Ireo Zavatra Niainan'ny Hafa

Ny *Liahona* dia tena nanampy ahy tokoa tamin'ny alalan'ireo hafatra sy lahatsoratra ao aminy. Ao anatin'izao fiainantsika mirotoroto izao dia, matetika aho no mijanona kely ao anatin'ny andro iray ary mamaky lahatsoratra iray avy ao amin'ny gazetiboky izay miresaka momba ireo zavatra niainan'ireo mpikambana hafa. Ireo lahatsoratra ireo dia manampy ahy hatrany hahita fankaherezena ara-panahy sy hanavao ny faniriako hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy miaraka amin'ny fianakaviako.




**João Carlos, Brésil**

*Alefaso ao amin'ny liahona@ ldschurch.org azafady ny fanamarihana na torohevitra avy aminao. Mety hasiam-panovana ny firafitry ny fanamarihana avy aminao noho ny halavany sy mba ho mora azo.* ■

## FANOVOZAN-KEVITRA HO AN'NY TAKARIVAN'NY MPIANAKAVY

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.*



**"Ireo Fitahiana avy amin'ny Seminera,"** pejy 20: Avereno vakiana mialoha ilay lahatsoratra ary diniho izay fomba tsara indrindra ampiharana izany hafatra izany amin'ny fianakavianao.Raha toa ka manana zatovo manatrika seminera ianao dia atomboy amin'ny fanontaniana azy ireo hoe nahoana no zava-dehibe ho azy ireo ny seminera. Dia vakio avy eo ilay fizarana hoe "Mahazo ireo Fitahiana Nampanantenaina." Amporisiho ny ankizy kelikely kokoa mba hiomana hanatrika seminera rehefa ampy ny taonany. Raha toa ianao tsy manana zatovo ao anatin'ny taona tokony hanaovana seminera dia vakio ilay lahatsoratra ary dia ifanakalozy hevitra ny maha-zava-dehibe ny seminera ho an'ny zatovo ankehitriny.

**"Mahafantatra an'i Bleck ny Olona Rehetra,"** pejy 42: Ataovy hira fanombohana ny "Fais Ton Devoir" (*Cantiques,* no. 153). Vakio na fintino ilay tantara momba an'i Bleck. Angataho ireo olona ao amin'ny fianakaviana mba hizara zavatra niainana iray izay tsy maintsy nandraisan'izy ireo fanapahan-kevitra sarotra teo anatrehan'ireo lalana samihafa, ary inona no vokatra naterak'ilay fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo. Farano amin'ny alalan'ny famakiana ilay tenin'ny Filoha Thomas S. Monson izany. ■

### Tsotra sy Tony ary Tsy Hay Hadinoina

Takarivan'ny mpianakavy anankiray tsy hay hadinoina izany izay niarahanay tamin'ny zanakay vavy kely anankiroa, dia i Angélique 6 taona sy i Béthanie 4 taona. Samy nivoretaka teo amin'ny sezanay izahay mivady, vizana no tsy nahalala hoe aiza no hanombohana azy. Noho izany dia nandray andraikitra ireo zanakay vavy ary nanodinkodina ilay taratasy boribory fizarana andraikitra ho an'ny olona tsirairay mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Dia nahazo andraikitra avy izahay tsirairay. Ny andraikitry ny vadiko dia ny mitarika. Hira ny an'i Béthanie. Fiaraha-mientana ny ahy ary mizara lesona ny an'i Angélique.

Nisafidy ny "Oh, J'aime Voir Le Temple" (*Chants pour les enfants,* 99) i Béthanie ary niaraka nihira izany izahay.Nanao ny vavaka fanokafana i dada. Avy eo dia noraisin'i Angélique ny laharan'ny *Liahona* nivoaka farany ary nisafidy lahatsoratra iray tao amin'ny fizarana ho an'ny ankizy izy.Mianatra mamaky teny izy any am-pianarana ka dia novakiany taminay ilay lahatsoratra. Ny fahatsapana nanenika ny tokantranonay dia fahatoniana. Nijory ho vavolombelona ny Fanahy fa marina ny zavatra novakiany.

Niaraka nanao kilalao izahay avy teo ary nataoko ny vavaka famaranana. Rehefa nivavaka aho dia tsy haiko ny tsy nisaotra ny Raintsika any an-danitra noho ny Fanahiny sy ny fitiavany ary koa noho ny fandrotsahany tao an-tokantranonay an'ireto fanahy kely ireto. Fantatray sy ny vadiko fa ny andraikitray dia ny mikarakara azy ireo ary mampianatra azy ireo ny filazantsara. Tafiditra ao anatin'izany andraikitra masina izany ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy. ■

**Sylvie Poussin, La Réunion**

# FANANTENANA AO AMIN' NY SOROMPANAVOTANA

**Nataon' ny Eveka Richard C. Edgley**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Episkôpà Mpiahy



Efa nihaona tamin' ny olona izay tena very fanantenana aho. Raha ny tsapan' izy ireo dia tsy natao ho azy ireo intsony ny fibebahana ary ny famelan-keloka dia tsy ho azony velively. Tsy mahatakatra ny hery manadion' ny Sorompanavotana ny olona toy izany. Na, raha mahatakatra aza izy ireo, dia tsy nataony ho latsa-paka ao anatiny ny dikan' ny fijalian' i Jesoa Kristy tao Getsemane sy teo amin' ny hazofijaliana. Ho antsika rehetra, ny fanariana ny fanantenana ho an' ny fanadiovana ny fiainantsika dia toy ny fandavana ny halaliny, sy ny hery ary ny halehiben' ny fijaliana nentiny teo amin' ny toerantsika.

*Tsy tokony hifototra fotsiny amin' ny fahalalana sy ny fijoroana ho vavolombelona ny fanantenana fa eo amin' ny fandraisana ny Sorompanavotana ho zavatra tena misy eo amin' ny fiainantsika.*

Taona vitsy lasa izay dia nanana andraikitra ny hanao tafa sy dinika tamin' ny lehilahy iray 21 taona aho nandritra ny fihaonamben' ny tsatòka iray mba hamaritra ny fahamendrehany amin' ny fanaovana asa fitoriana. Tsy mahazatra intsony ankehitriny ny fanaovan' ireo manampahefana ambony tafa sy dinika amin' ireo te-hirotsaka ho misiônera. Noho izany dia zavatra tsy mahazatra loatra izany. Rehefa namaky ireo fampahalalana vitsivitsy mikasika ny antony hanaovako ilay tafa sy dinika aho dia narary hatramin' ny foko. Nandika lalàna lehibe ity tovolahy ity. Mino aho fa izy mihitsy no namorona ireo fandikan-dalàna sasany. Nanontany tena aho hoe nahoana no izaho no nasaina nihaona tamin' ny olona nanao zavatra toy izao, ary notsoahiko avy tamin' izany fa ho hafahafa be ho ahy ny hanolotra hevitra mba hanomezan-dalana azy ho misiônera.

Taorian' ilay fivoriana Asabotsy harivan' ny fihaonambe dia nankao amin' ny biraon' ny filohan' ny tsatòka aho mba hanao ilay tafa sy dinika. Teo am-piandrasana aho dia nahita tovolahy tanora tsara endrika sy mahafinaritra nanatona ahy. Tsy hitako izay ialana tsiny aminy satria hitako fa te-hiresaka amiko izy kanefa izaho manana fotoana amin' ny tovolahy iray hafa izay manana olana betsaka. Avy eo dia nampahafantatra ny tenany izy. Izy kay ilay tovolahy nandrasako teo.

Tao amin' ilay birao mitokana no nanontaniako azy fanontaniana iray monja: "Inona no antony hanaovako tafa sy dinika anao?"

Notantarainy ahy ny lasany. Rehefa tapitra ny fitantarany dia nanomboka nanazava ireo dingana sy fijaliana nodiaviny izy. Niresaka mikasika ny Sorompanavotana izy—ilay hery tsy manam-petran' ny Sorompanavotana. Nijoro ho vavolombelona izy ary nilaza ny fitiavany ny Mpamonjy. Dia niteny izy avy eo hoe: "Mino aho fa mahery vaika tokoa ilay fijaliana niaretan' ny Mpamonjy tao Getsemane sy ny Sorona nataony teo amin' ny hazofijaliana ka afaka mamonjy na dia lehilahy toa ahy izao aza."

Tohina tamin' ny fanetren-tenany sy tamin' ny Fanahy aho ka niteny hoe: "Handefa toromarika aho mba hahafahanao manompo ho solontenan' i Jesoa Kristy." Ary niteny aho avy eo hoe: "Zavatra iray ihany no angatahiko aminao. Tiako ianao mba ho ilay misiônera tsara indrindra eto amin' ny Fiangonana iray manontolo. Izay ihany."

Telo na efa-bolana taty aoriana dia nanao lahateny tao amin' ny foibe iray fanofanana ho misiônera izaho sy Rahavavy Edgley. Teo am-pamaranana ilay fivoriam-pankaherezana ara-panahy izahay dia nahita endrika fantampatatro aho teo am-piresahana tamin' ireo misiônera.

Hoy izy: "Tadidinao ve aho?"


Somary sadaikatra ihany aho sady niteny hoe: "Iza moa? Fantatro fa tokony ho tadidiko ianao kanefa tena tsy azoko an-tsaina mihitsy."


Dia hoy izy hoe: "Aleo fa ho lazaiko aminao hoe iza aho. Izaho ilay misiônera tsara indrindra ato amin' ny foibe fanofanana ho misiônera." Ary nino azy aho.

Ny fanantenan' ity tovolahy ity dia tsy nifototra fotsiny tamin' ny fahalalana sy ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Sorompanavotana fa koa tamin' ny fandraisana izany fanomezana izany ho tena misy eo amin' ny fiainany. Takany fa ho an' ny tenany manokana izany! Fantany ny herin' ny Sorompanavotana sy ny fanantenana izay entiny rehefa toa very sy tsy misy antenaina intsony ny zava-drehetra. ■


*Avy tamin' ny lahateny iray nandritra ny fivoriam-pitsaohana natao tao amin' ny Oniversite Brigham Young tamin' ny 4 Nôvambra 2008. Raha hijery ny lahatsoratra feno amin' ny teny Anglisy dia mandehana ao amin' ny speeches.byu.edu.*

Hisy karazan' olona voalaza ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny laharana maromaron' ny *Liahona* amin' ity taona ity. Mba hahafahan' izy ireo ho mafy sy ho mora ampiasaina dia hetezo sy apetaho amin' ny lakôly amin' ny taratasy matevina, na amin' ny harona taratasy kely na amin' ny hazo vita sokitra izany. Ampirimo ao anaty valopy na harona ireo andian-tsary ireo miaraka amin' ny efajoro izay mampahafantatra ny toerana ahitana ilay tantara ao amin' ny soratra masina mifanaraka amin' ireo sary ireo.






Almà



Amioleka



Zezrôma

**Asa fitoriana nataon' i Almà sy Amioleka tany Amônihà**
Almà 8–14

SARY NATAON' I BETH M. WHITTAKER



"Izaho sy ianao rehefa ao anatin'ny fotoan'ny fahalemena dia afaka mihiaka hoe: "Tsy mba misy olona mahatakatra izany. Tsy mba misy na iza na iza mahafantatra izany,'" hoy ny nosoratan'ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Angamba tsy mba misy olombelona mahafantatra izany. Saingy ny Zanakalahin' Andriamanitra dia mahafantatra sy mahatakatra tsara, satria Izy dia nahatsapa sy nilanja ny enta-mavesatsika talohan'ny nahatsapantsika sy nilanjantsika izany. Ary satria nandoa ilay sarany faratampony Izy sy nilanja ilay enta-mavesatra dia tena mahatakatra tanteraka ny zavatra tsapantsika Izy ary manolotra amintsika ny sandrin'ny famindram-pony eo amin'ny lafin-javatra maro ao anatin'ny fiainantsika. Afaka manome tanana sy manohina ny fo ary manampy Izy—mihazakazaka mankany amintsika ara-bakiteny—ary manome hery antsika."

Jereo ny "Ny Sorompavotana sy Ilay Dia Eto An-tany," pejy 12.

MALAGASY